# *Famantarana*

Afaka mipetraka ianareo. Manao ahoana, ny rehetra! Faly aho tonga eto amin'ny fotoanan'ny Tompo izao maraina izao, tafaverina indray eo amin'ny . . . Tsy nahafantatra aho na ho tafaverina teto izahay na tsia, fa ny Tompo no nanomana làlana iray, ary niverina izahay ho an'ny fotoana androany. Ankehitriny dia manantena fotoana lehibe isika androany, izao maraina izao, amin'ity leson'ny sekoly Alahady ity, ao amin'ny Teny. Ary androany hariva dia ho asam-panasitranana indray, miaraka amin'ny fandraisana izay manaraka an'izany.

2 Ary ankehitriny isika dia manana ny—ny fanoloran-jaza, mino aho fa ny . . . Vao avy niteny tamiko i Rahalahy Neville fa misy olona manana ny zanany mba hatolotra. Ary raha hitondra an'ilay zaza izy ireo amin'izao fotoana izao, arak'izany. Ary ny rahalahintsika dia hijanona, na ny sasany amin'izy ireo, eo amin'ny orga na piano, ny anankiray. Ary dia ento miakatra ilay zaza. Hanana fotoam-panolorana isika; noho izany dia afaka miditra avy hatrany isika, haingana arak'izay vitantsika, ao amin'ny Teny.

3 Satria, tiantsika ny—ny hihazona amin'ny Teny. Izany no—izany no zavatra lehibe indrindra, manome tanteraka ny fotoanantsika ho an'ny Tenin'ny Tompo. Noho izany dia tena mankasitraka izahay ny amin'ny fanararaotra hihaonana aminareo rehetra eto androany, ary ho . . . ary ity—ity fotoana ity.

4 Mety nanao fahadisoana aho. Mety tsara daholo izany, ranabavy. Izaho—izaho—izaho dia nieritreritra fa nisy izany. Angamba fahadisoana iray fotsiny ilay izy. Eka. Ankehitriny, misaotra anao, betsaka, na izany aza. Angamba izao, heveriko fa avy tamin'ny olon-kafa ilay izy, avy tamin'ny olon-kafa, ary izany no nanao an'ilay izy fotsiny ho sarotra kely.

5 Ankehitriny mahazo aina tsara ve ny rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] . . . ? . . . Deraina Andriamanitra!

6 [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Ireo izy fa manatona."—Mpand.] Ankehitriny, oh, eny, ireto ireo zaza kely. Miala tsiny aho. Miala tsiny aho. Eny àry, ho avy ve ianao, ry loholona. ["Eny, tompoko."]

7 Eny, zazavavy kely anankiroa, mahafinaritra toy ny ahoana, zazavavy kely manana maso volontany! Hah? Tsara tarehy ilay izy. Iza no anarany? Jereo aty! [Hoy ilay reny hoe, "Jennifer Lee."—Mpand.] Jenny? ["Jennifer Lee."] Jennifer Lee. Iza no anaram-pianakaviana? ["Serept."] Serept. Avy aiza ianareo, Ranabavy Lee? ["Versailles, Illinois."] Versailles, Illinois. Tena mahafinaritra!

8 Ankehitriny, ao amin'ny Baiboly. Ankehitriny, mazàna, izy ireo—izy ireo dia manao karazana batisan-jaza; tsy mino ny batisan-jaza isika, satria tsy mbola nanota izy ireo, satria mbola tanora loatra izy ireo. Fa mino ny fanoloran-jaza ho an'ny Tompo isika. Ankehitriny izaho sy ny loholona dia hametra-tànana eo amin'ilay zaza kely. Jenny, hoy ianao? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Jennifer."—Mpand.] Jennifer. Eny àry.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

9 Ray An-danitra, raha mitondra an'ity zazavavy kely ity izahay izao maraina izao, antsoina hoe Jennifer, eo Aminao, ilay reny sy ireo malala no nitondra azy avy tany amin'ny làlana lavitra, mba hatolotra ho an'ny Tompo. Fantatray fa Ianao dia nametraka ny Tànanao tamin'ireo zazakely toa azy, tamin'ny Andronao, ary—ary nanao hoe, "Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza ràrana izy ireny, fa an'ny toa azy ny Fanjakan'ny Lanitra." Ankehitriny dia atolotray Anao izy, ho an'ny fiainan'asa iray, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

10 Iza no anaran'ilay zazavavy kely anankiray? [Hoy ilay reny hoe, "Connie Lynn."—Mpand.] Connie Lynn. Eny àry, Connie kely, manao, manao ahy hahatsapa ho kely ianao. Ahoana, matahotra ianao? Oh, matahotra aho sao tsy hety izao, neny. Eny àry.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

11 Tompo Jesosy, ilay reny no nitondra an'ity Connie kely ity eto aminay izao maraina izao, ao anatin'ny fotoam-panolorana ho an'ilay Tsitoha. Ianao no nanome azy an'ity zaza ity, ho tezaina, ary mitondra azy eo Aminao izy, miaraka amin'ilay anabavy kely. Mivavaka aho, Ray An-danitra, mba Hamindranao fo. Tahio ny fianakaviana. Tahio ilay zazavavy kely. Raha mametra-tànana aminy izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no anoloranay azy ho Anao ho an'ny fiainan'asa iray. Amena.

Andriamanitra hitahy anareo, sy ireo zanakareo kely eto.

Oadray, manana zaza kely betsaka isika ankehitriny!

12 Iza no anaran'ilay zazalahy kely? [Hoy ilay reny hoe, "Joel Lee Watson."—Mpand.] Joel Watson. ["Joel Lee."] Joel Lee Watson. Zazalahy iray mahafinaritra toy ny inona, maso manga goavana be! Oadray! Avy aiza ianareo rehetra? ["Eastman, Georgia."] Avy any Georgia. ["Eny."] Noheveriko fa hoe avy any Atsimo ianareo. Izaho tsy nahafantatra . . . ["Eny, ny reniko dia any amin'ny manodidina ny Tifton. Any izy."] Oh, eny. Oh, ahoana! Ity dia mahafinaritra anankiray, zazalahy Georgia kely, arak'izany, hah? Eny àry, tompoko. Eny, tompoko, tena mahafinaritra izany. Izy dia mahay miteny, ihany koa. Sa tsy izany?

Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

13 Ray An-danitra, mitondra an'ity zazalahy kely malala ity izahay, raha mitsangana eto ny reny sy ny ray noho—nohon'ny firaisan'izy ireo. Ianao no nanome azy ireo an'ity zazalahy kely ity ho tezaina, ary mitondra azy eto Aminao izy ireo. Ho toy ny—ny tantara iray mahafinaritra inona izao, tahaka an'i Ana, fahiny, izay nivavaka hahazo zanaka iray; ary—ary nomen'Andriamanitra azy ilay zanaka, ary nentiny niverina tao amin'ny tempolin'Andriamanitra izy, ho fanolorana. Ekeo, Tompo, mba ho Mpanomponao ity zazalahy kely ity, ka ho voatahy ny ray sy ny reny, ary hanana fahasalamana sy tanjaka hitaiza azy. Ary enga anie izy ho ela velona, fiainan-tsambatra, ary ho Mpanomponao, raha mametraka azy ho Anao izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena. (Ho tahiana anie ianao!) Ary ataovy ho lehilahy tsara iray izy, angamba ho mpaminany kely hafa iray tahaka an'i Samoela.

14 Ankehitriny dia indreto misy zazalahy kely anankiroa mahafinaritra. Oadray! Izy telo ve, arak'izany? Eny, ilay fianakaviana manontolo izao. Iza no anaranao? [Hoy ilay tovolahy hoe, "Michael."] Michael. Ary ny anao? [Hoy ilay zazalahy iray hafa hoe, "Paul."] Paul. Anarana mahafinaritra toy ny inona! Ary ny anao? [Hoy ilay zazavavy hoe, "Debbie."] Debra. Tena mahafinaritra izany. Michael, sy Paul, ary Debra. Ary iza no anaram-pianakavianareo? [Hoy ilay ray hoe, "Ellis."] Ellis? ["Eny."] Eny, izao no fianakaviana kely iray mahafinaritra indrindra, lazaiko aminareo.

15 Fantatrareo, rehefa mahita ankizy kely tahaka an'izao aho, dia mamerina amiko foana fony aho mbola zazalahy kely iray izany. Ary ankehitriny ilay ohabolana fahiny dia, fantatrareo hoe, "Manitsaka ny tongotrareo izy ireo, ary any aoriana dia ny fonareo," fa tsy mino aho fa ho toy izany ilay izy rehefa atolotsika ho an'ny Tompo izy ireo. Manana andraikitra iray isika eto, ary Andriamanitra no nametraka an'izao eo an-tànanareo. Manao anareo ho mpitory teny iray Izy. Niresaka foana ny amin'ireo vehivavy mpitory teny aho, fantatrareo, saingy ny reny rehetra dia mpitory teny iray; ity no fiangonany, hitanareo, hitaiza an'ireto zaza kely ireto hahitsy, rehefa miasa i dada. Ary manana andraikitra iray ianareo. Andriamanitra hitahy anareo rehetra. Manana fianakaviana kely iray mahafinaritra ianareo.

16 Rainay An-danitra, manatona miaraka amin'i Michael kely izahay, toy ny hoe izy no lahimatoa. Ary mametraka ny tànanay eo aminy izahay, ho fanolorana, ho an'i Jesosy Kristy. Ny fianakaviany no nitondra an'ireo zanany kely satria Ianao no nametraka an'izany eo amin'ny—ny fiahiany, ary fantatr'izy ireo fa tsy ampy izy ireo, raha tsy misy ny Fanampianao, noho izany dia mitondra ny fianakaviany izy ireo, mba hanolotra azy ireo.

17 Ankehitriny dia atolotro Anao i Michael kely eto, ho an'ny fiainan'asa iray, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Toy izany koa, dia mametra-tànana eo amin'i Paul kely izahay,

ary manolotra ny fiainany ho an'i Jesosy Kristy izahay, ho an'ny fiainan'asa iray ho voninahitr'Andriamanitra. Ary eo amin'i Debra kely, dia mametra-tànana eo aminy izahay, Ray, ho fanolorana, fahatsiarovana an'i Jesosy Kristy, Izay nametraka ny Tànany teo amin'ireo ankizy madinika, nanao hoe, "Avelao izy ireo hanatona Ahy; aza raràna izy ireny." Enga anie ny fiainan'ity zazavavy kely ity ho voatahy ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.

18 Tahio ny ray sy reny, ary enga anie izy ireo hiaina, fiainan-tsambatra ela, mba hahita an'ireo zanany ao amin'ny asan'Andriamanitra. Mangataka an'izany tso-drano izany izahay ho an'ny voninahitr'Andriamanitra, raha manolotra azy ireo amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izahay. Amena.

Ho tahiana ianao! Ho tahiana ianao! Ianareo dia mahafinaritra anankiray, fianakaviana kely. Eny.

19 Toy ny. . . Fantatrareo ve izay eritreretiko? Ireo zazavavy kely dia, lasa tsara tarehy ankehitriny nohon'ny taloha fony aho mbola zazalahy kely iray. Eny, tompoko. Maso goavana be tsara tarehy toy ny inona! Iza no anarany? [Hoy ilay reny hoe, "Joanna."—Mpand.] Joanna. Ary ny anaram-pianakavianareo dia. . . [Hoy ilay ray hoe, "Blair."] Blair, Joanna Blair. Ianareo izay mijery ato aoriana ato, tsy tahaka ny saribakoly iray ve izy? Eny, tompoko. Ary manao ahoana ianao, ry Joanna, hah? Karazan'ny saro-kenatra kely, Joanna, saro-kenatra kely mihitsy. Zavatra kely iray maha-te-ho tia.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

20 Rainay An-danitra, ity fianakavian'ny Blair ity dia nahazo an'ity fanomezana ity tamin'ny firaisany, ity Joanna kely ity. Ary fantatray fa ratsy ny andro, nefa i Satana dia eo amin'ny lafiny rehetra, mba hanafika, indrindra fa ireto zazavavy kely ireto. Ary fantatr'izy ireo fa tsy ampy izy ireo mba—mba hitaiza azy hahitsy. Ary te-hitaiza azy hahitsy izy ireo, sy ho mpanompo iray ho Anao. Ary mitaiza an'ity zazavavy kely ity izy ireo mba hanome voninahitra Anao. Ary ankehitriny dia mitondra azy izy ireo, ho fanolorana, eo Aminao. Mametra-tànana aminy izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, raha manolotra an'i Joanna Blair kely ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra izahay, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. Amena.

Ho tahiana ianao, Rahalahy Blair. Homba anareo anie ny Tompo.

21 Manao ahoana, tompoko! [Hoy ilay ray hoe, "Manao ahoana!"—Mpand.] Zazalahy iray mahafinaritra toy ny inona ity! He, manao ahoana ianao? Eny, oadray, tsaratsara kokoa ho anao raha mitodika amin'*ity* ilany ity ianao. Eny, tompoko. Manana loha iray mahafinaritra, tsara tarehy, kely, ary tarehy iray mba hiaraka amin'izany. Hah? Iza no anarany? ["Daniel Mark."] Daniel Mark. Ary ny anaram-pianakavianareo?

["Mark Kardum."] Kardum. ["Kardum."] Kardum, Daniel Mark Kardum.

22 Avy eto amin'ny manodidina eto ve, Rahalahy Kardum? [Hoy Rahalahy Kardum hoe, "Ankehitriny, ny tanànan'i Melkerk."—Mpand.] Eny, tompoko. Avy aiza ianao? ["Ny fihaviako dia avy any New York State."] New York State, Yankee iray, marina. ["Eny."] Eny, fanjakana iray lehibe izany. Manana fianakaviana iray aho mipetraka any. Ny dadatoako dia mipetraka any Plattsburgh. Oh, nanana fifalifaliana betsaka aho tany New York. Handeha ho any aho ho an'ny fivoriako manaraka, New York City, ny Stone Church any. Eny àry.

23 Ankehitriny, ny anarany dia Mark, hoy ianao? [Hoy ilay ray hoe, "Daniel Mark."—Mpand.] Daniel Mark, zazalahy kely mahafinaritra toy ny inona!

Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

24 Tompo Jesosy, mitondra eo Aminao an'i Daniel Mark kely izahay, ho fanolorana ny fiainany. Nomena eo an-tànan'ny ray sy reny, ny hitaiza an'ity ankizy kely ity ao amin'ny fananaran'Andriamanitra. Ary fantatr'izy ireo fa tsy ampy izy ireo, noho izany dia mitondra azy eo Aminao izy ireo, Tompo, mba Hitahianao ny fiainany. Ary, ankehitriny, ary fantatray fa ratsy ny andro, izay iainanay. Mahita an'ireto ankizy kely ireto izahay, tsy fantatray mihitsy izay hazonin'ny ampitso, saingy, na inona izany na inona, dia mahatoky azy ireo eo an-Tànanao izahay. Mametra-tànana eo amin'ity zazalahy kely ity izahay, ary manolotra ny fiainany eo Aminao, ho an'ny fiainan'asa iray ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, amin'ny Anaran'i Jesosy no ivavahanay. Amena.

25 Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Zazalahy iray mahafinaritra izy. Ary ho tahiana ianao, Mark kely.

> Oh . . . izy ireo, ento izy ireo,
> Ento hiala amin'ireo sahan'ota izy ireo;
> Oh, ento izy ireo, ento izy ireo,
> Ento eo amin'i Jesosy ireo madinika kely.

Mahafinaritra izany! Misaotra anao, ranabavy.

26 Firy no teto tamin'ny Alahady, izay nivavahana tamin'ny Alahady lasa, ka mahatsapa ny vokany ary mahatsapa fa sitrana ianareo? Atsangano ny tànanareo, izay nivavahana. Oh, oadray, jereo eto, saiky ny tsirairay amin'izy ireo mihitsy.

27 [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Haleloia! Tsy mahafinaritra ve izany! Deraina Andriamanitra! Efa nandre ny amin'izany aho, ny herinandro manontolo."—Mpand.] Eny, tompoko. Izaho dia nandre, ihany koa. Te-hipetraka fotsiny aho, hihaino, hitanareo.

28 Hitanareo, nisy zavatra niseho, izay ho lazaiko anareo rehefa avy eo. Noho izany, ankehitriny, hitanareo, izany dia—izany dia lehibe sy mahafinaritra. Ary isika raha . . . Hiresaka

ny amin'izany isika, amin'ny fivoriana hafa iray, fantatrareo, indray andro any. Manomboka miseho mihitsy izany, ary tena mankasitraka an'izany isika.

29 Ary tany Kentucky aho, satria manao an'izany isan-taona aho, mandeha mankany. Niaraka tamin'ireo sakaizako sasany tany aho. Ary tsy hoe hihaza vontsira fotsiny izany, ary fantatrareo izany, hitanareo.

30 Noho izany dia manana fotoana iray lehibe fotsiny isika, ary mankasitraka ny Tompo isika!

31 Tsy maintsy mandeha aho ankehitriny, handeha hody aorian'ity fivoriana ity. Ary avy eo, ary izahay. . .Avy eo dia handalo indray izahay, afaka kelikely, handeha ho any New York ho an'ny fivoriana iray. Ary raha afaka manana anjara hijanona vetivety izahay, nahoana, izahay—izahay dia ho faly ny hanana fivoriana hafa iray eto amin'ity tabernakla ity.

32 Ary avy eo dia hiverina aho, handeha ho any Shreveport. Ary avy eo dia hiverina hody izahay, ary nikasa ny handalo eto amin'ireo fety, raha sitraky ny Tompo, hitondra ny fianakaviana hiverina. Ary avy eo—ary avy eo aho dia maniry ny . . .

33 Avy eo ireo fivoriako dia hanomboka ao Phoenix, amin'ny Janoary. Izany dia ilay fivoriana isan-taona any ho an'ny Christian Business Men. Ary eo amin'ny herinandro na folo andro alohan'izany, dia hiezaka aho ny—ny hanofa an'ilay goavana. . .Ireo olon'ny Anaran'i Jesosy; izany taloha dia Rahalahy Garcia, sy ilay—ilay rahalahy Espaniola tany no nanana toerana mahafinaritra, goavana tany. Vao avy naorin'izy ireo izany. Izany dia hametraka olona an'arivony maro, tena vaovao, ary ny fiangonan'izy ireo dia tena kely. Nilaza tamiko izy ireo fa afaka manofa an'izany aho amin'ny fotoana rehetra izay tiako. Raha tokony haka fotsiny ny—ny manodidina, manodidina fotsiny an'ilay lohasaha, mitety fiangonana, dia heveriko fa hanangona ny zavatra rehetra ao anatin'ny fivoriana mitambatra anankiray lehibe fotsiny aho, hitanareo, ary avy eo dia hanao an'izany ao.

34 Ary avy eo dia afaka manofa an'ilay tempoly izahay. Ho hitanay ankehitriny raha afaka izahay, ary avy eo dia hanana an'ilay Christian Business Men's Convention. Avy eo, mandrapilamin'ireo any am-pitan-dranomasina, dia hiezaka izahay ny hanao fivoriana any Atsimo, amin'ny Janoary, sy Febroary, ary Martsa, any amin'ireo tany Atsimo. Ary avy eo—avy eo dia handeha. . .satria, raha izao izahay no manomboka ka mandeha any Afrika. . .Hitanareo, ity andro Krismasy ity, ho azy ireo, dia ny fahefatra Jolay. Hitanareo, izany dia—izany dia manorana sady ratsy, ary tsy afaka ny ho tonga any ianareo amin'izany fotoana izany, noho izany ny fotoana tsara indrindra handehanana any dia any aoriana kely. Ary avy eo izahay dia maniry ny hanomboka, raha vitanay, any Norvezy, ary handeha

manodidina an'izao tontolo izao, sy hiasa ao Afrika, hamarana any, raha sitraky ny Tompo.

35 Fa mivavaha ho anay ankehitriny. Ary tianay ianareo, ary fantatrareo izany. Noho izany dia manantena an'ilay manantombo betsaka isika, ambonin'izay rehetra azontsika hatao, na dia izay heverintsika fa ho vitan'ny Tompo aza.

36 Ary mino isika, fa anio hariva, dia hisy ny asampanasitranana iray lehibe. Mino aho fa hisy ny . . . Tsy hiresaka afa-tsy vitsy fotsiny aho, satria manana fandraisana isika anio hariva. Ary noho izany dia eo amin'ny roapolo na telopolo minitra eo, avy eo dia hanana an'ilay laharam-bavaka isika, ary—ary aorian'izany avy hatrany, isika dia hanana—hanana ny fandraisana. Ary tonga soa ianareo raha hiaraka hijanona aminay; ho faly izahay. Izahay dia tsy manana ny—ny fandraisana mikatona. Ho an'ny mpino rehetra izany, ny mpino rehetra.

37 Ary alohan'ny hamakiako ny Soratra, dia manontany tena aho raha hanondrika ny lohantsika iray minitra fotsiny isika. Hangataka ny sakaizako tsara aho, Rahalahy Lee Vayle, raha hitarika antsika ao anatin'ny tenim-bavaka iray izy, mba hitahian'Andriamanitra ny Teniny. Rahalahy Vayle, hanao an'izany ho anay ve ianao?

[Mivavaka Rahalahy Lee Vayle ankehitriny—Mpand.] Amena. Ekeo izany, Tompo. Ekeo izany, Tompo. Ekeo izany, Tompo. Eny, Tompo. Amena.

38 Ankehitriny am-pahamasinana, am-panajana no hanatonantsika ny Teny. Ankehitriny aho dia maniry ny hamaky, izao maraina izao, avy ao amin'ny Eksodosy ny toko faha-12, ary manomboka amin'ny andininy faha-12, ny andininy faha-12 sy faha-13, miaraka. Ary henoy tsara ankehitriny. Ary avy eo alohan'ny fandraisana anio hariva, dia vakio ny toko faha-12-n'ny—ny Eksodosy, ny toko manontolo; satria ny andininy faha-11 fotsiny eto dia ny fiomanana ho an'ilay dia, ary ilay fandraisana alohan'ilay dia. Ary tiantsika ny hanatona an'izao tena am-panajana ankehitriny. Ankehitriny ny andininy faha-12-n'ny toko faha-12.

> *Fa handeha hamaky ny tanin'i Egypta aho amin'izany alina izany, ka hamono ny matoa rehetra amin'ny tanin'i Egypta, na ny olona na ny biby; ary ireo andriamanitr'i Egypta rehetra dia hotsaraiko avokoa: Izaho no* TOMPO.
>
> *Ary ny rà dia ho famantarana ho anareo eo amin'ny* trano *izay misy anareo: ary rehefa mahita ny rà aho, dia handalo anareo aho, ka tsy hisy loza handringana anareo, rehefa mamely ny tanin'i Egypta aho.*

39 Enga anie ny Tompo hitahy ny Teniny Masina!

40 Ankehitriny dia te-haka lohateny iray avy amin'io aho, literan-teny dimy anankiray fotsiny: *Famantarana*. Famantarana! Tiako ny hiresaka eo amin'ny teny, na hampianatra an'ity leson'ny sekoly Alahady ity, eo amin'ny teny hoe "famantarana." Ny Baiboly no nilaza eto hoe, "Ary ny rà no ho famantarana ho anareo." Ary tiantsika ny hampiasa ny teny hoe "famantarana."

41 Ankehitriny isika dia tsy mahafantatra; rehefa nijery ny famantaranandro aho, ary rehefa tonga ny fotoana, eny, misy an'ireo. . . Manana maro aho, Soratra maro voasoratra eto. Noho izany tsy. . . Ary mahafantatra fa tsy hiaraka aminareo mandritry ny fotoana vitsy aho. Ary ahoana no hahafantarantsika fa tsy ity no fotoana farany izay hany hihaonan'ny sasany amintsika miaraka, noho izany dia ndao isika hiezaka hanatona an'Ity tena am-panajana mihitsy. Fantatro fa sarotra ilay izy. Ny Tompo dia efa nanome antsika ankehitriny maraina iray mahafinaritra, ihany koa—ihany koa, ho an'ny fotoana, mahafinaritra mihitsy. Ary ndao isika hiezaka hifantoka ankehitriny eo amin'ny zavatra rehetra izay—izay resahantsika, mba ny. . . raha misy zavatra ao anatiny ao izay tian'ny Tompo ho fantatrareo, dia homena anareo izany.

42 Ary tsy mitsangana eto isika mba ho hita fotsiny. Tsy tonga eto mihitsy isika mba hahafahan'ny hafa hahita fotsiny hoe akanjo inona no anaovantsika. Na. . . Isika, tonga eto isika ho an'ny zavatra anankiray, araka ny nivavahan'ny rahalahintsika an'ilay vavaka hoe, "Eto izahay mba handre ny Teny, ny Teny izay tonga aminay." Ilaintsika Izany, satria izany ihany no zavatra izay hidika ho zavatra rehetra amintsika, zavatra izay hisy vidiny, zavatra izay—izay hanampy antsika.

43 Ary isika dia olona iray ho faty. Ny olombelona rehetra dia mandroso mankany amin'ny Mandrakizay. Ary noho izany dia manana an'izao fotoana betsaka izao isika mba handraisana ny fanapahan-kevitsika hoe iza no làlana handrosoantsika. Ary ilay làlana dia eo anoloantsika; afaka maka an'izay lafiny tiantsika ho fidiana isika. Izany no fomba Nametrahany an'i Adama sy Eva, ary izany no fomba Ametrahany antsika.

44 Tsy maintsy mahatsiaro isika, fa tsy mampaninona izay ataontsika, na mahomby toy ny ahoana isika, eo amin'ny fiainana, raha tsy misy an'i Kristy dia verintsika manontolo ny zavatra rehetra. Noho izany raha Izy, taorian'ny. . . Raha Izy no hany azontsika antenaina, dia isika no ho olona adala indrindra raha tsy hanaiky an'Izany, ho izany, sy—sy ho tia an'Izany. Tsy manaiky an'Izany fotsiny ihany, fa ho lasa zavatra lehibe kokoa noho izany ianareo. Rehefa avy nahazo an'Izany ianareo, dia aza maka an'Izany ka mametraka an'Izany eo ambonin'ny talantalana. Tsy maintsy ampiasaina Izany.

45 Toy ny mandeha any amin'ny dokotera ka mahazo fanafody, ary avy eo dia mametraka an'izany eo ambonin'ny talantalana. Raha mandeha haka an'ilay fanafody ianareo, dia alaivo ilay fanafody. Raha misy aretina iray manelingelina anareo, ary io fanafody io no natao hanampy anareo, dia raiso izay omeny anareo; ary ny fomba mihitsy izay nolazainy hanomezana azy, satria indraindray dia ny minitra vitsy fotsiny dia manao fahasamihafana betsaka amin'ny fomba anomezanareo azy. Ary ahoana no ahafantarantsika . . .

46 Fa eto amin'ity toe-javatra ity, androany, ny fotoana anankiray fotsiny an'ny fanapahan-kevitrareo dia mety hametra ny fitodianareo Mandrakizay. Raiso fotsiny Izany araky ny Hanolorany Azy ho anareo.

Famantarana iray, "Ny rà no ho famantarana ho anareo."

47 Ankehitriny inona, aloha, ny famantarana? Izany dia teny iray fampiasa mahazatra eo anivontsika olona miteny Anglisy, indrindra isika eto Amerika. Ny famantarana dia ny . . . Ny tena izy, ny diksionera dia milaza fa ny famantarana dia marika iray, izany dia mariky ny saran-dalana iray, voaloa ny vidiny, hitanareo; hoe ilay—ilay saran-dalana, na vidiny iray, vidiny iray notakiana izay efa voaloa.

48 Tahaka ny saran-dalana iray eo amin'ny fiaran-dalamby na ny saran-dalana iray eo amin'ny zotram-pitaterana iray. Miditra ianareo ary mividy ny—ny saran-dalanareo, ary avy eo dia omen'izy ireo famantarana iray ianareo, ary io famantarana io dia tsy azo ampiasaina amin'ny zavatra hafa afa-tsy io zotran'ny fiaran-dalamby io. Ary famantarana iray izany, ho an'ilay orinasan'ny fiaran-dalamby, hoe efa voaloanareo ny saran-dalanareo. Famantarana iray izany, ary tsy azonareo ampiasaina amin'ny zavatra hafa izany. Tsy mety amin'ny zotra hafa izany. Amin'io zotra io ihany no mety izany. Ary izany no—izany no famantarana.

49 Ankehitriny eto, izay ho resahantsika, eo amin'izay hanombohantsika, dia Andriamanitra no miteny amin'ny Isiraely hoe, "Ny ràn'ilay zanak'ondry no famantarana ho anareo." Ny zanak'ondrin'ny Isiraely, voavono, no famantarana notakian'i Jehovah. Tsy maintsy ny rà ilay izy. Nanao famantarana iray Andriamanitra ary nanome an'izany ho an'ny Isiraely. Ary tsy misy famantarana hafa hety, hitanareo, tsy ho ekena izany.

50 Ho an'izao tontolo izao, Izany dia andiana hadalana. Fa, ho an'Andriamanitra, dia Izany no fomba tokana. Ny zavatra tokana izay Notakiany dia io Famantarana io. Tsy maintsy eo Izany. Ary tsy afaka mahazo an'ilay Famantarana ianareo raha tsy efa voaloa ny saran-dalana, amin'izay fotoana izay ianareo dia tompon'ny Famantarana izay manome anareo ny—ny tombontsoa an'ny fandehanana maimaim-poana. "Hahita

ny Rà Aho, dia handalo anareo Aho." Fotoana toy ny inona, izany, tombontsoa toy ny inona, ny mahafantatra fa ianareo dia mitondra, ao anatinareo, an'ilay Fahazoan-dàlana. "Rehefa mahita ny Rà Aho, dia handalo anareo Aho." Izany no zavatra tokana izay Hekeny. Tsy misy zavatra hafa izay afaka maka ny Toerany; tsy mpisolo, tsy anaram-piangonana, tsy zavatra hafa. Io no ilain'Izany. Hoy Andriamanitra hoe, "Izany ihany no Hojereko."

51 Tsy mampaninona na marina toy ny ahoana aza izy ireo, tsara toy ny ahoana izy ireo, fianarana firy no nananan'izy ireo, toy ny ahoana no niakanjoan'izy ireo, ilay famantarana ihany no zavatra tokana. "Rehefa mahita an'ilay famantarana Aho, dia handalo anareo Aho." Ny rà no famantarana izay—izay nahafa-po ny fitakian'i Jehovah, ka izany no natao. Ny rà no nampiasaina ho famantarana. Ny rà no famantarana. Hitanareo? Ilay aina izay . . .

52 Andriamanitra no nilaza fa, "Ny andro izay hihinananareo an'izany, dia ho faty ianareo amin'izay andro izay." Ary nisy aina mpisolo iray nalaina ho an'ny ain'ilay mpino. Andriamanitra, ao amin'ny famindram-po, dia nanaiky mpisolo iray ho an'ny ain'ilay olona simba. Rehefa nanimba ny tenany tamin'ny ota ny Zanany, tamin'ny tsi-fankatoavana ny Teny, tamin'izay fotoana izay Andriamanitra, manan-karena amin'ny famindram-po, dia nanao mpisolo iray; ary, izany dia, zavatra iray no tsy maintsy maty teo amin'ny toerany. Tsy nisy zavatra hafa nety.

53 Izany no anton'ireo paoma sy paison'i Kaina, sy ny sisa, tsy nety. Ilay izy dia tsy maintsy aina iray izay manana rà ao anatiny, ary ilay aina dia tsy maintsy niala avy tao amin'ilay fanatitra, ary ankehitriny dia ny rà no famantarana iray izay nanatanterahana ny baikon'Andriamanitra. Ankehitriny, inona no notakian'Andriamanitra? Ny aina; ary ny rà no naneho fa tsy maintsy nisy aina iray lasa. Noho izany dia ny rà no famantarana fa nomena ilay aina, hoe nisy zavatra iray maty, fitakian'Andriamanitra; hoe aina iray no nomena, ary nalatsaka ny rà. Ary ny rà no nampiasaina ho famantarana, hoe lasa ilay aina. Ny ain'ilay biby izay notenenin'Andriamanitra fa tsy maintsy nesorina, dia ny rà izay nampiasaina ho famantarana. Hitanareo?

54 Ny—ny—ny mpino mpivavaka dia voatondro miaraka amin'ny fanatiny, amin'ny alàlan'ilay famantarana. Tsy maniry ny hijanona ela loatra eo amin'ireto andalan-tsoratra ireto aho, fa, izay mety ilanareo ny fotoana manontolo eo amin'ny anankiray amin'izy ireo, fa te-hijanona eto vetivety aho mba hanehoana an'izany. Ny—ny—ny mpino dia tsy maintsy voatondro miaraka amin'ny fanatiny. Hitanareo? Raha fanatitra iray fotsiny ilay izy ary—ary natao tany ho any, dia manolotra an'izany fotsiny izy; fa tsy maintsy voatondro ao amin'izany izy. Am-pahatsorana, dia tsy maintsy mametraka ny tànany

eo ambonin'izany izy, aloha, mba hanondro ny tenany miaraka amin'ny fanatiny. Ary avy eo ilay rà dia apetraka eo amin'izay nahafahany nitsangana teo ambanin'ilay rà. Tsy maintsy eo amboniny ilay rà. Ary izany no famantarana fa izy dia nanondro ny tenany, ho meloka, ary nanaporofo fa mpisolo tsy manan-tsiny iray no naka ny toerany.

55 Sary iray mahafinaritra toy ny inona! Oh, voaavotra iray! Hitanareo, nivoaka ny fitsarana, ary nivoaka ny fitakian'ny fitsarana masina an'Andriamanitra. Ary hoy Andriamanitra hoe, "Ankehitriny dia hitaky ny ainao Aho," ary tamin'izay fotoana izay, rehefa ilay—ilay—ilay aina no nanota. Tamin'izay fotoana izay dia mpisolo tsy manan-tsiny iray no naka ny toerany. Ary ràm-biby izany; fa tsy paoma, paiso. Izany dia tokony hanao tanteraka an'ilay taranaky ny menarana tena mazava ho an'ny rehetra, hoe rà izany. Ary io rà io, izay tsy afaka hivoaka avy ao amin'ny voankazo, no nivoaka avy tao amin'ny mpisolo tsy manan-tsiny iray. Ary ilay aina dia nivoaka, ihany koa—ihany koa, teo amin'ny toerany, ary ny rà no marika iray fa maty ilay biby ary nivoaka ny rà.

56 Ary ny mpivavaka izay mampihatra an'ilay rà eo amin'ny tenany, dia maneho fa voatondro ao amin'ilay fanavotana izy, satria nanondro ny tenany izy niaraka tamin'ny . . . teo amin'ilay fanatitra, nampifandray ny tenany tamin'ilay fanatitra, ary ny rà no nampiasaina ho famantarana.

57 Tena—tena mahafinaritra! Sary iray toy ny inona izany! Izany no tandindona iray tanteraka an'i Kristy, marina mihitsy, ny mpino amin'izao andro izao izay mitsangana eo ambanin'ilay Rà nalatsaka, voatondro miaraka amin'ilay Fanatitra. Tena tanteraka mihitsy araka—araka ny maha-izy azy! Ary ahoana fa Kristy, tsy—tsy biby iray . . . Hitanareo, ilay—ilay biby dia maty, fa ilay izy dia . . .

58 Ny zavatra tsy manan-tsiny indrindra izay ananantsika, heveriko, dia mety, ny—ny biby, ny—ny zanak'ondry. Rehefa te-hanondro an'i Jesosy Kristy Andriamanitra, dia nanondro ny Tenany ho Zanak'ondry iray Izy. Ary rehefa te-hanondro ny Tenany Izy, dia nanondro ny Tenany ho vorona iray Izy, Voromailala iray. Ary ny voromailala no tsy manan-tsiny indrindra sy madio indrindra amin'ny vorona rehetra, ary ny—ny zanak'ondry no tsy manan-tsiny indrindra sy madio amin'ny biby rehetra. Noho izany dia hitantsika rehefa ny . . .

59 Jesosy dia nataon'i Jaona batisa, ary hoy ny Baiboly hoe, "Ary—ary nahita ny Fanahin'Andriamanitra izy, tahaka ny voromailala, nidina teo Amboniny." Noho izany raha izany no . . . Raha lopa anankiray ilay izy, na biby hafa iray ilay izy, ny—ny natioran'ny voromailala dia tsy afaka hifangaro amin'ny natioran'ny lopa, sady tsy afaka ny—ny natioran'ny voromailala dia tsy hifangaro amin'ny biby hafa afa-tsy ny zanak'ondry

ihany. Ary ireo natiora roa ireo no mikambana, amin'izay fotoana izay izy ireo dia afaka mifanaraka.

60 Ankehitriny hitanareo ve ilay fifidianana mialoha? Zanak'ondry iray izany rehefa tonga teo izy. Hitanareo? Hitanareo? Ny . . . Zanak'ondry iray izany rehefa izy—rehefa nentina izy. Zanak'ondry iray izany. Teraka ho zanak'ondry iray izany. Notezaina izy, zanak'ondry iray. Hitanareo?

61 Ary, noho izany, izany ilay karazana tokana an'ny Fanahy marina iray izay afaka mandray ny Teny, izay afaka mandray an'i Kristy. Ny sisa amin'izy ireo dia hiezaka, niezaka ny hahazo an'Izany izy ireo, ary nametraka ny Fanahin'Andriamanitra teo ambonin'ny lopa iray, hitanareo, masiaka, ratsy, ratsy fanahy. Tsy hijanona eo Izy. Hanidina avy hatrany mihitsy ny Fanahy Masina. Tsy hanao an'izany Izy.

62 Ahoana moa raha nidina ilay Voromailala, ary, raha tokony ho Zanak'ondry iray ilay Izy, dia nisy biby hafa iray teo? Tsy maintsy ho naka haingana ny Fanidinany Izy ary niverina. Hitanareo? Fa rehefa Hitany ilay natiora izay Nahafahany nifangaro, dia lasa Iray fotsiny Izy.

63 Ary tamin'izay fotoana izay dia ilay—ilay—ilay Voromailala no nitarika an'ilay Zanak'ondry, ary, mariho, nitarika an'ilay Zanak'ondry tany amin'ny famonoam-biby Izy. Ankehitriny, ilay Zanak'ondry dia nankatò an'ilay Voromailala. Hitanareo? Tsy mampaninona na taiza na taiza no Nitarihany Azy, nanaiky handeha Izy.

64 Manontany tena aho, androany, rehefa Andriamanitra no mitarika antsika ho eo amin'ny—ny fiainan'ny fanoloran-tena tanteraka sy asa ho Azy, manontany tena aho raha tsy mikomy ireo fanahintsika indraindray amin'izay fotoana izay, maneho kely fa, manontany tena aho raha zanak'ondry isika? Hitanareo? Hitanareo? Ny zanak'ondry iray dia mankatò.

65 Ny zanak'ondry iray dia manao ny tenany ho fanatitra. Izy—izy dia tsy—izy dia maka, tsy mitaky ny azy manokana. Afaka mametraka azy avy hatrany ianareo ary manety ny volony hiala aminy. Izany no zavatra tokana izay ananany. Izy dia tsy—tsy miteny na inona na inona mihitsy mikasika an'izany; manao fanatitra fotsiny ny zavatra rehetra izay ananany. Izany no zanak'ondry iray. Izy dia manome ny zavatra rehetra ho an'ny . . . mizara ny zavatra rehetra, ny tenany sy ny rehetra maha-izy azy.

66 Ary toy izany ny tena Kristiana iray, raha izy ireo . . . manao ny tenany ho fanatitra, tsy miahy na inona na inona ho an'ity izao tontolo izao ity, fa manome ny zavatra rehetra izay ananany ho an'Andriamanitra. Hitanareo?

67 Ary ankehitriny dia izany no Zanak'ondry tanteraka, Kristy izany. Ary avy eo tamin'ny alàlan'ilay nalatsaka avy tao amin'io zanak'ondry io, ilay zanak'ondry ara-nofo tao

Egypta, dia nampiharina ilay rà, ary, rehefa nampiharina izany, dia izany no nampiasaina ho famantarana, noho izany dia inona no hampiasana ny Ràn'ity Zanak'ondry ity? Hitanareo? Ilay Famantarana izay ahafatesantsika amin'ny tenantsika ary voatondro miaraka amin'ny Fanatitsika. Hitanareo? Amin'izay fotoana izay, ilay Zanak'ondry sy ilay—sy ilay—ilay Rà ary ilay olona dia lasa voatondro miaraka, ilay Fanatitra sy ilay mpino. Hitanareo, voatondro ao amin'ny fiainanareo ianareo, amin'ny alàlan'ny Fanatitrareo. Izany no manao anareo amin'izay mahaizy anareo.

68 Tamin'izany fotoana izany dia ny rà no famantarana, na fanondroana. Ny rà no nanondro fa ilay mpivavaka dia namono ny zanak'ondry, sy nanaiky an'ilay zanak'ondry, ary nampihatra an'ilay famantarana teo amin'ny tenany, ka tsy menatra izy. Tsy ahoany izay mahita an'ilay izy. Tiany hahita an'izany ny olona rehetra, ary izany dia napetraka eo amin'ny toerana iray izay hahafahan'ny olona rehetra izay mandalo hahita an'io famantarana io.

69 Hitanareo, maro ny olona te-ho Kristiana, ary izy ireo—izy ireo—izy ireo dia tia manao an'izany am-piafenana mba tsy hisy olona afaka—afaka hahafantatra fa Kristiana izy ireo. Na, ireo—ireo mpiara-miasa izay ifankahazaran'izy ireo, ny sasany amin'izy ireny dia mieritreritra hoe, "Eny, ankehitriny, jereo, izaho—izaho—izaho te-ho Kristiana iray, saingy tsy tiako i *Ranona-sy-ranona* hahafantatra an'izany." Hitanareo? Eny, ankehitriny, hitanareo, tsy izany no Kristianisma.

70 Ny Kristianisma dia tsy maintsy mampiseho ny Famantarany, hitanareo, am-pahibemaso, eo amin'ny fiainana am-pahibemaso, any am-piasana, eny an-dàlambe, rehefa tonga ny olana, ny zavatra rehetra, ao am-piangonana, na aiza na aiza. Ny Rà no Famantarana, ary ny Famantarana dia tsy maintsy ampiharina, hitanareo, na (tsy izy izany) tsy misy fiantraikany akory aza ilay fanekena.

71 Ny rà no famantarana, na fanondroana iray, manondro fa io olona io dia voaavotra. Ankehitriny, eny, mariho, izy ireo dia nanana, izy ireo dia voaavotra talohan'ny nitrangan'ny zavatra iray mihitsy. Tamin'ny alàlan'ny finoana no nampiharan'izy ireo ny rà. Hitanareo, talohan'ny nitrangan'izany tokoa, dia nampiharina tamin'ny alàlan'ny finoana ny rà, mino fa hitranga ilay izy. Hitanareo? Talohan'ny nandalovan'ilay fahatezeran'Andriamanitra teo amin'ilay tany, dia tsy maintsy nampiharina ilay rà, aloha. Efa tara loatra ilay izy raha taorian'ny nilatsahan'ilay fahatezerana.

72 Ankehitriny dia manana lesona iray isika eo izay tena azontsika, angamba hitondra an'izany ao amin'ny fisainanareo, vetivety. Jereo, *talohan*'ny itrangan'ilay izy, satria ho tonga

ny fotoana iray izay tsy hahavitanareo intsony hampihatra an'ilay Rà.

73 Ilay zanak'ondry dia novonoina tamin'ny andro hariva, taorian'ny nitandremana an'ireo efatra ambin'ny folo andro. Ary avy eo dia novonoina ilay zanak'ondry ary nampiharina tamin'ny andro hariva ilay rà. Azonareo ve ilay izy? Ny famantarana dia tsy niseho mihitsy raha tsy tamin'ny andro hariva.

74 Ary izao no andro hariva an'ny taona izay iainantsika. Izao no andro hariva ho an'ilay—ho an'ilay Fiangonana. Izao no andro hariva ho ahy. Izao no andro hariva ho an'ny Hafatro. Ho faty aho. Handeha aho. Hiala aho, amin'ny andro harivan'ny Filazantsara. Ary efa nandalo ny fanamarinana isika, sy ny sisa, saingy izao no fotoana izay tsy maintsy ampiharana an'ilay Famantarana. Efa nolazaiko anareo tamin'ny Alahady lasa fa nanana zavatra iray izay tiako ho resahana aminareo aho; izao izany. Ilay fotoana izay ianareo—ianareo dia tsy afaka hilalao an'Izany intsony. Tokony ho efa natao izany. Raha tsy mbola natao mihitsy izany, dia tokony hatao izany ankehitriny. Satria, isika dia afaka mahita fa efa vonona ny handalo ao amin'ny tanàna ilay fahatezerana, ary ny zavatra rehetra tsy eo ambanin'io Famantarana io dia ho levona. Ilay Rà, no manondro anareo. Mariho.

75 Fa, ny aim-biby dia tsy afaka miverina eo amin'ny olombelona. Rehefa nalatsaka ilay rà, dia nivoaka ny aina, mazava ho azy, satria firaisana iray izany. Ary rehefa niala avy tamin'izany ilay ain'ny rà, ny aina dia samihafa amin'ilay rà . . . Ankehitriny, ny rà dia singa simika an'ny aina, fa ny aina dia zavatra samihafa amin'ny rà, saingy ny aina dia ao anatin'ny rà. Ary ny aim-biby dia tsy afaka niverina teo amin'ilay mpivavaka. Rehefa nalatsany io ràn'ny zanak'ondry io, dia tsy maintsy nampihatra an'ilay singa simika izy, satria ilay—ilay aina dia lasa ary tsy afaka niverina.

76 Satria, tsy afaka ny ho tonga eo amin'ny olombelona iray izany, satria ny aim-biby dia tsy manana fanahy iray. Ny biby dia tsy mahafantatra hoe mitanjaka izy, ary izy—izy fotsiny . . . Tsy mahalala ota izy. Tsy mahafantatra izy na dia anankiray aza, koa noho izany dia zava-manan'aina iray izy fa tsy fanahy manan'aina. Noho izany, io aim-biby io dia tsy afaka niverina teo amin'ny ain'olombelona iray, satria tsy nanana fanahy izany tao anatin'io aina io. Ankehitriny, misy ny aina iray, rà iray; aina iray, ary fanahy iray ao anatin'ilay aina; ny fanahy no natioran'ilay aina. Noho izany, dia tsy nanana natiora iray izy, biby iray izy, noho izany dia ilay rà no nampiasaina ho famantarana fa efa nomena ilay aina.

77 Fa ato amin'ity toerana be voninahitra ity, eo ambanin'ity fanekena ity, dia misy ny fahasamihafana eo amin'ilay Rà sy ilay Aina. Ny Famantarana ho an'ilay mpino amin'izao andro izao

dia ny Fanahy Masina; fa tsy rà iray, singa simika iray, fa ny Fanahy Masin'Andriamanitra Izany. Izany no Famantarana izay takian'Andriamanitra amin'ilay Fiangonana amin'izao andro izao. Tsy maintsy mahita an'io Famantarana io Andriamanitra. Tsy maintsy mahita an'Izany Izy eo amin'ny tsirairay avy amintsika.

78 Noho izany, satria ireo aloky ny hariva dia miseho, ary ilay fahatezerana dia efa vonona ny hararaka avy any Ambony, ho eo amin'ireo firenena tsy masina, sy ho eo ambonin'ireo mpino tsy masina, ho eo ambonin'ireo—ireo mpilaza nefa tsy manana, ho eo ambonin'ireo zavatra ireo! Ary izaho—izaho dia niezaka naneho ny tenako sy niaina tanteraka teo anivon'izany, mba hahita hoe aiza izany no nijoro, talohan'ny nilazako an'ireto zavatra ireto. Ankehitriny isika dia miaina eo ambanin'ireo aloka, ary efa vonona ny hamely ilay fahatezerana, ary Andriamanitra dia mitaky ny Famantarana fa ny tenanareo dia efa nandray ny Famantarany, ny Fanahy Masina. Izany no fomba tokana, sy marika tokana izay handalovan'Andriamanitra, satria Izany no Ain'i Jesosy Kristy ara-bakiteny niverina ao amin'ilay mpino.

79 Ilay aim-biby dia tsy afaka niverina, noho izany dia tsy maintsy nampiharina teo amin'ny varavarana ny rà, teo amin'ny tolàna ary teo amin'ny andrin'ny varavarana; mba hahafahan'izay rehetra mandalo, ny vahoaka rehetra, ny olona rehetra izay mandalo eo amin'ilay trano, nahafantatra fa nisy ny—ny famantarana iray teo amin'io varavarana io, an'ny rà, hoe aina iray no maty teo amin'io varavarana io. Amena!

80 Izany no tokony hisy eo amin'ny mpino tsirairay amin'izao andro izao, feno ny Fanahy Masina; Famantarana iray fa ilay Ràn'ny Zanak'ondry nalatsaka, io Aina izay tao anatin'ilay Zanak'ondry io, dia niverina ary voaisy tombokase am-pahibemaso ao anatiny ao, ka ny olona rehetra izay mandalo, miresaka aminareo, izay manana fiaraha-miasa aminareo, dia mahita fa efa nampiharina ilay Rà, ary ilay Famantaran'ny Aina izay tao anatin'io Rà io dia eo aminareo. Afaka amin'ilay fahatezerana ianareo. Izany ihany; fa tsy fikambanana. Tsia, tompoko!

81 Ny aim-biby dia tsy afaka ny ho tonga teo amin'ilay mpino, satria biby iray ilay izy, ary izany dia manambara ny fieritreretana fotsiny ihany, maneho fa hisy Fanatitra tanteraka iray ho avy.

82 Ary, ankehitriny, ahoana no hisian'ny Fanatitra iray tanteraka indrindra afa-tsy Andriamanitra Izy tenany no lasa Fanaovam-panavotana, Izy tenany? Rehefa tonga nofo Andriamanitra, tao amin'ny Ràny Manokana mpamorona, ka izany . . . ny fomba tokana izay hahafahan'ny Ain'Andriamanitra miverina.

83 Satria, isika rehetra dia teraka tamin'ny alàlan'ny taovampananahana, ary noho izany ilay aina izay ao anatiny ao dia avy amin'izao tontolo izao, ary tsy haharitra izany aina izany. Izany ilay zavatra izay efa voatsara sy voaheloka. Tsy afaka manamboamboatra an'izany ianareo. Tsy misy fomba hanamboamboarana an'izany. Tsy misy fomba mba—mba hanitsiana azy. Tsy misy fomba hanatsarana kokoa azy. Tsy maintsy ho faty izany! Izany ihany no fitakiana tokana misy. Tsy maintsy ho faty izany.

84 Ary ilay Mpisolo, ny Ain'i Jesosy Kristy, izay tsy maintsy tonga ao aminareo, dia ny Fanahy Masina, Famantaran'Andriamanitra; hoe ianareo dia nanaiky ny Ràn'ny Zanany, Jesosy Kristy.

85 Noho izany, tamin'ny andron'i Wesley na. . . Ny andron'i Luther, dia noheverina izany hoe, "ny mino." Tamin'ny andron'i Wesley dia hoe, "ny singa simikan'ilay Rà." Fa izao no andro farany, izay ny—ny Famantarana no takiana. Ary izany no manao, miaraka, ny fikambanana manontolo ho an'ny Fampakarana. Hitanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

86 Rano, rà, ary fanahy no tonga rehefa miteraka an'ilay zaza ny reny iray. Ny zavatra mivoaka voalohany, ny fiterahana aradalàna, dia ny rano, ny zavatra faharoa dia ny rà, ary ny zavatra manaraka dia ny aina.

87 Nivoaka avy tao amin'ny vatan'i Jesosy Kristy Tompontsika: rano, Rà, ary Aina. Ary ilay Fiangonana manontolo, ny Ampakarina, miaraka, dia natao tamin'ny alàlan'ny fanamarinana, fanamasinana, ary ny batisan'ny Fanahy Masina, izay ny Famantarana.

88 Araka ny lazain'ny Hebreo 11 hoe, "Ireo rehetra izay nirenireny nitafy hoditr'ondry sy hoditr'osy, ary efa lao, sy ireo zavatra rehetra izay nataon'izy ireo, dia mbola tsy natao tanteraka raha tsy misy antsika."

89 Ary ilay Fiangonana amin'izao andro izao, izay nandray an'ilay Famantarana, an'ny batisan'ny Fanahy Masina, hoe efa nalatsaka ilay Rà ary ny Fanahy Masina no eo amin'ny Fiangonana; raha tsy misy antsika, amin'izay fotoana izay, dia tsy afaka mitsangana izy ireo. Fa miankina amintsika izy ireo, satria Andriamanitra no nampanantena fa ho Azony Izany, ary hisy olona ho ao. Izaho tsy mahafantatra hoe ho iza izany, fa hisy olona handray an'Izany. Ny zavatra tokana izay maha-tompon'andraikitra ahy, dia ny mitory an'Izany. Asan'Andriamanitra ny mitady an'io voa voafidy mialoha io. Hisy ho ao, na izany aza. Satria, ho ao izy ireo, ny tsirairay avy amin'izy ireo, ny iray miaraka amin'ny iray hafa; ny taonan'ny rano, ny taonan'ny Rà, ary ankehitriny dia ny taonan'ilay Famantaran'ny Fanahy Masina.

90 Ary, tsarovy, fa Isiraely dia nandalo tamin'ny zavatra maro, fa tamin'ny andro hariva vao notakiana ilay famantarana; tsy tamin'ny maraina, tsy tao amin'ilay fiomanana, ireo efatra ambin'ny folo andro nitehirizana an'ilay zanak'ondry. Fantatr'Isiraely fa hisy zavatra ho avy.

91 Toy izany koa no nahafantaran'i Luther an'ilay izy, toy izany koa no nahafantaran'i Wesley an'ilay izy, toy izany koa no nahafantaran'i Finney, Knox, Calvin, an'ilay izy. Izay ilay Izy! Fantatr'izy ireo fa ho avy ny fotoana iray izay hiverenan'ny Andry Afo ao amin'ilay Fiangonana. Fantatr'izy ireo fa ho avy ny fotoana iray izay hitrangan'ireo zavatra ireo, saingy tsy velona izy ireo mba hahita an'izany, fa nanantena an'izany izy ireo.

92 Fantatr'Isiraely fa hisy zavatra ho avy, fa tamin'ny andro hariva ilay ràn'ny zanak'ondry, ilay famantarana, vao napetraka teo amin'ny varavarana. Kanefa, efa notehirizina ilay zanak'ondry.

93 Zanak'ondry foana izany hatramin'izay. Zanak'ondry izany tamin'ny andron'i Luther, izany dia Zanak'ondry—Zanak'ondry tamin'ny andron'i Wesley, fa ankehitriny kosa no andron'ny Famantarana ka ny trano tsirairay dia tsy maintsy voasaron'ilay Famantarana. Ny tranon'Andriamanitra tsirairay dia tsy maintsy voasaron'ilay Famantarana. Izay rehetra ao anatin'izany dia tsy maintsy voasaron'ilay Famantarana. Ary ny Tranon'Andriamanitra dia ny Vatan'i Jesosy Kristy, ary tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'io Famantarana io ary lasa ampahan'Izany, ka, hoy Andriamanitra hoe, "Rehefa mahita an'io Famantarana io voaseho Aho, dia handalo anareo Aho." Ora iray toy ny inona no iainantsika ankehitriny! Oh!

94 Ny rà no nanondro, nanondro an'ilay mpino, satria efa lasa ny aina, tsy afaka niverina, noho izany izy dia tsy maintsy nanana ny—ny singa simika. Tsy maintsy nanana tahaka ny loko iray izy, ny rà, singa simika iray izay naneho fa niala taminy io aina io.

95 Ankehitriny dia ilay tena Fanahy Izy tenany no Famantarana. Ilay Fanahy Masina Izy tenany no Famantarana, fa tsy ilay Rà. Ny Rà dia nalatsaka teo Kalvary, marina izany. Fa ny Rà, amin'ny maha-izy azy, dia niverina tao amin'ireo singa izay nihaviany, avy tao amin'ireo sakafo izay Nivelomany. Fa, hitanareo, tao anatin'io selan-dRà io dia nisy Aina iray izay nanomboka nampihetsika an'ilay selan-dRà. Raha izany ilay izy . . . Ny singa simika dia tsy misy Aina ao anatiny, izy tenany, ary noho izany dia tsy afaka nihetsika izy. Fa rehefa tonga tao anatin'ilay singa simikan'ny rà ilay Aina, dia nanamboatra sela iray Izany. Nanamboatra ny Selany Manokana Izy, avy eo dia isaky ny sela, avy eo dia lasa Lehilahy iray izany. Ary io Lehilahy io dia Andriamanitra, Imanoela, tao amin'ny nofo. Fa

rehefa niverina io Aina io, dia nandeha tao ilay singa simika, fa ilay Famantarana kosa dia ny Fanahy Masina eo amin'ilay Fiangonana, mba hahitan'izy ireo an'i Kristy.

96 Tsy maintsy izany ilay izy, satria ny vehivavy iray sy ny vadiny dia lasa iray. Lasa iray izy ireo. Ary toy izany koa ny Ampakarina sy Kristy dia lasa Iray. Ny asam-panompoan'ny Ampakarina, sy ny asam-panompoan'i Kristy, dia mitovy. Ary tsarovy, "Ilay boky voalohany, O Teofila, dia nosoratako ho anao, fa Jesosy no nanomboka nanao ary mitohy manao." Tsy nahasakana Azy ny Fahafatesany. Tsia, tompoko! Niverina indray Izy. Tsy olona fahatelo, fa ilay Olona iray ihany no niverina indray tao amin'ny endriky ny Fanahy Masina, sy hanohy an'ilay asa; ary manohy, hoy ny Bokin'ny Asa. "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Izany no Famantarana. Izany no marika.

97 Rehefa nandalo teo amin'ny vavahady nantsoina hoe Itsaraendrika i Petera sy Jaona, dia nisy lehilahy iray nipetraka teo ary kilemaina, nalemy hatrany an-kibon-dreniny, dia hoy izy hoe, "Tsy manana volafotsy sy volamena aho; fa izay ananako, no omeko anao. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, mitsangàna ary mandehana." Hitanareo? Ary niresaka taminy izy ireo, ary nahafantatra fa lehilahy tsy mahay sy tsy nianatra izy ireo, saingy nomarihany izy ireo fa efa niaraka tamin'i Jesosy izy ireo. Hitanareo, teo ilay Famantarana, niseho. Hitanareo, "Izay ananako!" Nahita rahalahy iray mahantra, nandry nitsitra teo, kilemaina ary ratsy tarehy, sy ny sisa. Ary ilay Aina iray ihany izay tao amin'i Kristy no tao amin'izy ireo, "Izay ananako!"

98 "Handroaka devoly amin'ny Anarako ianareo." Tsy hoe, "Izaho no handroaka." "Ianareo no handroaka!" "Raha ianareo no miteny amin'io tendrombohitra io!" Tsy hoe, "Raha Izaho no miteny." "Raha ianareo no miteny amin'io tendrombohitra io!"

99 Oh, rahalahy, antomotra ilay ora izay tsy maintsy hanehoana an'io Famantarana io. Afaka mahita an'izany isika. Fantatsika fa akaikin'ny farany isika ankehitriny. Efa nentintsika ireo karazana hafatra rehetra, mba hanehoana an'ireo famantarana sy fahagagana, ary indro isika fa miverina amin'izay tokony hataon'ilay Fiangonana. Tsy maintsy ho voaseho ilay Famantarana. "Rehefa mahita ny rà Aho, dia handalo anareo Aho." Tsy misy zavatra hafa hety. Tsy maintsy ny Rà izany. Ankehitriny, ny Fanahy Masina no Famantarantsika, avy amin'Andriamanitra.

100 Tahaka ny teolojiana malaza iray, ny—ny nianatra iray, rahalahy Batista iray, lehilahy mahafinaritra, olona mahafinaritra, rehefa nanatona ahy izy indray mandeha, dia hoy izy hoe, "Rahalahy Branham," hoy izy, "ianao dia miresaka mikasika an'io Fanahy Masina io," hoy izy, "nahoana, tsy zava-

baovao izany." Hoy izy, "Efa nampianatra an'Izany foana izahay, nandritry ny taona maro." Ary izaho—izaho nilaza, eny, izaho dia . . . Hoy izy hoe, "Efa nandray ny Fanahy Masina izahay."

101 Hoy aho hoe, "Oviana ianao no nandray an'Izany?"

102 Hoy izy hoe, "Rehefa nino aho." Satria, fantatro fa izany no teolojia Batista, hoe ianareo, rehefa mino ianareo, dia mandray ny Fanahy Masina ianareo.

103 Hoy aho hoe, "Tamin'izay fotoana izay dia nilaza i Paoly, ao amin'ny Asa 19, tamin'ny andiany iray, vondrona Batista iray, ka, mpitory teny Batista iray izay anankiray tamin'ireo niova fo an'i Jaona, no nanaporofo tamin'ny alàlan'ny Baiboly fa Jesosy no Kristy."

104 "Rehefa nitety ny tany ambony tany Efesosy izy, dia nahita mpianatra sasany izy, ary hoy izy tamin'ireo hoe, 'Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina *fony* vao nino ianareo?' Hoy izy ireo hoe, 'Tsy fantatray akory aza fa misy ny Fanahy Masina.'" Avy eo izy dia nanontany hoe ahoana no nanaovana batisa anareo. Ary tsy vita batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy izy ireo, ilay Zanak'ondry natao fanatitra. Izy ireo dia tsy voatondro niaraka Taminy, mihitsy. Nino an'ilay izy fotsiny izy ireo; tahaka ny hoe nipetraka teo ilay fanafody, fa tsy nalain'izy ireo izany. Nandidy azy ireo i Paoly mba hatao batisa indray, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

105 Ary rehefa nataony izany, dia tonga teo amin'izy ireo ny Famantarana. Voatondro tamin'ny alàlan'ireo asa sy famantaran'ny Fanahy Masina izy ireo, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra teo amin'izy ireo, sy naminany, ary nanome voninahitra an'Andriamanitra. Voatondro izy ireo raha—raha niaraka tamin'ny Fanatiny.

106 Ary ny Fanahy Masina no fanondroantsika. Izany no manondro antsika ho Kristiana. Tsy ny fikambanantsika amin'ny fiangonana, tsy ny fahazoantsika ny Baiboly, tsy hoe firy no fantatrareo mikasika ny Baiboly. Ilay izy dia hoe firy no fantatrareo mikasika an'ilay Mpanoratra, hitanareo, hatraiza no iainan'ilay Mpanoratra ao anatinareo. Izany dia ny—izany dia ny maha-izy anareo no lasa. Tsy misy intsony ianareo. Manao ny tenanareo ho efa maty ianareo, ary ilay Famantarana no velona ao anatinareo. Ary Izany dia tsy fiainanareo; Izany dia Izy.

107 Hoy i Paoly hoe, "Ny fiainana izay iainako ankehitriny." Niaina fiainana iray hafa noho izay niainany fahiny izy. "Tsy izaho, fa Kristy no velona ato anatiko." Izany ilay Famantarana voatondro izay notakian'Andriamanitra. Voatondro miaraka amin'ny . . . Fanondroana miaraka amin'ny Fanatitsika, ny Ain'ilay Mpamonjintsika no ao anatintsika, ny Fanahy Masina.

108 Oh, toy ny—toy ny inona no maha-azo antoka ny Famantarana! Tsy mety hisy Famantarana hafa intsony. Oh, oadray, raha mba mety ho takatrareo fotsiny ilay—ilay

fisainan'izany. Raha nananako ny—ny fahefana izao maraina izao, miaraka amin'ny teny, mba haneho sy hametraka ao anatin'ny fanahinareo izay ao amin'ilay anatiny; tsy ny sofinareo, fa ny fanahinareo, ary ianareo—ianareo dia afaka nijery ny fiantohan'Izany. Izany—izany dia mila, Izany dia manao anareo hahazo aina.

109 Ahoana moa raha ianareo dia, nahavita heloka iray, ary ho tsaraina ao amin'ny fitsarana federaly iray ianareo. Ary fantatrareo, fa raha hitan'izy ireo hoe meloka ianareo, dia tsy maintsy ho faty ianareo, handeha ao amin'ny seza misy herin'aratra ianareo, na efitra misy entona, na inona na inona famonoana am-pahibemaso izay hataony aminareo, angamba ahantona, na zavatra hafa, ampijaliana, na inona na inona ilay fanasaziana. Ary fantatrareo fa ianareo dia . . . Meloka ianareo. Fantatrareo fa meloka ianareo, ary tsy maintsy ho faty ianareo raha tsy maka mpisolovava iray hisolo tena anareo, izay afaka hanala anareo amin'ilay zavatra. Ary ankehitriny dia hila ny mpisolovava tsara indrindra izay mety ho azonareo ianareo.

110 Ary amin'izay fotoana izay eo am-pananana mpisolovava izay mahay anankiray, mpisolovava fetsy, dia hahatsapa ianareo fa ny raharahanareo dia kely . . . afaka maka aina kely ianareo, satria nanana mpisolovava iray ianareo. Fa hisy foana ny fanontaniana iray raha afaka hanova ny hevitr'ilay mpitsara io mpisolovava io, na hanova an'ilay mpanadina; raha io mpisolovava io, miaraka amin'ny fiteniny fetsy sy fahafantarana ny lalàna, no afaka hanova an'izany, ary afaka handahatra ny raharahanareo ary hanaporofo fa—fa tokony ho velona ianareo. Kanefa, ao amin'ny—ao amin'ny fahefany lehibe rehetra sy ny fiteniny lehibe izay hataony, ary ny fiheverany izay azony apetraka eo amin'ilay mpanadina na ataony amin'ilay mpitsara, ianareo—ianareo dia—ianareo dia . . . Mety hahazo aina mandritry ny minitra vitsy angamba ianareo, saingy mbola hisy foana ny fanontaniana iray ao an-tsainareo hoe, "Mety ho vitany ve izany?"

111 Fa eto amin'ity raharaha ity, dia ilay Mpitsara Izy tenany no lasa Mpisolovava antsika. Lasa olona Andriamanitra. Tsy nisy mpisolovava afaka nanao an'ilay izy. Tsy afaka hahita anankiray isika. Mosesy, sy ny Lalàna, ireo mpaminany, tsy nisy na inona na inona afaka nanao an'ilay izy. Noho izany dia ilay Mpitsara no lasa sady Mpanadina, no Mpisolovava, ary Mpitsara, Izy tenany; ary nandray ny fitsaran'ny Lalàny teo an-Tànany Manokana, ka nandoa ny vidin'ilay izy, Izy Tenany. Toy ny ahoana indray no mbola hahafahantsika ho voaaro? Ary nandefa ny Ainy Manokana indray eo amintsika, ho vavolombelona fa nanaiky an'izany Izy. Fiarovana manao ahoana!

112 "Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, tsy hatahotra ny loza aho, fa Ianao no momba ahy."

113 Rehefa Izy no lasa sady Mpitsara, no Mpanadina, ary—ary Mpisolovava, dia Izy no nandahatra ny raharahantsika. Isika, dia hita fa meloka ny amin'ny Lalàny Manokana; ary tonga Izy ka naka ny toeran'ilay olona meloka, izay tao amin'ny toerana masina. Nalainy ny otany. Nataony teo amin'ny Tenany izany, ka maty, ary naloany ny vidiny, ka nalatsany ny Ràny, ary naveriny ny Famantarany Manokana, ny Ainy Manokana.

114 Nahoana, isika dia tena tanteraka. Rava ilay raharaha. Tsy misy ota intsony eo amin'ilay mpino. O Andriamanitra, mamindrà fo, raha tsy afaka mahita an'izany ny olona, hoe tsy misy raharaha intsony. "Izay mandre ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana Mandrakizay, ary tsy ho tonga eo amin'ny Fitsarana, fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Io ilay raharaha. Raharaha rava! Tsy misy raharaha intsony ny amin'izany. Amena! Avy eo dia voaaro, voaaro tamin'ilay Famantarana nampiharina, rehefa manomboka mamely eo amin'ny varavarana indray ny fahafatesana, dia tsy manana fifehezana intsony izy. Hitanareo? Eny.

115 Nampiharina ilay Famantarana. Ny Famantarana irery ihany no ekena ankehitriny. Hitanareo, Nataony izany mba hahafahan'ilay Famantarana ho tonga. Ny Famantarana dia Ain'Andriamanitra.

116 Ary rehefa nanao ny olona voalohany Andriamanitra, dia nanao zanakalahy ho Azy Izy. Ary lò loatra ilay zanakalahy hany ka nihaino ny vadiny izy raha tokony ho Andriamanitra, ary ilay vehivavy dia nihaino ny devoly raha tokony ho ny vadiny, ary, rehefa nanao an'izany izy, dia niara-lasa tena lò izy ireo, ka izany dia nitondra ny fahasimbana. Ary Fantany, fa rehefa nanao an'izany izy ireo, dia tsy maintsy hitondra zanaka eo amin'izao tontolo izao izy ireo. Ilay voankazo teo afovoan'ilay hazo dia tsy azo kasihana, ary, noho izany, rehefa nisy izany, dia nentin'izy ireo teo amin'ny tenany io ota io. Ary noho izany ilay taranak'olombelona manontolo, izay nateraka, dia tao anatin'ny ota. Teo, dia tsy nisy fomba ivoahana intsony.

117 Ary tamin'izay fotoana izay dia nidina Andriamanitra. Fomba tokana ihany no namerenana azy; izany dia ny hanana zanakalahy iray ho Azy indray. Ary ahoana no Hahafahany manao an'izany, nefa nijoro teo ny Lalàny Manokana ka nilaza fa izy dia "voaheloka"? Noho izany dia ilay Ray Izy tenany no lasa isantsika. Izany ilay tena Zanak'ondry. Izany ilay Tanjony izay Nananany tao an-tsaina.

118 Izany no antony tena naha-voatondro an'ilay Zanak'ondry tao amin'ny Sahan'i Edena, mahafantatra fa ny Zanak'ondry sy ny Voromailala dia hihaona amin'ny fotoana anankiray, rehefa hikambana ilay Zanak'ondry sy ny Voromailala. Tamin'izany no Nahafantarany, tamin'ny alàlan'izany, fa afaka hikambana

isika rehetra. Ary nanaiky Izy ny hanao fanatitra iray toy izany, ankehitriny, mba hahafahan'ilay Famantarana ho azo ampiharina, ka tsy mpivahiny intsony isika, tsy vahiny intsony isika, fa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika. Adama sy Eva, ny vehivavy sy ny lehilahy, nikambana miaraka, dia zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra, ao amin'i Kristy Jesosy, amin'ny alàlan'ny Fanatiny lehibe.

119 Ary, avy eo, mba tsy hisian'ny fahadisoana intsony! Ny voan'io aina io dia tsy maintsy ambolena ao anatin'ny tany, an'io vatana io izay—izay voa iray mety lò; ary ilay aina, raha aina simba iray no tao amin'ilay voa, dia maty miaraka amin'ilay voa izy. Fa Izy no nametraka Fiainana Mandrakizay tao anatin'izany ary nanondro an'izany ho Azy Manokana, mba Hananganany azy indray amin'ny fitsanganana, ka tsy hisy na inona na inona ho very. Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

120 Izay ilay izy, tsy mety levona izy ankehitriny. Mipetraka eo ambonin'izany ilay Aina. Famantarana iray Izany, mipetraka eo ambonin'io vatana kely io, mipetraka eo ambonin'io fanahin'ilay olona io. Misy Famantarana iray eo, ny Fanahy Masina, hoe an'Andriamanitra izy. Azy izy. "Rehefa mahita ny Famantarana Aho, dia handalo anareo Aho." Famantarana iray tena izy, ny Fanahy Masina no Famantarantsika. Noho izany, rehefa mandray ny Fanahy Masina ianareo, dia tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo. Izay ny amin'io rehetra io, satria ao anatinareo ny Aina. Tsy mety levona intsony ianareo.

121 Hoy ny Baiboly hoe, "Izay naterak'Andriamanitra dia tsy manota, satria tsy mahay manota izy, fa ny Voan'Andriamanitra," amena, "ny Voan'Andriamanitra no mitoetra ao aminy." Ary ahoana no hahafahany manota nefa ilay Andriamanitra tsy manana ota no ao aminy? Rehefa ao anatin'ny Andriamanitra tsy manana ota izy, dia ahoana no hahafahany manota? Tsy mampaninona izay nataony, ny Rà no manarona azy. Hitanareo? Olom-baovao izy ankehitriny. Ireo faniriany sy fikasany dia avy any An-danitra, satria izy no novaina avy tamin'ny tsipolitra iray ho vary iray. Ireo faniriany dia tsy mitovy tamin'ny naha-izy azy ireo fahiny intsony, ary asehony izany.

122 Hoy ianareo hoe, "Oh, mino an'Izany aho." Dia mbola manota ve? Tsia! Voafitaka ianareo. Hitanareo? Tsy afaka maneho afa-tsy ilay Famantarana izany.

123 Isiraely dia nodidiana mba hijanona eo ambanin'ilay rà mandra-pahatongan'ireo baiko handehanana. "Aza mivoaka miala amin'izany!" Rehefa teo ambanin'izany famantarana izany indray mandeha, dia voaisy tombokase tao anatiny tao izy ireo. "Aza miala amin'izany!" Nijanona tsara tao

izy ireo mandra-pidonan'ny misasak'alina ka naneno ireo trompetra. Ary rehefa naneno ireo trompetra, nanomboka naneno ireo tandrok'ondrilahy tranainy, ny tsirairay dia nandeha niaraka tamin'ny vatsiny, nandeha ho any amin'ilay tany nampanantenaina.

124 Toy izany koa no ataon'ny lehilahy iray na vehivavy iray feno ny Fanahy Masina, voaisy tombokase izy, ary voaaro amin'ny faharatsiana sy loza rehetra. Ny fiainany manontolo no maneho ny maha-izy azy, na aiza na aiza andehanany, na inona na inona asa ataony, na iza na iza no iresahany. Rehefa mifandray amin'ny vehivavy izy, rehefa mifandray amin'ireo mpiara-miasa izy, rehefa mifandray amin'ny zavatra rehetra izy, dia mipetraka eo io Famantarana io. Amena! Rehefa tonga eo amin'ny fahafatesana izy, "Tsy hatahotra ny loza aho, fa Ianao no amiko," mipetraka eo io Famantarana io. Rehefa tonga eo amin'ny fitsanganana izany, dia ho eo izy, satria Andriamanitra no hanangana azy amin'ny andro farany. Jesosy no niteny an'izany! "Rehefa mahita ny Rà Aho, ilay Famantarana, dia handalo anareo Aho." Oh!

125 Tsarovy, raha tsy voaseho io famantarana io, na dia ilay fanekena aza dia nofoanana. Marina izany. Nofoanana ilay fanekena. Tsy nisy ny—tsy nisy ny fanekena raha mbola tsy teo foana io famantarana io. Ny famantarana no nampiasaina ho fanekena. Nanao fanekena iray tamin'izy ireo Andriamanitra, eny, tompoko, fa tsy maintsy nisy ny famantarana. Tsy nisy fiantraikany izany, tsy nisy fiantraikany ny fanekena, raha tsy teo ilay famantarana.

126 Mety nisy Jiosy maro afaka nanao hoe, "Avia eto! Tsy manana rà aho eo amin'ny varavarako, fa te-haneho zavatra iray aminareo aho, izaho dia Jiosy voafora iray. Voafora aho." Tsy midika an'*izao* izany. [Manapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] "Rehefa mahita ny rà Aho! Rehefa mahita ny famantarana Aho!"

127 Mety hiteny ianareo hoe, "Batista iray aho, Presbyterana, Metodista," na te-ho inona ianareo na inona.

Fa, "Rehefa mahita ny Famantarana Aho!"

128 Hoy ianareo hoe, "Mpino iray aho. Ny reniko dia mambran'ity fiangonana ity. Ny dadako dia mambran'ity fiangonana ity. Izaho dia efa mambra iray tao hatramin'ny fahazaza." Tsy midika an'*izao* izany. [Manapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] "Izaho tsy mandainga, tsy mangalatra. Izaho tsy manao an'*ity*. Izaho . . . " Izany tsy midika an'*izao*. [Manapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham.] "Izaho dia mikambana ao amin'ny Branham Tabernacle. Izaho manao an'*ity*, *itsy*, na ny *hafa*. Izaho mino ny Teny rehetra."

129 Ireo Jiosy ireo dia afaka niteny hoe, "Izaho mino an'i Jehovah!" Tokony ho nihaino an'ilay Hafatry ny ora izy, raha nino. Izany tokoa.

Nanana hafatra betsaka izy ireo, saingy Ity no Hafatry ny ora. Hitanareo? Izaho mino ny Hafatry ny ora. Hia. Ilay rà dia nampiharina tamin'ny andro hariva.

Mety niteny izy ireo hoe, "Izaho, izaho dia Jiosy iray."

130 Ny olona amin'izao andro izao dia manao hoe, "Izaho dia Kristiana iray. Izaho dia afaka maneho aminareo ny mahampikambana ela ahy. Tiako ianareo hiteny amiko hoe mba taiza aho no nangalatra zavatra iray, ka mba tany amin'ny tribonaly. Asehoy ahy hoe taiza aho no mba nijangajanga. Tsy nanao an'ireo zavatra rehetra ireo aho, na zavatra tahaka an'izany. Anehoy toerana iray aho." Tsy midika na inona na inona izany ankehitriny. Tsia, tsia. Hitanareo, tsy mampaninona na firy na firy fanekena azony, tsy misy fiantraikany ilay fanekena. Tsy mandaitra ilay izy.

Hoy ianareo hoe, "Eny, izaho dia mpianatra Baiboly."

131 Tsy ahoako izay maha-izy anareo. Raha tsy misy an'io fanekena io, dia eo amboninareo ilay fahatezeran'Andriamanitra. Hitanareo? Marina izany. Tratrany ianareo. Hia. "Ny otanareo dia hihaona aminareo." Inona ny ota? Ny tsi-finoana. Tsy nino ny Hafatra ianareo. Tsy nino ny Teny ianareo. Tsy nino ny vavolombelon'ny Famantarana ianareo, Izy tenany, rehefa nanondro ny Tenany teo avofoantsika Izy. Ary tsy nino an'Izany ve ianareo? Tsy mampaninona na impiry aza no tsy ninoanareo an'Izany, fa tsy maintsy ampiharina Izany.

132 Mety miteny ianareo hoe, "Mino an'Izany aho. Mino an'Izany aho. Mino aho fa Izany no Fahamarinana. Manaiky an'Izany ho Fahamarinana aho." Fa tsara daholo izany, saingy tsy maintsy ampiharina Izany.

133 Nahoana, ity Jiosy anankiray nitsangana teo ity, nangaroharo an'ilay rà, rehefa nandeha rà ilay zanak'ondry, dia nanao hoe, "Ity no Jehovah."

134 Ary nitsangana teo ny mpisorona iray, dia nanao hoe, "Eny, tompoko, mino aho fa marina izany," saingy tao an-tranony manokana dia tsy nampiharina ilay izy. Tsy te-hanondro ny tenany niaraka tamin'io vondrona teo io izy; tsia, tompoko, ireo fanatika niaraka tamin'ny rà teo am-baravarana ireo. Tsy mila an'io fanondroana io izy. Tsy mampaninona na mpisorona toy ny ahoana aza izy, firy ny Teny fantany, tsara taiza toy ny ahoana izy, asa inona no vitany, ohatrinona no nomeny ny mahantra, fanatitra firy no efa nataony!

135 Hoy Paoly hoe, "Raha atolotro ho dorana ny tenako, ho fanatitra; hatolotro ny fananako rehetra hamelomana ny mahantra; manana finoana hanetsika tendrombohitra aho, sy

ny sisa; ary miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, tahaka ny olona sy ny anjely; ary ireo zavatra hafa rehetra ireo," dia hoy izy, "Tsinontsinona aho raha tsy efa nampiharina ilay Famantarana. Raha tsy io Famantarana io!" Izany no ho resahako anio hariva, ny fitiavana. Hitanareo? "Ankehitriny, raha tsy efa nampiharina io, dia tsinontsinona aho." Hitanareo?

136 Tsy ahoako, mety efa nandroaka devoly ianareo. Mety efa nanasitrana ny marary tamin'ny alàlan'ny vavaky ny finoanareo ianareo. Mety efa nanao an'ireo zavatra rehetra ireo ianareo. Fa raha tsy eo io Famantarana io, dia eo ambanin'ilay fahatezeran'Andriamanitra ianareo. Mety ho mpino iray ianareo. Mety mitsangana eo amin'ny polipitra ianareo ka mitory ny Filazantsara. "Maro no hanatona Ahy amin'izany andro izany, ka hanao hoe, 'Tompo, Tompo, tsy efa naminany tamin'ny Anaranao ve aho, nitory tamin'ny Anaranao? Tsy efa nandroaka devoly tamin'ny Anaranao ve aho?'" Izany dia ireo Metodista, Batista, ary Pentekotista. Hoy Jesosy hoe, "Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka. Tsy nahafantatra anareo akory aza Aho."

137 "Fa rehefa mahita ny Famantarana Aho, dia handalo anareo Aho." Izany no fitakian'Andriamanitra ho an'ilay ora. Ny Hafatry ny andro hariva, dia ny mampihatra an'ilay Famantarana.

138 Satana dia nanipy ny karazana fisandohana rehetra, ny fandraisan-tànana, ary ireo porofo, sy ny zavatra rehetra tahaka an'izany. Adinoy izany! Tonga ny ora ho an'ilay Famantarana, Izy tenany; tsy fisandohana iray, mody finoana, fisoloana, sy ny sisa.

139 Eto ilay ora izay hanehoan'ilay Famantarana Izy tenany ny Tenany mihitsy eo anivontsika, ary manaporofo fa Izy no Jesosy tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, ary marina amin'ny Teny mihitsy Izy. Tsy maintsy ampiharina Izany. Ny olona izay milaza fa manana ny Famantarana izy, ka mandà ny Teny, dia ahoana ny amin'izany? Hitanareo, tsy afaka manao an'izany ianareo. Tsy maintsy eo ilay Famantarana. "Rehefa izaho... Ny rà no ho famantarana ho anareo." Ankehitriny ny Fanahy Masina, ilay Aina izay tao anatin'ilay Rà, no Famantarana ho anareo. Ho tonga eo amin'izany isika afaka fotoana fohy, hitanareo. Ny Fanahy Masina no Famantarana. Mikatona ilay raharaha. Eny, tompoko. Ankehitriny, tsarovy. Ary izaho...

140 Tsy mampaninona izay maha-izy anareo, hoe tsara toy ny ahoana ianareo, impiry no nitsambikinanareo *ambony-sy-ambany*, fiangonana firy no efa nikambananareo, firy ny zavatra tsara efa vitanareo, tsy midika na inona na inona aminareo izany raha tsy nampiharina ilay Famantarana. Izao no andro hariva. Nety tsara izany tamin'ny andron'i Luther, nety tsara izany tamin'ny andron'i Wesley, fa tsy mety izany ankehitriny. Tsia.

141 Hia, ny fitehirizana an'ilay zanak'ondry dia tena tsara tamin'izany. Ireo izay maty tamin'izany talohan'ny nampiharana

an'ilay zanak'ondry, ilay rà, dia hafa izany. Eny, tompoko. Nandeha izy ireo nohon'ny fieritreretana tsara. Ho tsaraina izy ireo raha toa izy ireo—izy ireo dia . . .

142 Raha voafidy mialoha izy ireo, dia nikasika azy ireo izany. Raha tsy izany ilay izy, dia tsy nikasika izany. Izay ihany. Andriamanitra fotsiny izany. "Izy—Izy no manamarina an'izay Tiany, mamindra fo amin'izay Tiany, ary manameloka an'izay Tiany Izy." Andriamanitra Izy. Izay ihany. "Mamindra fo amin'izay Amindrany fo Izy, ary manameloka an'izay Tiany ho melohina."

143 Ny Jiosy iray dia afaka naneho mazava, tamin'ny alàlan'ny famorana, fa mpino iray izy.

144 Misy betsaka ny olona, olona mpanara-pototra, afaka maka an'ity Baiboly ity ka manao hoe, "Mpino iray aho, ary Jesosy no nilaza fa 'amin'ny finoana' no namonjena antsika. Ary mpino iray aho, saingy io batisan'ny Fanahy Masina io dia hadalana." Amin'izay fotoana izay dia tsy nampiharina ilay Famantarana. Tsy betsaka, na mino betsaka toy ny ahoana aza izy, dia nofoanana izany.

145 Tahaka ny famorana an'ny Jiosy mihitsy. Hoy izy hoe, "Jiosy iray aho. Ahoana no tsy maintsy handehanako any ka hanao tahaka an'io andiana fanatika iray hafa io?"

146 Nitsangana i Mosesy, aloha-sy-aoriana teny an-dàlambe, nanao hoe, "Eto ilay hafatry ny hariva! Izao no hiseho, amin'ny faran'ilay efatra ambin'ny folo andro, hanangona ny fiangonana miaraka ianareo ary hamono zanak'ondry. Ny fiangonan'ny Isiraely manontolo no hamono azy, hametraka ny tànany eo ambonin'izany, hanondro ny tenany miaraka amin'izany. Ary ny rà dia hapetaka eo amin'ny andry, sy eo amin'ny tolam-baravarana, ary, 'Rehefa mahita ny rà Aho, dia handalo anareo Aho, satria izany no famantarana fa efa nanaiky ny fahafatesan'ilay zanak'ondry izay Nomaniko ho anareo ianareo.'" Ny rà no famantarana.

147 Ankehitriny dia ny Fanahy no Famantarana. "Ho fenoina ny Fanahy Masina ianareo afaka andro vitsy." Ary rehefa nalatsaka ny Rà, dia nirahina ilay Famantarana tamin'ny Andron'ny Pentekosta, tahaka ny tadio iray, rivo-mahery.

148 Izany no foto-kevitry ny apostoly tsirairay. Izany dia, "Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianareo? Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho an'ny famelana ny otanareo, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina, satria izany no Famantarana, amena, fa ianareo dia efa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Eo ianareo izao. Rehefa ilay Jen- . . . fiangonana Jiosy no niha-lefy, dia ireo Jentilisa no nandray an'ilay izy, sy ilay fanimbana tahaka an'izany; ankehitriny dia nivoaka izy, mba hahazo an'ireo sisa

nanamborana avy tao amin'ilay Jentilisa, noho ny Anarany, ilay Ampakarina.

149 Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? Hitanareo ve izay lazain'ny Soratra eto? Raha tsy voaseho ilay Famantarana, amin'izay fotoana izay dia tsy misy fiantraikany ilay fanekena. Hitanareo? Tsy maintsy izany ilay izy. Satria, raha milaza ianareo fa ianareo dia mino, nefa ianareo tsy manaraka an'ireo toro-hevitry ny Teny, amin'izay fotoana izay dia tsy mino ianareo. Hitanareo? Na dia voafora aza ianareo, na dia nikambana aza ianareo, ary na dia vita batisa aza ianareo, efa nanao an'ireo zavatra rehetra tahaka an'izany ianareo; dia mbola tsy ilay Famantarana foana izany, ilay Fanahy Masina.

150 Nandeha nanatona ahy ity nianatra tsara ity, araka ny nolazaiko vao tsy ela akory izay. Hoy izy hoe, "Billy," hoy izy, "Abrahama dia nino an'Andriamanitra, ary izany dia nisaina ho fahamarinany. Inona indray no mbola tokony hataon'ny olona afa-tsy ny mino an'izany?"

151 Hoy aho hoe, "Marina izany, dokotera. Marina izany. Tena nino an'Andriamanitra izy. Ny Baiboly no niteny an'izany. Marina ny anao. Hatreo amin'izay nahatongavanao, dia marina ny anao."

152 Raha mbola ireo—ireo—ireo mpisafo tany roa ambin'ny folo, izay nirahina nankany ary nisafo ny tany Kanana, raha mbola nandroso foana nankany Kanana izy ireo, dia izy ireo no nifehy ny tany; saingy rehefa tonga teo amin'ilay sisin-tany kosa izy ireo, dia tamin'izay fotoana izay izy ireo no nandà.

153 Hoy aho hoe, "Ianareo Batista dia mety tsara, hatreo amin'izay nahatongavanareo, fa efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianareo?" Hoy aho hoe, "Tsarovy, Andriamanitra dia nanaiky ny finoan'i Abrahama. Izy—izy dia nino an'Andriamanitra, ary dia nisaina ho fahamarinany izany, marina izany, saingy avy eo Andriamanitra dia nanome azy ny tombokasen'ny famorana, ho famantarana, ho famantarana ho azy." Tsy ny nofony, voafora, no nanana zavatra nifandraisany tamin'ny fanahiny, fa ilay izy dia famantarana iray fa Izy dia (Andriamanitra dia) nanaiky ny finoany.

154 Ary Izy no manome antsika ny famantarana, an'ny Fanahy Masina, hoe Izy dia nanaiky antsika ho mpino. Satria, "Mibebaha, ary aoka ny tsirairay avy hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho famelana ny heloka, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina. Fa ny teny fikasana dia ho anareo!"

155 Azonareo ve ilay zavatra ankehitriny. Ireo Jiosy, tsy mampaninona na impiry no nahafahan'izy ireo nanaporofo fa voafora izy ireo, fa ilay famantarana no tsy maintsy voaseho. Raha tsy izany, dia tsy nanan-kery ilay fanekena. Tsy nanan-kery ilay izy.

156 Mitovy ankehitriny, zavatra mitovy. Tsy mampaninona izay ataonareo, tsy mampaninona na impiry no hahaizanareo—no hahaizanareo manazava ny Baiboly. Mety ho mpandinika Baiboly ianareo. Oh, oadray! Ianareo dia mety—ianareo dia mety miteny hoe, "Mpino iray aho, sy ny sisa." Saingy ny Famantarana foana no takiana. Ny mpandinika Baiboly iray, hoy ianareo hoe, "Olona tsara iray aho, Rahalahy Branham."

157 "Tsy ahoako izay lazain'ny olon-kafa, tsy mahazo mamely an'io olona io ianao. Izaho tsy mbola nahita azy nanao zavatra ratsy mihitsy, teo amin'ny fiainako." Tsy misy an'*izao* hidiran'izany amin'Andriamanitra mihitsy. [Manapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] Misy fitakiana anankiray, ary izany irery ihany!

158 Ary tsy afaka manao an'izany ianareo. Tsy afaka mametaka an'ilay rà eo amin'ny tolam-baravarana ianareo, eo amin'ny, tsy afaka ny ho eo ny famantarana raha tsy efa maty ilay zanak'ondry. Ary ny rà no marika iray marina fa maty ilay zanak'ondry. Tsy mody finoana; maty ilay zanak'ondry!

159 Ary ny Fanahy Masina no Famantarana marina iray fa hoe maty ny Zanak'ondrinareo ary nandray an'ilay Famantarana teo aminareo ianareo, satria ilay tena Ainy no ao aminareo. Hitanareo? Tsy misy mody finoana eo. Tsy misy apetapetaka eo. Tsy misy fakan-tahaka eo. Eo ilay izy! Ianareo mahafantatra azy. Ianareo mahafantatra azy. Izao tontolo izao mahafantatra azy. Eo ilay Famantarana.

160 Tsy mampaninona na tsara toy ny ahoana aza ilay olona. Mety ho mpandinika Baiboly iray. Izy dia mety ho...Izy dia mety ho karazan'ny—ny mambram-piangonana tsara iray. Izy dia mety ho olona tsara iray. Izy dia mety ho—ho filohan'anaram-piangonana iray. Izy dia mety ho ilay—ilay laharam-boninahitr'i Roma. Izaho—izaho tsy mahafantatra hoe iza izy, izany dia tsy—izany dia tsy mahavita na inona na inona.

161 Fa, Isiraely, ny mpandinika Baiboly rehetra dia mahafantatra fa Isiraely dia tandindon'ny Fiangonana, marina tokoa, ho any amin'ilay tany nampanantenaina. Ary any no Handehanany.

162 Fa rehefa tonga ny andro hariva, ka nanomboka ilay dia, dia nisy fitakiana masina. Tsy mampaninona izay efa naha-Jiosy azy, na tsara toy ny ahoana no vokatra nangoniny, na tsara toy ny ahoana no niahiany an'ireo mpiara-monina, na toy ny ahoana no nataony, na mambra iray tsara toy ny ahoana izy, na ohatrinona ny ampahafolon-karena naloany. Ireo zavatra rehetra ireo dia tsara. Mety daholo izany. Olona tsara iray izy, fantatra teo anivon'ny olony, ho olona tsara iray. Fa raha tsy misy an'ilay famantarana, avy amin'ny rà, dia levona izy.

163 Oh, enga anie Andriamanitra hanampy ahy, na ny manatrika na ny ao amin'ny horonam-peo, mba handraikitra an'izany!

164 Tsy mampaninona, mety ho efa nitory ny Filazantsara ianareo, mety efa nandroaka devoly ianareo, mety efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, mety efa nihiakiaka ianareo, nandihy tao amin'ny Fanahy, saingy tsy nisy an'ilay Famantarana.

Hoy ianareo hoe, "Mety mahavita an'izany ve aho?"

165 Paoly dia nilaza fa nahavita ianareo. "Na dia miteny amin'ny fiteny tsy fantatra toy ny olona sy ny anjely aza aho, na dia omeko aza ny fananako rehetra hamelomana ny mahantra, ny tenako ho dorana ho fanatitra, manana finoana hamindra tendrombohitra aho, sy ireo zavatra ireo, dia mbola tsinontsinona aho." Aza miankina amin'izany. Ny Famantarana no izy! Tsy mampaninona na firy na firy vitanareo, na tsara toy ny ahoana ianareo; rehefa manjelatra ilay fahatezeran'Andriamanitra, dia ilay Famantarana irery ihany no ho eken'izany.

166 Izany no Famantarana iray fa hoe efa naloa ny vidiny, izay notakiana. Ary ilay vidiny izay naloa dia ny Ain'i Jesosy Kristy, ary Izy no nanome ny Ainy. Ary miverina eo aminareo indray ny Fanahiny, ho Famantarana iray fa hoe voaray ianareo. Ary ianareo dia mitondra an'ilay Famantarana miaraka aminareo, andro aman'alina, fa tsy hoe ny Alahady fotsiny. Eo mandrakariva izany, manana an'ilay Famantarana ianareo. "Rehefa Izaho . . . Ny rà no ho famantarana ho anareo."

167 Hoy ianareo hoe, "Mbola mino aho. Mpino iray aho." Tena tsara izany. Fa raha mandà an'ilay Famantarana ianareo, dia ahoana no haha-mpino iray anareo? Miteny manohitra anareo izany. Hitanareo, miteny manohitra ny fanambaranareo izany, izay ataonareo.

168 Mpandinika Baiboly, olona tsara, mambram-piangonana, izay maha-izy anareo, tsy midika na inona na inona izany. Eny, tompoko. Angamba mpitory teny iray ny rainareo. Angamba ny—ny reninareo dia masina iray. Mety . . . Izany dia—izany dia mety tsara, tsy maintsy hamaly ny amin'ny tenany izy ireo. Araka ny nolazaiko, miezaka . . .

169 Ny olona dia miezaka manao an'Andriamanitra ho raibe iray lehibe, antitra, matavy, mampiangoty, hitanareo, ary miaraka amin'ny andiana zafikely iray, tahaka an'ireo Ricky sy Elvis kely mihitsy, ka hoe, "Tsy misy faharatsiana amin'izy ireo."

170 Tsy Andriamanitra izany! Tsy manana zafikely Izy. Ray iray Izy. Tsy maintsy ateraka indray ianareo! Tsy mpampiangoty malemy lehibe Izy.

171 Andriamanitry ny fitsarana iray Izy. Ny Baiboly no miteny fa izany Izy. Ny Fahatezerany dia lozabe. Aza manitsakitsaka an'Izany ka hanantena fa ny hatsaram-panahin'Andriamanitra no haka anareo indray andro any, ao anatin'ny otanareo, ary hitondra anareo ho any An-danitra. Raha nanao an'izany Izy,

dia ho namela an'ity rehetra eto ity Izy, ary nandray an'i Eva. Na hino ny Teniny ianareo, na ianareo dia. . .ianareo dia ho levona. Ary rehefa mino ny Teniny ianareo, dia ho eo aminareo ilay Famantarana. Ah-hah.

172 Efa vonona ny hamely an'i Egypta ny fahafatesana tamin'io alina io, tamin'ny fotoana rehetra. Fotoana mahatahotra iray izany; ny lanonan'izy ireo rehetra, ny androm-petin'izy ireo rehetra, ny andro fifadian-kanina.

173 Efa namangy azy ireo Andriamanitra. Efa naneho an'ireo Famantarany lehibe sy fahagagana teo anivon'izy ireo Andriamanitra. Inona izany? Ankehitriny mijanòna iray minitra. Efa naneho ny Fahasoavany tamin'izy ireo Andriamanitra. Efa nanome azy ireo anjara iray Izy.

174 Tsy afaka nandà an'Izany izy ireo, ka nanao hoe, "Oh, tsy misy dikany io. Hadalana io. Zavatra iray tao anatin'ny riandrano fotsiny izany, nisy fipoirana iray an'ny—an'ny fotaka mena nivoaka, ary izany no nanao an'ilay ranomasina ho mena." Avy eo dia tonga ny havandra. Avy eo dia tonga ireo sahona. Andriamanitra no nanomana toerana iray, ary nametraka ny Teniny tao am-bavan'ny mpaminany iray. Ary izay nolazainy, dia niseho izany, ary hitan'izy ireo izany. Tsy afaka nandà an'izany izy ireo.

175 Izay nantsoin'i Mosesy, dia izany no azon'i Mosesy, avy tamin'Andriamanitra, satria ny Tenin'Andriamanitra irery ihany no noteneniny. Hoy Izy hoe, "Hataoko andriamanitra iray ianao." Mosesy dia andriamanitra iray ho azy ireo. Hitanareo? Tsy nanisy fahasamihafana izy ireo, noho izany dia hoy Izy hoe, "Ho andriamanitra iray ianao, ary i Arona no ho mpaminaninao. Hitanao, ho tahaka ny andriamanitra iray ianao, fa Izaho no haka anao, ny feonao, ary Izaho no hamorona miaraka aminao. Ary Izaho no hiteny, fa handà an'izany ny olona, satria eo mihitsy izany. Izay lazainao, dia hitranga." Oh, oadray! Eo ianareo izao. "Izaho no haneho aminareo an'ireo zavatra ireo." Oadray! Ary nahita an'izany i Egypta. Nahita an'izany izy ireo talohan'ny andro hariva, na tamin'ny andro hariva mihitsy.

176 Nasehony tamin'izy ireo ny Hatsaram-panahiny. Nasehony fa Izy dia afaka nanaisotra an'ilay izy, nanasitrana.

177 Ireo mpanao hakingana dia niezaka nanao an'ilay zavatra mitovy, ireo fakan-tahaka. Mahita azy ireny foana ianareo. Nisy an'i Jana sy Jambra teo, nitsangana teo izy ireo. Saingy rehefa tonga teo amin'ilay tena zava-misy ilay izy, dia tsy nananan'izy ireo izany. Marina izany. Nanaraka ihany izy ireo, vetivety. Saingy, afaka fotoana fohy, dia voaseho ny hadalany.

178 Ary tsy milaza ve ny Baiboly fa mitovy amin'izany ihany no hitranga amin'ny andro farany, "tahaka ny nanoheran'i Jana sy Jambra an'i Mosesy"? Saingy voaseho ny hadalany, ary ho toy izany indray koa ilay izy. Hitanareo? Io ilay izy, olona maloto

saina, tsy mahatratra ny fahalalana ny Fahamarinana, ilay Zavamisy. Mety manana fiangonana izy ireo sy zavatra lehibe, ary lehibe, avo, zavatra lehibe voahaingo, saingy ho tonga ilay ora amin'ny farany.

179 Mihazòna mafy amin'ilay Famantarana! Izany no tian'Andriamanitra hataontsika. Mifikira amin'ny Teniny. Aza manalavitra an'Izany. Mipetraha tsara amin'Izany. Ny Baiboly no niteny an'izany.

180 Namely ny fahafatesana. Efa naneho famindram-po tamin'izy ireo Andriamanitra, naneho an'ireo hery sy famantarana.

181 Ankehitriny dia ndao isika hanajanona fotsiny mandritry ny fotoana iray na roa, an'ilay famantaranandro eo. Ndao isika hieritreritra ao anatin'ny saintsika, hiverina, an'izay Nampanantenainy fa hitranga amin'ny andro farany. Manontany tena aho raha toa isika ka tsy manana karazana fandinihan-tena mihitsy, ihany koa, hitanareo?

182 Efa nanao an'ireo zavatra rehetra ireo Izy, kanefa dia mbola tsy naniry ny hibebaka ihany izy ireo, na hino ny hafatr'ilay andro. Mbola tsy te-hanao an'izany ihany izy ireo, na dia efa naseho teo anatrehan'izy ireo aza izany, ary azo antoka fa efa nampahafantarina.

183 Ary rehefa mahita zavatra tahaka an'izany miseho ianareo, dia famantarana iray ho an'ny fahatongavan'ny fitsarana izany. Ny fitsarana no hanaraka an'ireny zavatra ireny. Izany foana no nataony, ary tsy hisy fanavahana izany. Hitanareo? Ny fitsarana no manaraka ny fahasoavana. Rehefa nahifika ny famindrampo, dia tsy misy na inona na inona tavela afa-tsy ny fitsarana. Koa dia izany foana no hanaraka an'ilay izy.

184 Ankehitriny, ilay tantara. Ny zava-mitranga ara-panahy rehetra dia famantarana iray avy amin'Andriamanitra. Mitandrema. Mariho izany, hitanareo. Diniho, fa ny zavamitranga ara-panahy rehetra, ny zavatra rehetra izay mitranga, dia famantarana iray. Tsy tonga teto tamin'ny kisendrasendra isika. Ireo zavatra ireo dia tsy nitranga tamin'ny kisendrasendra. Famantarana iray izany. Famantarana iray izany, mba hahatonga—hahatonga ho voaaro, haingana. Noa dia famantarana iray ho an'ny taranany; Elia dia famantarana iray ho an'ny azy; Jaona dia famantarana iray ho an'ny azy. Hitanareo? Ny zavatra rehetra, ny Hafatry ny ora, dia famantarana iray. Diniho Izany, jereo izay ataon'Izany. Hitanareo? Famantarana iray izany. Ny zavatra rehetra dia misy dikany iray.

185 Ary tsy misy fotoana hafa iray intsony mba hitrangan'ity karazana Hafatra iray ity. Tsy afaka tonga tamin'ny andron'i Luther izany, tsy afaka tonga tamin'ny andron'i Wesley, tsy nety tonga tamin'ny andron'ny Pentekotista akory aza izany. Tsy

afaka nanao an'izany izy. Hitanareo? Tsy nisy . . . zavatra tahaka an'izany nitranga, kanefa isika dia nampanantenana an'izany ao amin'ny Baiboly. Hitanareo? Eo amin'ny farany isika izao. Tsy misy na inona na inona afaka nitranga, tsy afaka nitranga izany raha tsy amin'izao andro izao. Ary tonga ho famantarana iray izany. Manontania tena hoe inona ilay famantarana?

186 Oh, ry vahoaka kely, ry rahalahiko, anabaviko, midira eo ambanin'io Famantarana io, haingana. Hitanareo? Aza, aza maka mpisolo mihitsy. Aza, aza, aza, aza manao an'izany. Hitanareo? Aza saintsainina fotsiny Izany. Mijanòna eo mandra-pahafantatrareo fa nampiharina ilay Famantarana, mandra-pahatongan'ilay saina (ny anareo manontolo) izay tao amin'i Kristy ho ao anatinareo, mandra-pahatongan'ny hadalan'izao tontolo izao ho lasa, hitanareo, mandra-pahatongan'ilay fanirian'ny fo manontolo ho Izy. Hitanareo? Ka, amin'izay fotoana izay, fantatrareo, amin'izay fotoana izay dia fantatrareo fa misy zavatra mitranga. Hoy Jesosy hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino," tsy ireo mody mino, fa ireo mpino. Hitanareo? Ankehitriny, isika dia tsy te-hanao ny, ny fitsapatsapana amin'izany; tsy mahazo manao an'izany ianareo.

187 Ny Hafatry ny ora dia famantarana iray ho an'ireo fiangonana. Famantarana iray ho an'ny olona Izany. Aza . . . ianareo ve, ianareo ve mahatakatra an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Manantena aho, ao amin'ny horonam-peo, fa hanao tahaka an'izany izy ireo, hitanareo, ary ireo ampahany hafa eto amin'izao tontolo izao. Hitanareo, eto ilay oran'ny famantarana. Misy Famantarana iray izay tsy maintsy ampiharina, ary tsy misy fotoana iray hafa nahafahan'Izany ho tonga.

188 Mariho ilay fanomanan'Andriamanitra ho an'io fotoana io. Ankehitriny, araka ny fantatsika fa ny Baiboly no nilaza hoe, "Ireo zavatra rehetra ireo dia nitranga mba ho ohatra, hitanareo, ho antsika." Mariho, rehefa vonona ny hitsara an'i Egypta Andriamanitra, dia nanao fanomanana iray Izy aloha. Inona no Nataony tamin'ny voalohany? Tsy manova mihitsy ny Laminy Izy.

189 Tamin'ny voalohany, rehefa niomana Izy, rehefa nanao ny Fanomanany Izy, dia naniraka mpaminany iray niaraka tamin'ny hafatra iray Izy. Ny zavatra voalohany Nataony ho an'ny Olony dia naniraka mpaminany iray niaraka tamin'ny hafatra iray.

190 Ny zavatra manaraka Nataony, mba hanondroana an'io mpaminany io, dia nandefa Andry Afo iray Izy ho fanondroana, mba hanondro azy.

191 Ary ny zavatra fahatelo Nalefany dia ny famantarana. Tena marina tanteraka izany. Ilay famantarana, inona no dikan'ilay famantarana? Fiantohana!

192 Voalohany, ny Mpaminaniny niaraka tamin'ny hafatra; Izy dia nanondro ny Tenany teo anivon'ny . . . niaraka tamin'ny—tamin'ny Andry Afo iray niaraka tamin'ny Mpaminaniny; avy eo Izy dia nandefa famantarana iray, mba hidirana ao ambanin'io rà io, hoe Izy dia nanaiky an'io mpisolo fahafatesana io eo amin'ny toeranareo. Tamin'izay fotoana izay, dia ilay rà no famantarana fa nijery Izy, hoe nandre an'ilay hafatra ianareo, nino an'ilay Andry Afo, ary nanaiky an'ilay fisoloana izay efa Nomaniny ho anareo, ary eo ambanin'ny ràn'ilay tena singa simikan'ilay aina izay navoaka ho anareo ianareo. Oadray! Tanteraka toy ny inona, zavatra tanteraka toy ny inona izany, hitanareo, eo ambanin'ilay rà ianareo.

193 Ankehitriny dia eo ambanin'ny Fanahy ianareo, eo ambanin'ny Fanahy Masina. Hitanareo? Hitanareo? Ianareo dia mino an'ilay Hafatry ny andro, hitanareo, ianareo dia mino ny—ny—ny—ny—ny hery, ny—ny—ny Andry Afo. Mino an'izany ianareo, hitanareo, ary tena mino ianareo.

194 Ankehitriny, ankehitriny dia jereo, ny mino an'Izany fotsiny dia tsy ampy. Tsy hoe—hoe . . . Mihodinkodina eo amin'izay misy an'Izany fotsiny, tsy ampy izany. Hitanareo, izany dia hanao ny tenanareo ho ratsy kokoa, "Fa izay mahafantatra ny hanao ny tsara, ka tsy manao an'ilay izy, dia ota ho azy izany." Hitanareo, ireo mpino mpanara-driandrano, Jesosy no niteny ny zavatra tahaka an'izany.

195 Hebreo, ny toko faha-6, "Fa tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha, ary efa natao ho mpandray anjara tamin'ny Fanahy Masina, sy efa nanandrana ny Teny tsaran'Andriamanitra, sy ny fiainana ho avy, raha lavo izy ireo, ny hanavao ny tenany indray ho amin'ny fibebahana; satria manombo ny Zanak'Andriamanitra amin'ny tenany izy ireo; ary manova ny faneken'ny Rà, izay nanamasinana azy ireo tamin'ny . . . " Ilay singa simika izay manamasina. Tsy izany ilay Famantarana. Ny Rà dia tsy ny Famantarana ankehitriny. Ny Aina no Famantarana.

196 Tsy afaka ny ho tonga teo ilay aina, satria biby iray izany. Ilay singa simika no famantarana, tsy maintsy nampihatra an'ilay rà ara-bakiteny teo amin'ny varavarana ianareo. Fa ankehitriny dia ny Fanahy Masina izany. Ho tonga eo amin'izany isika, afaka fotoana vitsy fotsiny, mba hanaporofo an'izany, hitanareo. Ilay Aina no Famantarana.

197 Lasa ny ainareo, dia maty ianareo, ary maty ny ainareo. Voaafina ao amin'Andriamanitra ianareo, amin'ny alàlan'i Kristy, ary vita tombokase ao amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Ilay saina izay tao amin'i Kristy no ao aminareo. Ary Kristy, sy ny Baiboly, ary ny Teny, dia iray ihany. "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra." Amin'izay fotoana izay ianareo, sy ny Teny, sy

Andriamanitra, ary Kristy, dia iray ihany. "Ary raha mitoetra ato Amiko ianareo, ary ny Teniko ao aminareo, dia angataho izay tianareo, fa hatao izany." Hitanareo?

198 Napetrany avy hatrany teo amin'ny molotr'i Mosesy ny hery, mba hivoaka teo niaraka tamin'ny Teniny sy miteny, ary tonga ny sahona; miteny, dia lasa ny sahona; miteny, dia tonga ny hao; miteny, ny aina—lasa ny hao. Amena!

199 Fa avy eo dia ny famantarana no notakiana tamin'ny Isiraely rehetra. Ny Isiraely rehetra dia nitakiana an'io famantarana io. "Ary rehefa mahita ny famantarana Aho, dia handalo anareo Aho." Oh, oadray, oadray! Fiantohana iray toy ny inona!

200 Ny fivoahan'ny Isiraely avy tao Egypta, dia tandindona iray, na tandindona mialoha an'izao andro izao. Egypta no ilay fiangonana, ary Isiraely no naneho ny Ampakarina. Ary tahaka ny nivoahan'ny Isiraely avy tao Egypta, dia toy izany koa no ivoahan'ny Ampakarina avy ao amin'ny fiangonana. Hitanareo? Satria, tsy maintsy misy zavatra eo mba Ivoahany, ary tsy maintsy mivoaka Izy, arak'izany, raha tandindona iray izany. Ilay—ilay fiangonana dia ao Egypta, ao amin'izao tontolo izao sy ao amin'ny ota, ary tsy miraharaha ny—ny—ny madinika indrindra amin'ny Famantaranareo. Tsy mino an'Izany akory aza izy ireo. Fa Isiraely no nitia an'izany, satria ho an'ny famonjen'izy ireo izany. Oh! Oh! Tokony hanao antsika ho sambatra izany, tokony hanao ny fontsika . . . Oh!

201 Ampiharo Izany, ry fiangonana! Aza diso ankehitriny. Sitrakareo ve ankehitriny? Aza, aza, aza mamela ny masoandro hilentika. Aza, aza, aza, aza mitsahatra, andro aman'alina. Aza mitsapatsapa. Tsy hety izany, rankizy. Tsy hety izany. Tsy maintsy manana an'ilay Famantarana ianareo!

202 Hoy ianareo hoe, "Mino aho. Eny, handeha aho. Izaho, hia, izaho dia mino ny Hafatra. Izaho . . ." Tsara daholo izany, fa, izany—izany dia tsara.

203 Fa tsy maintsy manana an'ilay Famantarana ianareo! Mandre ve ianareo, ry Branham Tabernacle? Tsy maintsy manana an'ilay Famantarana voaseho ianareo! Raha tsy misy an'Izany, dia foana ny finoanareo rehetra. Hitanareo? Hiaina fiainana tsara iray ianareo; mihaino an'izay lazain'ny Teny ianareo; mandeha any am-piangonana ianareo; miezaka ny miaina mahitsy ianareo; tsara izany, saingy tsy izany ilay Izy. "Rehefa mahita ny rà Aho," izany hoe ny Famantarana. Ary ny Famantarana eto dia tsy . . .

204 Satria, inona, Izy—Izy dia tsy maintsy mahita an'ilay tena singa simika, satria lasa ilay aina, izy . . . niala taminy, biby iray izany.

205 Fa eto Izany dia ny Ainy Manokana no tao anatin'ilay Rà. Ary ilay singa simika dia mari-pamantarana iray fotsiny na marika iray an'ny fanamasinana, fa ilay Aina Izy tenany

kosa no Famantarana; satria raha tsy misy an'ilay famorana, tsy misy an'ilay Famantarana, dia tsy ao anatin'ny fanekena akory aza ianareo. Ny zavatra manontolo dia miara-miasa. Raha milaza ianareo fa voafora ho an'ny Teny ianareo, ary Izany irery ihany, amin'izay fotoana izay dia hino ny Teny ianareo; raha mino ny Teny ianareo, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy tonga ilay Famantarana, satria hoy izy hoe, "Mibebaha, ary aoka ny tsirairay avy aminareo hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho an'ny famelana ny ota, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina." Eo ianareo izao. Oh, oadray!

206 Mariho àry ilay fanomanana ho an'ny Vahoakan'ny tany nampanantenainy. Mariho izay Nataony. Voalohany, nanana vahoaka iray Izy izay Nanamboarany tany iray ho azy ireo. Nanomana tany iray ho azy ireo Izy. Ary ankehitriny dia Nalefany teo ny fanomanana iray ho an'izany, ho an'ilay vahoakan'ny tany nampanantenaina. Izany dia ho an'ireo izay voafidy mialoha irery ihany ho an'io tany nampanantenaina io, andron'ny Ampakarina. Ary ahoana no Nanaovany an'izany, naniraka mpaminany iray niaraka tamin'ny hafatra iray Izy, nanondro an'izany tamin'ny alàlan'ny Andry Afo iray, ary nanome famantarana iray mba hahafahan'izy ireo hijanona hanana antoka fa marina ilay izy. Marina izany. Izany no fiononany.

207 Isiraely, izay nivoaka avy tao Egypta tamin'izany fotoana izany, dia—dia tandindona. Izany no tandindona mialoha, an'ilay Fiangonana nivoaka avy ao amin'ireo anaram-piangonana. Ankehitriny, tsy ny anaram-piangonana rehetra. Ny Ampakarina no tiako ho lazaina. Hitanareo? Olona vitsivitsy, misy sasany amin'ireo mahaleo tena no ratsy lavitra mihitsy noho ireo anaram-piangonana, indraindray dia ratsy kokoa noho izany.

208 Miresaka an'ilay Famantarana nampiharina aho. Ny Famantarana dia mifanaraka amin'ny Teny tsirairay. Hitanareo? Tsy maintsy ho izany ilay izy, satria ny Teny Izany. Izy no Aina izay tao anatin'ny Teny. "Ny Teniko dia Ara-panahy; Aina Izy ireo," hoy Jesosy. Hitanareo?

209 Rehefa nanomboka ny Asam-panompoany tao Isiraely i Mosesy, niaraka tamin'ireo famantarana lehibe izay hitanareo, dia niangona haingana avy tany amin'ny manerana an'i Egypta ny Isiraely, nankao Gosena, niverina tao amin'ilay tanindrazana, satria fantatr'izy ireo fa misy zavatra efa natao hitranga. Oh, tandindona iray toy ny inona!

> Oh, tonga avy any Atsinanana sy Andrefana izy ireo,
> Tonga avy tany an-tany lavitra izy ireo, (marina izany, efa renareo ilay hira)

Mba hifety miaraka amin'ilay Mpanjaka, hisakafo ho toy ny Nasainy,
Voatahy toy ny ahoana ireto mpivahiny ireto!
Mibanjina ny Tavany masina
Mamirapiratry ny fitiavana Masina;
Mpandray anjara voatahy amin'ny Fahasoavany,
Toy ny vatosoa mamiratra eo amin'ny Satroboninahiny.

Oh, ho avy tsy ho ela Jesosy,
Hifarana ireo fitsapana antsika amin'izay fotoana izay.
Oh, ahoana moa raha ho tonga amin'izao fotoana izao ny Tompontsika
Ho an'ireo izay afaka tamin'ny ota?
Oh, amin'izay fotoana izay dia hitondra fifaliana ho anao ve izany,
Sa alahelo sy hakiviana lehibe?
Rehefa tonga amim-boninahitra ny Tompontsika,
Dia hitsena Azy eny amin'ny habakabaka isika.

210 Maneho an'ilay Famantarana! "Ary Izaho no hanangana azy amin'ny andro farany." Izany tokoa! Ao amin'ireo andro ireo isika.

211 Niangona tao Gosena ny olona. Vonona izy ireo. Fantatr'izy ireo fa misy zavatra natao hitranga. Izy ireo fotsiny dia tahaka . . .

212 Alaivonareo ireo ganagana, rehefa tonga ny fotoan'ny fifindran-toerana, dia miara-miala mihitsy izy ireo. Rehefa ireo tantely, ny zavatra hafa rehetra, no vonona, dia misy fanamboloana misintona azy ireo.

Ny Fanahy Masina no misintona ny olona!

213 Oh, rehefa tonga ny fotoana hilatsahan'ilay fahatezeran'Andriamanitra lehibe, ny tsirairay . . . Indro tonga ireo ganagana roa, lahy sy vavy. Indro tonga ireo gisa roa, lahy sy vavy; indro tonga ireo soavaly roa, lahy sy vavy; misy zavatra hafa misintona azy ireo, ilay voafidy mialoha. Ny sisa amin'izy ireo dia levona. Oh! Ny sisa amin'izy ireo dia levona! Fa ireo izay nahatsapa an'ilay sintona hidirana kosa, dia fantatr'izy ireo fa efa voaomana ilay sambofiara. Izany no famantarana iray fa ho avy ny ranonorana. Fantatr'izy ireo fa ho avy ny ranonorana, tsy mampaninona izay fanehoana nisy sy izay heverin'ny olona hafa. Mahafantatra izy ireo.

214 Nisy zavatra tao anatin'izy ireo tao, nanao hoe, "Midira ao, haingana mihitsy! Midira ao, satria io ihany no toerana tokana izay hisy fiarovana." Satria, nanomana mpaminany iray Andriamanitra, nandefa an'ilay sambofiara Izy ho famantarana, nanao hoe, "Midira ao," fa ho avy ny ranonorana. Ary niditra tao avy hatrany izy ireo, tsiroaroa. Ny biby rehetra dia niditra,

tsiroaroa, tao anatin'ilay sambofiara, satria niditra tao anatin'io izy ireo. Tsy mampaninona ireo sisa . . .

215 Ary ny rehetra izay tany ivelan'io sambofiara io dia levona. Ny rehetra izay tany ivelan'ilay famantarana, an'ny rà, dia levona, ny tsirairay avy. Ary ny tsirairay avy any ivelan'ilay Famantarana, an'ny Fanahy Masina, dia ho levona.

216 Tsy mampaninona na tsara toy ny ahoana, na betsaka toy ny ahoana ireo mambram-piangonana! Nisy betsaka tamin'izy ireo tamin'ny andron'i Noa. Nisy betsaka tamin'izy ireo tamin'ny andron'i Mosesy; fa ny olona iray izay diso tamin'ny fampiharana an'ilay rà, ho famantarana, dia, levona izy. Ireo izay diso tamin'ny fidirana tao amin'ilay sambofiara, dia levona. Ireo izay diso amin'ny fidirana ao amin'i Kristy, satria Izy no Sambofiara!

217 Korintiana Voalohany 12, nanao hoe, "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra ho amin'ny Vatana iray." Ilay mahagaga, fa tsy ny fiangonana; fa ilay mahagaga, fa tsy ireo anaram-piangonana; ilay Vatana mahagaga an'i Jesosy Kristy! "Tamin'ny Fanahy iray," sora-baventy F-a-n-a-h-y, Fanahy, "no nanitrihana antsika rehetra tao amin'io Vatana iray io." Amin'izay fotoana izay dia eto amin'ny varavarana ilay Famantarana, satria ao amin'i Kristy ianareo. Ary Izy no ilay Tokana, Fanatitrareo, Izay nandray ny fitsarana. Ary rehefa mijery eo amin'io Andriamanitra, dia tsy afaka manao na inona na inona Izy. Avotra fotsiny arak'izay azonareo atao ianareo, satria Andriamanitra sy Kristy dia Olona iray mitovy ihany, ilay Fanahy izay tonga nofo ka nonina teo anivontsika. Ary eo Andriamanitra miaraka amin'ny Tenany Manokana, sy ianareo, Zanany Manokana, ao anatin'ilay Vatana. Eo ianareo izao, fa tsy singa ara-tsimika, fa Fanahy! "Handalo anareo Aho."

218 Avy tany Egypta rehetra izy ireo, mba hiangona ao amin'io toerana tokana io, mba hahafahan'izy ireo ho eo ambanin'io famantarana io.

219 Ary izy ireo dia avy amin'ireo Metodista, Batista, Presbyterana, Loterana, Pentekotista, ny zavatra hafa, mba ho tonga eo ambanin'ilay Famantarana. Tena tahaka ny tamin'izany fotoana izany mihitsy!

220 Andry Afo iray no naseho teo. Ary ny iray nilaza tamin'ny iray hafa, ny iray hafa nilaza tamin'ny iray hafa, ny iray hafa nilaza tamin'ny iray hafa, ary, ny zavatra voalohany fantatrareo, indro izy rehetra fa nanomboka tonga. Nanomboka tonga izy ireo, ary nandinika an'ilay famantaran'Andriamanitra. Hoy izy ireo hoe, "Antomotra ny fitsarana."

221 Tamin'izay fotoana izay dia hoy ilay mpaminany hoe, "Efa nandre tamin'Andriamanitra aho. Hisy famantarana iray. Ary apetaho eo amin'ny varavarana ilay rà. Vonoy ny zanak'ondry,

apetaho eo amin'ny varavarana ilay rà, ary izany no ho famantarana iray, satria efa vonona hamely ny fahafatesana."

222 Mamelà ahy hiteny aminareo androany, amin'ny maha-Mpanompony, fa raha tsy eo amin'ny varavarana ilay Famantarana, dia hisy fahafatesana ara-panahy hamely. Ary ny fiangonana rehetra dia mandroso mankany amin'ilay—ilay fiombonambe, an'ny Fiombonamben'ny Fiangonana Maneran-tany. Hiverina any amin'ny Katolisisma izy rehetra. Ary ireo izay tena izy irery ihany, nateraka indray, no hijanona any ivelan'izany!

223 Tsarovy, tsy ny anaram-piangonanareo Pentekotista, satria efa ao anatin'izany izy ireo. Maneho fa maty izy ireo! Levona izy ireo. Nahafoy izy ireo. Niverina izy ireo. Nametraka Azy tany ivelan'ny varavarana izy ireo, nefa Izy mitady an'ilay Famantarana. Satria, ny zavatra tokana izay niankinan'izy ireo dia ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra.

224 Aza miankina amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra mihitsy ianareo, na inona na inona hafa. Fa aoka ilay Famantarana Izy tenany no ho ao, ilay Jesosy Kristy Olona, ny Ainy Manokana ao aminareo. Tsy mamora fotsiny an'*ity*, *itsy*; fa forao ny aminareo manontolo, mandra-pahatonganareo sy Kristy ho Iray. Kristy dia ao aminareo, ary ny Ainy no velona amin'ny alàlanareo.

225 Ankehitriny, ankehitriny, avy tany Egypta rehetra! Ary jereo ankehitriny, raha mahita an'izay nataon'izy ireo isika, raha mahita an'ilay fotoana miseho isika, dia nodidiana isika hanao an'ilay zavatra mitovy. Efa fantatrareo ve izany? Diniho izay nolazain'ilay mpaminany.

226 Ary hamaky isika ankehitriny, raha te-hamaky ianareo, ao amin'ny Hebreo ny toko faha-10. Ary raha te-hamaky miaraka amiko ianareo, dia tiako ny hamaky andininy iray na roa eto ankehitriny alohan'ny hanohizantsika. Hebreo ny toko faha-10, ary ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-26 an'ny toko faha-10-n'ny Hebreo. Tsia, izaho dia . . . Ndao jerentsika. Hia. Eny, tompoko! Ny Hebreo, ny toko faha-10, ary ny andininy faha-26, hitanareo.

*Fa raha minia manota isika rehefa avy nahazo isika . . .*

227 Ndao jerentsika, marina ve izany vakiako izany? Hia. Marina izany. Eny.

> *. . . raha minia manota isika rehefa . . . avy nahazo ny fahalalana ny marina isika, dia tsy misy intsony ny fanatitra noho ny* ota.
>
> *Fa fiandrasana mahatahotra amin'*ny *fitsarana,* ny *fahatezerana mirehitra, izay handany ny* fahavalo.

> Jereo eto! *Izay nanohitra ny lalàn'i Mosesy dia maty tsy nisy famindram-po amin'ny vavolombelona roa na telo:*
>
> . . . manao ahoana kosa *no hamafin'ny fampijaliana,* raha izany, *ataonareo, tokony ho mendrika* arak'izany, *amin'izay* efa nanitsaka *teo ambanin'*ny *tongotra, teo ambanin'*ny *tongotra ny Zanak'Andriamanitra, ary . . . nanao* ny ràn'ny fanekena, *izay nanamasina azy, ho zavatra tsy masina, sady* efa *naniratsira ny Fanahin'ny fahasoavana* izay avy amin'ny Rà?

228 Mpitoriteny, mambra, lehilahy tsara, lehilahy maotina, na inona ianareo na inona, ary fantatrareo fa Andriamanitra no nanafaka anareo tamin'ny sigara. Ry vehivavy, fantatrareo fa Izy no nanafaka an'ireo sorta, sy—sy volo fohy, sy ny sisa, taminareo. Fantatrareo fa Izy no nanao an'izany. Saingy avy eo raha mihodina ianareo ka maniratsira, ary manao an'ilay Ràn'ny fanekena, fa izany Izy, "ho zavatra tsy masina," Izay nanamasina anareo ary nitondra anareo hatreto!

229 Tahaka an'ireo mpisafo tany, raha nandeha teo amin'ilay sisin-tany izy ireo, ka nijery teny amin'ny ilany, ary nanao hoe, "Eny, fantatro fa misy ilay izy, saingy lehibe loatra ilay sakana. Toy ny tsingetana isika," levona tany an-efitra izy ireo. Mpino mpanara-driandrano!

230 Aza tonga hatramin'ny *eto* fotsiny, manao hoe, "Mino ny Hafatra aho." Ankatoavy ilay iraka. Midira ao amin'i Kristy! Hoy ianareo hoe, "Eny, nino ny Teny tsirairay izay voalaza aho, Rahalahy Branham." Tsara izany, saingy izany fotsiny dia—izany dia fahaizana mamaky fotsiny.

231 Raiso ny Hafatra, raiso ao anatin'ny fonareo Izany, ka tsy maintsy manana an'ilay Famantarana ianareo, ilay tena Aina izay tao amin'i Kristy no ao aminareo. "Rehefa mahita an'Izany Aho, dia handalo anareo Aho."

232 Raha mahita an'ireo famantarana lehibe an'ny andro farany eto an-tany isika amin'izao andro izao, dia fantatsika fa marina izany. Ankehitriny jereo, efa niandry an'izao aho, nandritry ny ela, fotoana ela, an'ity Hafatra ity ho anareo. Hitanareo? Ary efa hitanareo ireo famantaran'ny andro farany. Ary efa nitory an'Izany taminareo aho, ary naneho an'Izany taminareo, tamin'ny alàlan'ny zavatra rehetra izay nolazain'i Kristy. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hanaiky an'izany ve ianareo? ["Amena."] Ao amin'ny andro farany isika izao. Tsy mahita na inona na inona tavela aho.

233 Hoy ianareo hoe, "Ahoana ny amin'ilay mariky ny bibidia?" Ireo izay mandà ny Fanahy Masina dia efa voaisy mariky ny bibidia. Ho avy manaraka ny fampijaliana. Hitanareo?

234 Tany Isiraely, rehefa nitsoka ny trompetra tamin'ny taon-Jobily, ny olona tsirairay . . . Voamarikareo ve Kristy, teo am-

pamakiana an'izany? Ny antsasak'izany fotsiny no Novakiany, satria ny antsasak'izany fotsiny no nampiharina tamin'izany fotoana izany. Hitanareo? "Naniraka Ahy hanasitrana ny torotoro fo Izy, hitory fanafahana, sy ny sisa, hitanareo," fa, Izy, "ary ny taom-pankasitrahana an'ny Tompo." Ny sisa tamin'izany, Izy dia tsy—Izy dia tsy namaky an'izany mihitsy; Napetrany ilay Horonana, satria izany dia ho an'izao andro izao. Hitanareo? Ny ampahan'izany fotsiny no Novakiany, ampahany izay an'ny Androny.

235 Ankehitriny Ity no Hataony amin'izao andro izao. Ity no Resahany, amin'ny alàlan'ny Fanahiny voahosotra, ho an'ny fiangonana amin'izao andro izao. Izao no ora. Izao no fotoana. Raiso Izany, ry vahoaka. Raiso Izany!

236 Inona! Hitantsika ireo andro farany lehibe, ireo jiro mena mipipiaka, na aiza na aiza. Eo amin'ny natiora, dia hitantsika ny natiora manapipiaka an'ilay jiro, "Antomotra ny andro." Hitantsika izany eo amin'ny fiangonana, manapipiaka an'ilay jiro. Voaheloka izy. "Antomotra ny andro." Ao amin'izao tontolo izao izy. Hitantsika izany eny amin'ny—eny amin'ny lanitra, eny amin'ny ranomasina, eny amin'ny firenena, eny amin'ny aiza na aiza; ao amin'ny masoandro, volana, kintana. Famantarana!

237 Hitantsika ireo famantaran'ny andro farany an'ny Fanahy Masina fa miverina indray eo amin'ny olona. Tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, toy ny ahoana no niasan'ny Fanahy Masina tamin'ny alàlan'ny nofon'olombelona tany, Andriamanitra voaseho teo amin'ny nofo izany. Toy ny ahoana no hanaovan'Andriamanitra ny Tenany ao anatin'ny olona, ny Tenany ao anatin'ny Ampakariny amin'izany andro izany, ka haneho an'ilay famantarana iray ihany, Jesosy no nilaza fa hitovy amin'izany koa amin'ny andro farany. Hitantsika izany. Hitantsika ilay Andry Afo iray ihany. Na ny siansa aza naka ny sarin'Izany, sy ny sisa. Hitantsika fa antomotra ireo famantaran'ny andro farany. Fantatsika fa eto izany.

238 Ary avy eo, dia mahita an'izao, raha mino ahy ianareo! Raha tsy mino ahy ianareo; minoa an'ireo famantarana, minoa ny Teny, fa izy ireo no miteny an'izay lazaiko aminareo. Raha tsy nilaza taminareo ny Fahamarinana aho, dia tsy hamerina hiteny ireo. Tsy hiteny lainga iray mihitsy Andriamanitra. Miteny ny Fahamarinana Andriamanitra. Ary ireo Teny ireo no manambara fa milaza ny Fahamarinana aminareo aho. Izy ireo no hany manambara ny Hafatra izay toriako. Tsy ilay Anjely tany amin'ny renirano tamin'io andro io ihany, izay nanao hoe, "ny Hafatrao no hialoha làlana ny Fihavian'i Kristy faharoa," fa ireo asa izy tenany! Raha tsy mety mino ianareo fa nilaza ny Fahamarinana io Anjely io; dia minoa an'ireo asa, satria ny Baiboly no nilaza fa ireo zavatra ireo no hitranga amin'ny andro farany. Izy ireo no Ilay manambara. Izy ireo no hany miteny mafy

kokoa noho ny teniko na ny an'ny olon-kafa. Teniny izany. Izy ireo no manambara an'ilay fotoana.

239 Ary hitantsika ireo famantarana ny farany lehibe, mampahatahotra eo amin'ny olona, sy ireo famantarana ny fotoana, eo amin'ny tany, fahoriana isaky ny firenena.

240 Hitantsika i Isiraely ao amin'ny tanindrazany. Ilay faneva, ilay tendron-kintana enin'ny Kintan'i Davida, mikopakopaka, ilay faneva tranainy indrindra eto amin'izao tontolo izao, ilay saina tranainy indrindra eto amin'izao tontolo izao. Firenena iray izy. Governemanta iray izy. Vahoakany manokana izy. Ao amin'ny vondron'ny firenena izy. Izy, izy dia, izy dia ireo zavatra rehetra ireo. Ao amin'ny U.N. izy. Ary manana ny sandambolany manokana izy, sy ny sisa. Hoy Jesosy hoe, "Tsy ho lany ity taranaka ity mandra-pahatanteraky ny zavatra rehetra." Ary, tsarovy, ilay alina tena nahalasa an'i Isiraely ho firenena iray, dia izany no alina izay nisehoan'ilay Anjelin'ny Tompo tamiko mihitsy tany. Marina izany. Eo isika rehetra izao.

241 Ny zavatra rehetra dia voatondro ho ny Fahamarinana. Tsy nandainga taminareo aho. Nilaza taminareo ny Fahamarinana aho, ary Andriamanitra no nanamarina fa nilaza ny Fahamarinana taminareo aho. Ankehitriny, tsarovy, rahalahinareo aho. Olona iray aho, hitanareo. Olona iray fotsiny tahaka anareo rehetra aho, saingy misy olona iray tsy maintsy mitondra an'Izany, misy olona iray tsy maintsy miteny an'Izany. Tsy safidiko izany; Safidiny izany. Ary efa nilaza ny Fahamarinana taminareo aho, ary Izy no nanamarina avy hatrany fa Izany no Fahamarinana. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

242 Rehefa hitantsika ireo zavatra ireo fa eto an-tany amin'izao andro izao, oh, ry vahoaka, dia izao no ora farany. Raiso eo aminareo io Famantarana io, haingana arak'izay azonareo atao; na, midira ao amin'ilay Famantarana, midira ao amin'ilay Famantarana. Rehefa mahita an'ilay famantarana ny farany lehibe isika, sy ny andro antomotra, mampitandrina antsika hoe, "Antomotra ny andro."

243 Oh, raiso am-pahamasinana izany! Tokony hifankatia isika. Oh, oadray! Tokony ho tena tia isika! Aza mifampiteny ratsy mihitsy. Raha manao fahadisoana ny olona iray, dia mivavaha ho azy avy hatrany. Miaraka ao anatin'izao isika, miaraka amin'Andriamanitra. Mpirahalahy sy mpirahavavy isika. Oh, miainà masina. Miainà, miainà tahaka ny zanakavavin'Andriamanitra, miainà tahaka ny zanakalahin'Andriamanitra. Miainà malemy fanahy, tsara fanahy, manetry tena.

244 Aza avela hisy ratsy hiditra ao an-tsainareo, ao anatin'ny eritreritrareo. Izao fotsiny, ravao fotsiny izany. Raha mandondona eo amin'ny varavarana izany, dia roahy izany.

Lazao fotsiny, asehoy fotsiny ilay Famantaranareo, dia manohiza fotsiny mandeha hoe, "Eo ambanin'ny Rà aho!"

245 Tsarovy, maro amin'izy ireo no manatona an'ireo vehivavy izao hariva izao, manao hoe, "He, Gertie, Lillie, ny sasany aminareo, mivoaha, handeha ho any amin'ny fety isika izao hariva izao."

246 "Hah-ah! Eo ambanin'ny rà aho. Eo ambanin'ny famantarana aho, mba hijanona eto. Ny fitiavako dia ho an'ilay Mpanao ahy. Eto amin'ny firenena ny fahafatesana izao hariva izao."

247 Ary eto amin'ny firenena ny fahafatesana amin'izao andro izao. Miandry ny fitsarana, mihantona izy. Ny atomika, sy ireo hydrogène, ary ireo karazana atambo rehetra, dia miandry ny firenena.

248 Ary mihetsika ao amin'ny Fiangonany Andriamanitra, ary maneho ny zavatra rehetra. Efa nitahiry an'ilay Zanak'ondry vetivety isika ankehitriny, nandinika, nahita an'izay Ataony, nandinika ny Natiorany sy ny sisa, saingy ankehitriny dia ilay Famantarana no tsy maintsy ampiharina. Tsy maintsy ampiharina Izany. Izany no zavatra tokana. "Raha tsy ateraky ny Fanahy ny olona, sy ny rano, dia tsy hiditra mihitsy izy." Ary tokony hifankatia ianareo. Ny mpino dia tokony hampisaraka ny tenany amin'izao tontolo izao. Aza amaivanina izany ankehitriny.

249 Ankehitriny, ianareo olona izay mihaino an'Izao, ao amin'ny horonam-peo, ianareo vehivavy, ianareo lehilahy, henoinareo iray minitra. Raha efa mba nino ahy ianareo, dia minoa an'Izany ankehitriny.

250 Izao no fotoana hampijanonana ny fifamaliana amin'ny hafa. Minoa ny Hafatry ny Baiboly! Minoa an'i Jesosy Kristy! Ary mifankatiava, sy mifanomeza voninahitra, ary mifanajà. Ry lehilahy hajao ny vadinareo. Hajao ny tokan-tranonareo. Ento miaraka ny tokan-tranonareo, satria, tsarovy, io Zanak'ondry io dia ho an'ny tokan-trano, fa tsy ho an'ny anankiray fotsiny; satria ny tokan-trano manontolo, ihany koa, no tsy maintsy nentina. Ny zavatra rehetra dia tsy maintsy nentina. Tokony hifankatia isika. Ary ny mpino dia tokony hampisaraka ny tenany amin'izao tontolo izao.

251 Mariho, tsy tonga niaraka izy ireo mba hiresaka fotsiny mikasika ny amin'ilay hafatra. Fa tonga niaraka izy ireo mba hampihatra an'ilay rà, hampihatra an'ilay famantarana.

252 Izany no tsy maintsy ataonareo. Pasitera Neville, ary ho an'ity fiangonana ity, ireo mpitantan-draharaha, ireo diakona, ho anareo rahalahy, izao no fotoana izay hanesorantsika ny fahadalana rehetra an'izao tontolo izao, fotoana izay hanesorantsika ny zavatra hafa. Efa nahita betsaka isika ankehitriny, hany ka azo antoka isika, manana antoka. Ary tsy

maintsy ampiharina ilay Famantarana. Raha tsy misy an'Izany, dia ho levona ianareo; tsy maintsy levona ianareo, izay ihany no zavatra tokana.

253 Oh, aza tonga miaraka, manao hoe, "Mino an'Izany aho." Mitoera ao ambanin'Izany, midira ao amin'Izany! [Misy fifangaroan'ny onjam-peo iray izay heno—Mpand.] Ahoana no hanaovana an'izany? "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika tao amin'ny Vatan'i Jesosy Kristy." Ny olona rehetra dia mino, amin'ny fonareo rehetra. Hitanareo? Tsy tompon'andraikitra Izy ho an'izay tsy ao ambanin'Izany.

254 Iza izany miteny izany? [Misy olona iray manao hoe, "Onjam-peon'ny radio iray izany, Rahalahy Branham."—Mpand.] Onjam-peo avy any ambony? ["Avy amin'ny alàlan'ny fanamafisam-peo."] Amin'ny alàlan'ny fanamafisam-peo. Manana an'izany ve izy ireo ao? Mandre olona iray aho. ["Rahalahy Branham, mino aho fa onjam-peo iray izay tonga ao ambadika ao izany."] Onjam-peo, hia. Oh, izy ireo—izy ireo dia mifandray amin'izany. Ataoko fa izy ireo dia mandray . . . Oh, ao amin'ireo fiara? Mamelà ahy. Fantatro fa nisy olona niteny zavatra. Ary nieritreritra aho fa nisy olona te-hiteny zavatra amiko, ary tsy azon'izy ireo ilay izy, hitanareo, ary izany no antony ni—nilazako an'izay nolazaiko. Nahita anareo nijery manodidina aho. Nandre feo iray aho. Nieritreritra aho fa nisy olona nitsangana mba hilaza zavatra, ary tsy fantatro hoe inona ilay izy. Ankehitriny, ankehitriny, misaotra anareo.

Fa, minoa, midira ao ambanin'Izany!

255 Tsy tonga niaraka ny Isiraely, nanao hoe, "Ndao isika rehetra handeha hatrany Gosena androany. Hitsangatsangana hatrany Gosena isika. Ento ny ramevanareo, ary izahay hitondra ny saretin'omby. Halaintsika ry Jones, eto, sy ny sisa, ary—ary ry Goldberg, ary isika rehetra no handeha hatrany—hatrany Gosena. Ary mba fantatrareo moa? Hiteny i Mosesy androany." Tsy izany ilay izy. Tsia, tompoko, rahalahy! Ilay izy dia, miditra ao ambanin'ilay rà! Eny, tokoa.

Tsy hoe miresaka ny amin'Izany; midira ao amin'Izany!

256 Ny anankiray tamin'izy ireo manao hoe, "Fantatrao, Atoa. Goldberg, fantatro tokoa fa izany no Fahamarinana."

257 "Eny, rahalahy, mino aho fa izany no Fahamarinana. Fantatro fa izany no Fahamarinana."

"Atoa. Lavinski, ahoana ny hevitrao mikasika an'izany?"

258 "Izany mihitsy tokoa no Fahamarinana! Efa nahita an'ilay herin'i Jehovah Andriamanitra niteny aho. Efa nahita an'ireo sahona nivoaka teo amin'ilay firenena aho. Fantatro fa tsy nitranga izany raha tsy izy no niteny an'izany, ary fantatro fa Jehovah Andriamanitra izany." Ankehitriny, tsara daholo izany rehetra izany.

"Voafora ve ianao?"

"Eny, tompoko!"

"Mpino iray ve ianao?"

"Eny, tompoko!"

259 Ary avy eo rehefa nandre ny Pasitera Mosesy niteny izy, tamin'io andro io, hoy izy hoe, "Fa tsy maintsy miditra ao ambanin'io rà io ianareo, satria hoy Andriamanitra hoe, 'Ny rà no famantarana iray.' Famantarana iray izany! Tsy mampaninona na impiry ianareo no nino, na impiry ianareo no noforaina; izany dia fanekena iray nomen'Andriamanitra an'i Abrahama, sy ny sisa, izany ilay fanekena. Fa tsy maintsy miditra eo ambanin'ilay rà ianareo, izany dia famantarana iray, satria Izy no nanao hoe, 'Rehefa mahita ny rà Aho, dia handalo Aho.' Na Isiraelita, na tsy izy!"

260 Izany hoe anaram-piangonana na tsy anaram-piangonana, na anankiray, tsy maintsy miditra ao ambanin'ilay Rà ianareo. Metodista, Batista, Presbyterana, Pentekotista, tsy anaram-piangonana, na inona ianareo na inona, ho an'ny isam-batan'olona ilay izy. Tsy maintsy miditra ao ambanin'ilay Rà ianareo. Ankehitriny dia aza miresaka fotsiny ny amin'Izany; raiso Izany! Henoy aho! Henoy aho! Amin'ny Anaran'ny Tompo, henoy aho! Hitanareo? Tsy maintsy miditra ao ambanin'ilay Rà ianareo!

261 Tsy tompon'andraikitra ho an'ny olona izay tsy ao ambanin'ilay rà Izy. Andriamanitra dia nanao an'ilay izy mazava fa ny rehetra tsy ao ambanin'io rà io dia ho levona.

262 Afaka mampiasa ny Teniny ve aho? Izay rehetra any ivelan'i Kristy dia ho levona. Ahoana no hidiranareo ao amin'i Kristy? Korintiana Voalohany 12, "Tamin'ny Fanahy iray!"

263 Tsy hoe, "tamin'ny fandraisan-tànana iray, tamin'ny mahamambra iray, tamin'ny anaram-piangonana iray." Izany no anandraman'izy ireo hanaovana an'ilay izy. Mety manao an'izany izy ireo.

264 "Fa tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray." "Raha misy anjely avy any Andanitra mampianatra zavatra hafa," hoy i Paoly, "dia aoka izy ho voaozona." Izany ilay Hafatra, midira ao amin'i Kristy!

265 Jereo, ny olona rehetra any ivelan'ilay famantarana, dia tsy tompon'andraikitra Andriamanitra. Ary Andriamanitra tsy tompon'andraikitra amin'ny olona iray, kely na lehibe, malaza na tsy malaza, manan-karena na mahantra, andevo na afaka, lahy na vavy; tsy tompon'andraikitra ho an'ny olona izay tsy eo ambanin'ilay faneken'ny Famantarana Izy. Tsy tompon'andraikitra Izy.

266 Hoy ianareo hoe, “Fa, O Tompo, izaho efa nanao an’*ity*. Nandroaka devoly aho. Tompo, izaho nanao an’*ity*. Izaho—izaho nitory ny Filazantsara.”

267 “Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka. Tsy nahafantatra anareo mihitsy akory aza Aho.” Ilay Famantarana irery ihany no Fantany.

268 Henonareo ve Izany? Manaova hoe, “Amena.” [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena!”—Mpand.] Ankehitriny, dia eo aminareo izany. Izy . . .

269 Nipetraka tany anaty ala aho indray andro, ary nanontany tena ireo zazalahy, nanao hoe, “Roa andro izao, ianao dia tsy . . . ” Tsy nahatifitra vontsira iray akory aza aho. Hoy aho, “Inona ilay olana?” Hitanareo, izany ilay izy. Hitanareo?

270 Hoy Izy, “Apetraho eo amin’izy ireo izany, eo amin’izy ireo.” Hoy Izy, “Ianao dia efa niteny—niteny Tamiko ny amin’izany.” Hitanareo? Eo an-dohalikareo izany. Eo amin’ny anareo izany.

271 Tsy mahafantatra na inona na inona afa-tsy ilay Fanekena Izy, an’ny Fanahy Masina. Ary tsy afaka mandray an’ilay Fanekena ianareo raha tsy efa voavonjy ianareo, nohamasinina, ary avy eo dia vita batisa tao amin’ilay Vatana. Tsy hanaiky Izy.

272 Mety manana fakan-tahaka iray ianareo, mety mahatsapa ho tsara ianareo, ka mitsambikina *ambony-sy-ambany*, miteny amin’ny fiteny tsy fantatra, ary mandihy ao amin’ny Fanahy. Tsy misy idiran’izany amin’Io. Henoy Izany, amin’ny Anaran’ny Tompo! Tsy mahafantatra an’izany Andriamanitra. Ny mpanompo sampy no manao an’izany. Ireo mpamosavy no manao an’izany.

273 Hoy ianareo hoe, “Mahay iray aho. Izaho manao an’*ity*, *itsy*, na ny *hafa*.” Tsy Ahoany na mahay toy ahoana aza ianareo. Ny devoly dia mahay, ihany koa, hitanareo.

274 Izy dia mahafantatra fotsiny an’ilay—ilay Famantarana. Izany no Hafatry ny ora! Izany no Hafatr’izao andro izao! Izany no Hafatr’izao fotoana izao! Amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, raiso Izany!

275 Tsy mpi- . . . mpisolo iray, zavatra iray izay azon’ny devoly apetraka eo aminareo; tahaka ny fitiavana sandoka, manao lehilahy iray hitia vehivavy hafa iray ankoatry ny vadiny, na vady iray hafa ankoatrany, na zavatra iray amin’izay eto, zavatra mahafa-boninahitra. Tsy tena fitiavana izany. Ny devoly izany. Izany no asany. Izany dia zavatra iray izay ezahany hahazoana anareo, ho solony; fifaliana iray, misotro sy hahatsapa ho tsara amin’izany, manao hoe, “Tratry ny fahasorenana aho; hivoaka aho ary haka alikaola ampahefany iray ho ahy, dia hanadino ny amin’izany.” Fahahafatesana iray izany.

276 Andriamanitra no fifalianareo. Andriamanitra no herinareo. Mahafantatra ny Hafatra, mahafantatra ny Fahamarinana, izany

no fahampiantsika ankehitriny. Izy no fahampiako rehetra. Ao Aminy, ny zavatra rehetra izay ilaiko dia ao Aminy. Izany no herintsika. "Ny famonjena ahy dia avy amin'ny Tompo." Ianareo Kristiana, tadiavo Aminy ny fifalianareo, tadiavo Aminy ny herinareo, tadiavo Aminy ny fahasambaranareo. Izy no fiadanako. Izy no fifaliako. Izy no fitiavako. Izy no Fiainako. Izany no Fanekena iray, ny Famantarana eo amin'ny varavarana!

277 Tsy tompon'andraikitra amin'ny olona iray, olona iray, tsy mampaninona na iza ianareo, tsy tompon'andraikitra Izy, raha mivoaka avy ao ambanin'Izany.

278 Ary tsarovy, ny fianakaviana rehetra dia, nentina niaraka. Oh, oadray! Oh, tsarovy!

279 Hoy ianareo hoe, "Eny, mpitory teny ny dadako. Ny rahalahiko! Ny pasiterako! Ny. . . " Izany dia mety ho marina, ihany koa, saingy ahoana ny aminareo?

280 Tsarovy, rehefa voaseho ihany ilay famantarana vao voaaro! Raha ny olona iray no teto ambany *teto*, ka ny zanany eny ampitan'ny làlambe, dia tandindomin-doza izy. Ho levona izy. Ny dadany no ho voavonjy. Na, raha ilay zanany no *teto*, ka ny dadany ery, dia ny dadany no ho faty. Ny famantarana irery ihany! "Rehefa mahita ny rà Aho, dia handalo anareo Aho." Izany no zavatra tokana.

281 Hoy ianareo hoe, "Eny, mpitory teny ny zanako lahy." Ianareo reny manao hoe, "Nahazo ny zazalahy tsara indrindra aho, na ny zazavavy tsara indrindra. Lazaiko anareo, izy ireo dia zavatra mamy indrindra. Efa feno ny Fanahy Masina izy ireo, ary tena fitiavana! Mankatò izy ireo. Tsy mbola nahita tahaka an'izany aho!" Ahoana ny aminao, ry mama?

282 Hoy ianareo hoe, "Ny reniko no zavatra mamy indrindra. Fantatro, fa raha maty izy, dia ho any An-danitra izy, satria tena nahazo an'ilay Famantarana izy, Ranadahy Branham." Fa ahoana ny aminao, ranabavy? Ilay fianakaviana manontolo no tsy maintsy entina eo ambaniny.

283 Vizaka ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] Izaho dia. . .Amin'ny roa ambin'ny folo marina izao. . .Iray minitra fotsiny. Azoko tapahina ilay izy dia hanomboka indray rahariva. ["Tsia."] Fa raha ianareo—raha te-hiandry elaela kely fotsiny ianareo, dia hiezaka ny handeha haingana aho ankehitriny. ["Amena."] Hampiditra an'ity avy hatrany aho. Satria, heveriko, izao ankehitriny izao raha mbola eo ambanin'ny hosotr'izany ianareo, dia tsaratsara kokoa raha ho azonareo izao ankehitriny izao ilay izy. ["Amena."]

284 Rehefa ampiharina fotsiny ihany ilay Famantarana! Avy eo, ny fianakaviana manontolo no tsy maintsy eo ambanin'ilay Famantarana, Rà. Papa sy mama, fantatro izay tsapanareo. Izaho dia manana zanaka, ihany koa, mila mahita azy ireo voavonjy aho. Miresaka amin'ny tenako aho androany. Hitanareo?

Manana rahalahy aho. Manana anabavy aho. Manana olon-tiana aho. Izaho—izaho dia te-hahita azy ireo voavonjy, ihany koa. Fa, tsarovy, raha tsy misy ny fanehoana an'ilay Famantarana, dia ho levona izy ireo. Tsy misy fitsanganana intsony ho azy ireo. Marina izany. Lasa izy ireo. Rehefa voaseho ihany ilay Famantarana!

285 Jereo, Josoa, maniry aho ny hananantsika fotoana hamakiana an'izany. Raiso naoty izany, Josoa ny toko faha-2; ilay Jentilisa mpijangajanga izay nino, Rahaba.

286 Oh, maniry fotsiny aho mba ho amin'ny sivy marina izao. Ho tiako—ho tiako ny handray an'izany ka haneho fotsiny aminareo hoe ahoana izany teo, hitanareo. [Hoy ny fiangonana hoe, "Alaivo ilay fotoana."—Mpand.]

287 Io mpijangajanga io, Jentilisa, diniho, ny fianakaviany rehetra. Mpino iray izy. Ary ny fianakaviany rehetra dia tsy maintsy nipetraka teo ambanin'ilay tady jaky, ilay famantarana. Tsy maintsy nandeha teo ambanin'izany izy ireo, fa ho levona izy ireo. Efa nandre ny amin'ny fahatezeran'Andriamanitra izy ireo. Efa nandre ny amin'ny fanehoana an'ireo famantarana sy fahagagan'Andriamanitra teo anivon'ny Olony izy ireo, ary tsy maintsy nandray an'izany izy ireo. Tsy maintsy nandray an'izany izy. Andriamanitra, anjely mpandrava, no ho tonga. Fantatr'izy ireo izany. Ary Josoa izany anjely izany. Nilahatra izy ireo.

288 Ary toy izany koa ny firenena tsirairay, eto amin'izao tontolo izao, eo amin'ny laharan'ny Fitsaran'Andriamanitra!

289 Ity mpijangajanga kely, antitra ity, dia efa nandre izy. Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana! Hoy izy hoe, "Ny firenena rehetra dia mikorontana noho ny aminareo." Marina izany.

290 Ankehitriny, ireo mpisafo tany izay nalefa tany mba hanao ny fandaminana, sy ny sisa, dia nanaja an'ireo lehilahy ireo izy. Ary, izy, izy dia naniry ny ho vonjena. Hoy izy hoe, "Fantatro fa ny Andriamanitrareo no Andriamanitra, ary efa nandre an'ireo zavatra lehibe izay Nataony aho. Fantatro izay Nataony tao Oga, ary fantatro izay Nataony tamin'ireo firenena samihafa. Ary hitako fa ireo izay nanaiky Azy dia voavonjy, ary ireo izay tsy nanaiky Azy dia rava. Ary te-ho velona aho," hoy izy. Oh, oadray! Eo ianareo izao. "Te-ho velona aho." Satria izy ireo fotsiny . . .

291 Mariho, Jeriko dia efa nandre an'izay nataon'Andriamanitra, saingy tsy te-handray an'ilay fampitandremana izy ireo.

292 Ary tsy misy anaram-piangonana eto amin'ity firenena ity, ny manodidina, ka tsy nandre an'izay ataon'Andriamanitra. Tsy te-handray an'ilay fampitandremana izy ireo.

293 Efa naseho ireo Heriny lehibe sy famantarana. Inona no Nataony, niampita avy hatrany teo amin'ilay Ranomasina Maty

Izy, toy ny teo amin'ny tany maina izany. Izy no nanao, Izy no namorona ny zavatra, sy nanao sahona, sy hao, ary lalitra mba ho tonga teny amin'ny habakabaka; namorona azy ireny tamin'ny Teniny, tamin'ny alàlan'ny Mpaminaniny. Tsy niafina izany. Fantatr'izy ireo izany.

294 Ary hoy Rahaba hoe, "Efa reko izany. Tsy te-ho levona miaraka amin'ireo tsy mpino ireo aho. Tsia, tompoko!" Fantany fa ny fitsarana no tsy maintsy nanaraka an'izany, satria efa tena nilahatra izy ireo. Fantany izany. Noho izany, dia nanao làlana ho azy izy ireo mba ho afaka amin'izany.

295 Tsy maintsy nino izy ireo fa ilay anaram-piangonany lehibe an'i Jeriko dia afaka hahatohitra an'ilay fahatezeran'Andriamanitra, hitanareo, ilay anaram-piangonany lehibe.

296 Izany no heverin'ny maro amin'izy ireo amin'izao andro izao. "Oh, azo antoka fa tsy hanao an'izany Andriamanitra." Izany no nolazain'i Satana tamin'i Eva. "Oh, azo antoka fa tsy hanao Andriamanitra." Hanao Izy, satria Izy no nilaza fa Hanao Izy, hitanareo, ary izany no Teniny. Eny, tompoko.

297 "Raha tsy ateraka ny olona!" "Ary izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay nateraka!" Hitanareo? "Izao no hahafantaran'ny olona rehetra fa Mpianatro ianareo," sy ny sisa, hitanareo. Eny àry, te-hanao an'izany izy ireo. Oh!

298 Inona no nitranga? Ankehitriny dia nampanginina izy ireo. "Tsy hisy fifohazana hitranga eto. Ny anaram-piangonanay tsy hanohana ny toy izany. Tsy hanana an'izany karazana hadalana izany izahay eo anivonay. Raràko ny tsirairay avy aminareo tsy handeha ho any amin'izany fivoriana izany." Hah! Jeriko, eo amin'ny laharan'ny voaozona mihitsy!

299 Fa tsy maintsy nisy zazalahy niaraka tamin'ny horonam-peo tafatsofoka tany ho any, ho an'ilay voa voafidy mialoha. Tafatsofoka tao amin'ny tranony izy ireo ary nandefa horonam-peo vitsivitsy. Izy dia nanao ny—ny tranony ho fiangonana iray, mba handray ny hafatra.

300 Mbola manana an'izany izy ireo, fantatrareo. Tonga tany amin'ilay Voa voafidy mialoha ilay Hafatra, na izany aza. Tsy fantatsika hoe ahoana no Nahatongavany tao, fa tonga tao Izany, mba tsy hahalevona ny Marina miaraka amin'ny tsy marina. Mijery an'izany Andriamanitra, androany. Hia, làlana iray Hitsofohany. Tsy fantatsika hoe ahoana. Na dia tsy hanohana an'Izany aza izy ireo, fa misy Voa iray any izay voafidy mialoha.

301 Ny olona iray izay tsy mahafantatra na inona na inona momba ny Baiboly, dia mahafantatra fa io mpijangajanga io dia voafidy mialoha. Azo antoka fa izany izy! Izy tsy . . . Hoy ny Baiboly hoe, "Tsy levona niaraka tamin'ireo izay tsy nino izy." Marina izany. Fa nino an'ilay hafatry ny ora izy.

302 Ary Andriamanitra no nanome azy famantarana iray, tamin'ny alàlan'ireo Irany. Hoy izy ireo, "Makà tady jaky, mena iray ary afatory izany eo amin'ny . . . " Hoy izy ireo, "Tsarovy, fa raha tsy afatotrao eo io tady io, na tsy apetrakao eo izany, izay nandosiranay, dia tsy tompon'andraikitra amin'ny fiaininanay izahay." Ary hoy izy ireo, "Raha tsy eo ambanin'izany ianao, dia tsy tompon'andraikitra izahay." Oh, oadray! "Rahaba, ny voa voafidy mialoha tsirairay ato, mandehana mivoaka ka tadiavo izy ireny. Alaivo ny dadanao, ny reninao! Satria, vao avy nivoaka izahay, teo ambanin'ilay fanaovam-panavotana, tany Egypta, ary ny zavatra rehetra izay tsy nataonay teo ambanin'io famantarana io dia levona. Rahaba, hanome anao famantarana iray aho. Famantarana iray izany. Ary izaho dia milaza, amin'ny Anaran'ny Tompo, mba hilazana, raha apetakao izany! Fantatro tsara ny amin'izany, ny amin'ilay iraka. Fantatro tsara ilay anjelin'ny fahatezerana, Josoa. Izy no iraka mpandravan'Andriamanitra. Fantatro tsara izy, ary fantany fa tokony hisy mari-pamantarana iray. Ary ahantòny eo izany, fa izaho no hiantoka anao. Mianiana aho." Ary Andriamanitra dia nianiana, ihany koa, fa izay tsy eo ambanin'izany dia ho levona, ary izay eo ambanin'izany dia ho velona.

303 Ary ankehitriny, izany fiainana izany ihany no misy androany, zavatra mitovy, hitanareo, "Tsy hamela anareo ho levona miaraka amin'ireo izay tsy mino ny Hafatra Aho." Ary izy ireo . . .

304 Efa nandre an'ireo asa izay efa natao izy, ary nino an'izany izy. Fa, saiky, izy dia . . . Izy sy ny rainy, sy ny sasany tamin'ireo anadahiny, na tahaka an'izany, no hany nino an'izany, tao amin'ilay tanàna manontolo.

305 Hitanareo ve hoe vitsy toy ny ahoana ilay izy? Anankiray fotsiny *eto* sy *etsy*, fianakaviana kely iray no hivoaka avy ao amin'ny fanjakana iray. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Marina tokoa ankehitriny, miresaka an'ireo zava-misy isika eto. Isika dia . . . Raha hahita ianareo hoe inona ilay tandindona mialoha, dia tsy maintsy mahita an'ilay tandindona aloha ianareo. Tsy maintsy mahita ianareo hoe inona ilay aloka, avy eo dia fantatrareo fa hitovy amin'izany ilay tena zavatra. Hitanareo?

306 Voaseho ny Heriny. Eo amin'ny filaharana ny fitsarana. Tsy maintsy mino izy ireo, mba ho voavonjy. Eny, tompoko. Ary ireo kely . . .

307 Niditra tao ireo olona ireo, ireo iraka ireo, ary—ary nahazo an'ilay voa voafidy mialoha izay nino. Nampiasainy ho fiangonana ny tranony, mba handraisana an'ireo iraka ireo. Tsy navelan'izy ireo hiditra ny fiangonana izy ireo. Tsia, tompoko. Hitanareo? Noho izany izy . . .

308 Izy ireo dia tsy hamela anareo, koa. Roahiny ianareo raha milaza zavatra mikasika an'Izany ianareo. Hia. Hitanareo?

Nentin'izy ireo izay rehetra tao an-tanànany, izay nety nino, ho eo ambanin'ilay famantarana.

309 Izany tanteraka tokoa no tsara hataontsika amin'izao andro izao. Raha tianareo ho voavonjy ny olon-tiana iray, dia tsara ho anareo ny mampiditra azy ireny izao ankehitriny izao. Hitanareo?

310 Rehefa nandrava an'io tanàna lehibe io ny fahatezeran'Andriamanitra, dia ilay mari-pamantarana no nihazona ny tranony ho voaaro. Amena. Inona? Ilay marika no teo amin'ny famantarany...Na, ilay famantarana no teo amin'ny tranony, fa ny sisa tamin'ilay tanàna kosa dia nirodana tamin'ny tany. Inona izany? Inona izany? Josoa, ilay irak'Andriamanitra! Andriamanitra Izy tenany no nanaiky ny hafatr'ilay Irany. Amena! Izany no nanaporofo an'ilay izy. Izany no nanaporofo an'ilay izy. Nanaiky ny hafatra izy ireo. Nanaiky ny hafatr'ilay Irany Izy. Ary rehefa nirodana ny sisa tamin'ilay tanàna, dia nijoro teo ilay famantarana jaky an-dRahaba teo ambonin'ilay varavarana, fa ny sisa tamin'izy ireo dia lasa.

311 Tamin'izay fotoana izay, dia nandroso avy hatrany ireo anjelin'ny fandravana ary nandrava ny zavatra rehetra izay tao amin'ilay tanàna, tsy nisy na singan'entana iray aza tavela. Raha nisy anankiray naka singan'entana iray, dia tsy maintsy levona niaraka tamin'izany, avy tao amin'io anaram-piangonana io. Nalainy ny zavatra manontolo ary noravany izany! "Voaozona ny olona izay manandrana manorina azy. Ny matoany no ho faty vantany vao manomboka izy," sy ny sisa. Tahaka an'izany no nanozonan'Andriamanitra azy, ilay zavatra lehibe izay nandà ny fah-. . . ny hafatry ny fahasoavana sy famindram-po, nihevitra fa voaaro tokoa izy ireo.

312 Olona maro no mihevitra, amin'izao andro izao hoe, "Satria mikambana amin'ny fiangonana aho, dia voaaro tokoa aho." Aza mino ny hadalana tahaka an'izany ianareo.

313 Rehefa, "Ny rà no ho famantarana ho anareo." Ny Fanahy ankehitriny no Famantarana ho anareo, ny Aina izay tao anatin'ilay Rà.

314 Mitovy, ndao isika hieritreritra an'izany, ilay famantarana iray ihany izay nampiasain'izy ireo tany Egypta, ilay famantaran'aina iray ihany izay tao amin'ilay Egypta, tao amin'ilay Egypta, izany marika izany ihany no nampiasain'Andriamanitra teo. Josoa, tandindona iray tanteraka an'i Jesosy, dia nahatoky tamin'ilay mari-pamantarana izay notorian'ireo irany. Josoa, rehefa niteny an'izany izy, dia hoy izy hoe, "Aza mikasika an'io trano io na izay rehetra ao anatiny. Voatokana ho an'ny Tompo izy." Amena!

315 Jentilisa iray, mpijangajanga iray, mpandeha eny andàlambe, saingy nandre izy dia nino, ary nampihariny ilay famantarana.

316 Tsy mampaninona na toy ny ahoana no nijanonanareo tao anatin'ny ota, izay efa vitanareo, tsy misy idiran'izany amin'io. Ampiharo ilay Famantarana. Ho anareo Izany. Raha tsapanareo fa misy zavatra misintona ao am-ponareo, dia ho anareo Izany. Ampiharo ilay Famantarana. Ary ilay lehibe Joso- . . .

317 Ny teny hoe *Josoa* dia midika hoe "Jehovah-mpamonjy." Toy izany koa ny hoe *Jesosy*, dia midika hoe ny "Mpamonjy." Ary, Josoa, rehefa fantany fa ireo irany . . .

318 Niverina ireo irany, ka nanao hoe, "Efa nankatò ny baikonao aho. Ary misy vehivavy iray ao izay hitanay, rehefa nandefa an'ireo horonam-peo izahay, fantatrareo. Nahita vehivavy iray izay nino izahay. Ary nilazanay izy, fa ny rehetra izay ho tonga eo ambanin'io marika mena eo io, ilay famantarana, dia hisy dikany izany. Ankehitriny efa nitory an'izany aho. Hanaja an'izany ve ianao, ry Josoa?"

"Izaho no naniraka anao hanao an'izany." Amena.

319 Ary tamin'izay fotoana izay rehefa, izany, nohajain'Andriamanitra izany, tsy nirodana mihitsy ilay trano. Ary tamin'izay fotoana izay rehefa nitsangana teo i Josoa ka nanome ny baiko handravana ny zavatra manontolo, dia niakatra avy hatrany, ary nipetraka tsara teo i Rahaba sy ny havany, ary ireo fananany rehetra, amena, amena, ny fananany rehetra dia tao an-trano, voaaro. Nijoro teo izy ireo, ary tsy nila nijery teny amin'ny varavarankely. Afaka namaky ny Soratra izy ireo raha mbola nitohy ny ady.

320 Niverina avy hatrany izy ary voafofo ho vady, voafofo ho vadin'ilay jeneralin'ny tafika, ary nakarina, ka tonga tany Betlehema, ary ny anjarany dia nomen'izy ireo tany. Ary izy dia niteraka ny . . . niteraka zanakalahy iray malaza izy, ary izany zanakalahy malaza izany niteraka zanakalahy hafa iray malaza, ary izany zanakalahy izany niteraka zanakalahy iray hafa malaza, mandra-pahatongan'ilay Zanakalahy lehibe, malaza. Tany aoriana tany, ary nandalo tamin'i Obeda, dia nandalo tamin'i Jese, ary nidina hatrany amin'i Davida. Marina izany, Rahaba mpijangajanga, satria nino ny iraka izy. Nampihatra an'ilay famantarana izy, ary voavonjy ny tranony, raha tsy izany dia ho levona tao amin'izay nisy azy izy.

321 Henoy tsara ankehitriny. Oh, hono ho'aho, manaiky an'izany ve ianareo? Ny rehetra tao ambanin'izany dia voavonjy tao Egypta. Ny rehetra tao ambanin'izany dia voavonjy tao Jeriko. Ny rehetra ao ambanin'Izany dia ho voavonjy amin'izao andro izao. Ilay fato-drà, ràn'ny zanak'ondry, dia tandindon'i Jesosy Kristy.

322 Ao amin'ny Hebreo 13:10 sy 20. Tsy manana fotoana hamakiana azy aho. Raiso naoty izany. Saiky ho vakiako ilay izy. Izany dia nantsoina hoe "ilay fanekena maharitra." Ny Ràn'i Jesosy Kristy dia nantsoina hoe "ilay fanekena maharitra." Eny, tompoko! "Fanekena maharitra."

323 Nahoana ilay izy no tsy nantsoina hoe "fanekena Mandrakizay"? Satria tsy ho Mandrakizay izany. Rehefa navotana isika, dia tapitra ny rehetra amin'izay fotoana izay. Izany dia *maharitra* iray, izay midika hoe, "fotoana maromaro," hatramin'ny tsy hisian'ny fotoana intsony. Tsy hisy anankiray hafa intsony. Rehefa tapitra ny fotoana, dia tsy hila fanekena intsony isika. Fa mandra-pahatapitry ny fotoana, dia mila an'ilay fanekena isika.

324 Ankehitriny, tsarovy, Hebreo 13:10-20, ny "fanekena maharitra." Ny teny fikasan'ny fato-dRàn'Andriamanitra no manafaka antsika amin'ny ota. Amena! Tsy misy ota ao Aminy; ny ota, ny izaho, ny nofo.

325 Manompoa Azy ary asehoy ny Heriny nampanantenaina! Fato-dràn'Andriamanitra, fato-pamantarana, ireo olon'ny fanekena dia manana ny Fanahin'i Jesosy Kristy ato anatiny ato, ka, "Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko, no hataony koa," maneho an'ilay fanekena. Hitanareo?

326 Testamenta Vaovao! Ny *Testamenta* dia midika hoe "fanekena." Marina izany, sa tsy izany, Dokotera Vayle? Ny *Testamenta* dia midika hoe "fanekena." *Ny Testamenta Vaovao* dia midika hoe "ny fanekena vaovao." Ny Testamenta Taloha dia ilay fahiny, teo ambanin'ilay zanak'ondry, ka ny aina dia tsy afaka niverina teo amin'ilay mpino. Ny Testamenta Vaovao dia ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra, ary ny Ainy dia miverina eo amintsika. Ny Rà dia Aina! Hitanareo? Ny Rà dia Aina ao amin'ny Testamenta Vaovao, hitanareo, ny Aina dia avy tao amin'ilay Ràn'ny Zanak'ondry, izay midika hoe ny Testamenta Vaovao, fanekena vaovao.

327 Ka, Andriamanitra, "Rehefa afaka izany andro izany dia Hosoratako eo amin'ny vato fisaka nofon'ny fon'izy ireo ny Lalàko." Hitanareo? Hitanareo? "Tsy eo amin'ny vato fisaka vita amin'ny vato, sy ràn-janak'ondry iray, izay tsy maintsy nilazanareo hoe, 'Hia, izaho—izaho manana ny rà *eto*, ankehitriny dia inona no lazain'izany?' Fa eo amin'ny vato fisaky ny fonareo, hitanareo, ilay faneken'ny Fanahy izay Hataoko miaraka amin'ny olona."

328 Ary Izany no maneho ny Heriny. Jaona 14:12, manao hoe, "Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa."

329 *Ny Testamenta Vaovao* dia "fanekena vaovao," Aina vaovao, izay maneho fa Jesosy no nanatanteraka ny fitakiana tsirairay ho antsika izay notakian'Andriamanitra, mba hamerina antsika,

marina tokoa, ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra, eo ambanin'ilay Rà, izay tsy misy fanamelohana intsony.

330 Romana 8:1, "Koa dia tsy misy fanamelohana intsony ho an'ireo izay ao amin'i," tsy hoe ireo izay *mino* an'Izany, "ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy, dia izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy. Fa ny Teniko dia Fanahy sy Aina." Hitanareo? Oh, tsy afaka maka lohahevitra iray avy amin'izany ve aho ka hijanona eo amin'ny ora maromaro amboniny. Fa handeha haingana eo amin'izany isika, hitanareo.

331 Tsy misy fanamelohana intsony; afaka tamin'ny ota, afaka tamin'ny fiahiana an'izao tontolo izao, tsy misy fanamelohana. Nahoana? "Ho an'ireo izay efa natao, tamin'ny Fanahy iray, batisa tao amin'ny Vatana iray." Teo no efa nampiharina ilay Ràn'ny Zanak'ondry. Efa nanaiky anareo ilay Andriamanitry ny Lanitra, ary ny . . . Ny Ainy no ao anatinareo, ary ianareo dia zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra.

332 Ny toetranareo dia toetran'Andriamanitra. Inona izany, mpihilangilana kely iray? Tsia, tompoko! Andriamanitra dia Andriamanitry ny fitsarana. Andriamanitry ny fanitsiana Izy. Tsy maintsy ao amin'ny laharana ilay izy. Tsy misy na inona na inona hafa hanao. Izany no karazan-toetra izay maha-izy anareo, satria ianareo dia toetran'ny Rainareo. Hitanareo?

333 Inona? Ilay aina, diniho rehefa (izany) nesorina ilay aina, ho an'ilay rà. Hitanareo? Ilay aina izy tenany no nesorina. Hitanareo? Ilay aina, nilaina izany, ho an'ilay rà. Hitanareo? Nampiharina ilay rà, ary tsy afaka niverina teo amin'ny mpino ilay aina tamin'izany fotoana izany, satria aim-biby iray. Tsy aina . . .

334 Fa, hitanareo, raha tokony ho olombelona iray, ilay izy dia ambony, ambony, ambonin'ny Olombelona. Hitanareo? Ary izany dia manao ny olombelona ankehitriny tsy ho olombelona iray fotsiny ihany, fa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra izy, avy amin'ilay Aina ambony, ambony, ambony, ambony, ambony izay tao Aminy, miverina indray eo aminareo; ary manova anareo avy amin'ny mpanota iray, sy ireo zavatr'izao tontolo izao, mambram-piangonana iray, ary mpikamban'anaram-piangonana iray, ho Kristiana iray nateraka indray, feno ny Fanahy; ilay Ain'Andriamanitra no miboiboika avy ao aminareo, tahaka ny pitik'afo avy amin'ny fikapoham-by iray, raha mamindra ianareo, feno hery, sy fitiavana, sy fahamoram-panahy, ary rehefa ny Fanahy Masina no mihetsika, miteny. Oh, oadray! Eo ianareo izao. Ary miaraka amin'ny (ny inona?) fandrenesana ny Hafatra, mandinika an'ilay Andry Afo, sy ilay fiantohana voatahy hoe, "Efa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana aho." Mariho, arak'izany, tsy misy fanamelohana intsony mihitsy.

335 "Raha tsy manameloka antsika ny fontsika, dia azontsika ny fangatahantsika, hitanareo, mahafantatra isika." Fa raha ny ota no ao am-pontsika, dia izany no manameloka antsika, isika—isika dia tsara raha tsy manomboka akory mihitsy aza. Hitanareo? Tsy maintsy afaka amin'ny ota ianareo. Ary ny fomba tokana hahafahanareo ho afaka amin'ny ota dia ny miditra ao Aminy. Izany no fanaronana tokana izay misy ho an'ny ota, dia Kristy.

336 Tsarovy, ilay Ràn'ny fanekena, ilay Ràn'ny fanekena dia tsy ekena raha tsy misy ny Famantarana. Tsy vitanareo. Tsy ho vitanareo. Hoy ianareo hoe, "Eny, izaho—izaho efa nohamasinina niala tamin'ireo zavatra ireo." Tsy izany ilay Famantarana. Izany dia ny Fanahy, izany no Famantarana, ny Fanahin'i Kristy eo aminareo. Minoa an'izany!

337 Ankehitriny, jereo, ny Teny no manome antoka antsika ny amin'ny fampanantenana. Ireto rehetra ireto dia lohahevitra izay nosoratako eto. Manohy mitory fotsiny indray andro manontolo, tahaka an'izany, hitanareo, eo amin'izany. Hitanareo? Ny Teny no manome antoka antsika ny amin'ny fampanantenana, satria Izy no fampanantenana. Ny Teny no Fampanantenana, ary ny Teny dia ilay Andriamanitra, ary ny Teny dia—dia antsika. Ary lasa Teny isika, ary ny Teny lasa isika. "Ary raha mitoetra ato Amiko ianareo, ary ny Teniko ao aminareo," noho izany, hitanareo, lasa ankohonana goavana be anankiray mihitsy ilay izy. Hitanareo? Izany no manome antoka antsika. Satria nahoana? Eny, ampahantsika izany. Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo, lasa ampahantsika Izany. Lohahevitra iray toy ny inona! Eny àry. Manome antoka antsika, ilay fampanantenana.

338 Ilay Famantarana no marika fa efa vita ny fividianana ary efa nekena. Ankehitriny, tsy afaka mahazo an'ilay famantarana avy ao amin'ny saran-dalan'ilay fiaran-dalamby ianareo raha tsy efa aloanareo ilay vidiny; ary ny fomba tokana handoavanareo ny vidiny dia ny mandoa an'ilay izy. Marina izany. Inona? Minoa an'Izany. Ekeo Izany. Ny fankatoavana feno ny Tenin'Andriamanitra manontolo no hanome alàlana anareo amin'ilay Famantarana. Fankatoavana feno! Tsy hoe ny ampahan'Izany arak'izay azon'ny anaram-piangonanareo haleha, fa ny rehetra amin'Izany. Ny fankatoavana feno ny Teny, izay Kristy, no mampiditra anareo ao amin'i Kristy.

339 Ankehitriny dia ahoana moa raha ao anatiny tanteraka ianareo, nefa ny tongotrareo mihantona any ivelany? Ahoana moa raha ao anatiny tanteraka ianareo, miaraka amin'ny tànanareo mihantona any ivelany? Saiky ny amintsika rehetra dia ao anatiny, fa ny fontsika mihantona any ivelany? Hitanareo? Hitanareo? Ilay fo dia mbola any amin'izao tontolo izao? Hitanareo? Fa tsy hanao an'izany isika.

340 Feno, fankatoavana manontolo no manao anareo sy ny Teny ho Iray. Mino an'Izany ianareo, ny kely indrindra. Ary ny rehetra amin'Izany dia ao anatinareo, ary ianareo mijery an'Izany miasa amin'ny alàlanareo.

341 Tsy mandeha miaraka amin'ny andiana fahadalana iray ianareo. Hitanareo? Kristiana iray ianareo. Tsy mampaninona izay lazain'ny olon-kafa, tsy hikasika anareo mihitsy izy ireo. Ao amin'i Kristy ianareo. Voaaro arak'izay azonareo atao ianareo.

342 Rehefa mandondona eo am-baravarana ny fahafatesana, dia tsy manan-kery izy, hitanareo, intsony mihitsy. Nahoana? Izany dia fialana fotsiny avy *eto* miditra Ao.

343 Tsy midika na inona na inona ny taona. Afaka tamin'ny taona ianareo. Ao amin'ny Mandrakizay ianareo, satria ao Aminy ianareo. Mandrakizay Izy. Tsy midika na inona na inona izany, na tanora ianareo, antitra, taona antenantenany, na inona ianareo na inona. Tsara tarehy, ratsy tarehy, fohy, matavy, inona, tsy misy dikany izany. Tsy misy izany.

344 Tsy mandeha mihodinkodina ianareo, sy ireo zavatra hafa rehetra ireo. Ianareo, efa nihoaranareo izany. Maty ianareo. Ny fiainanareo dia miafina ao amin'Andriamanitra amin'ny alàlan'i Kristy. Voaisy tombokase ao ianareo amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, mamindra ao amin'i Kristy. Ny zavatra tokana hitanareo dia Kristy. Izay ihany. Izany ilay Tokana, izay andehananareo. Oh, oadray! Tsy mahagaga isika raha zatra nihira an'ilay hira kely!

> Fenoy fitiavana isan'andro ny làlako,
> Raha mandeha miaraka amin'ilay Voromailalandanitra aho;
> Aoka aho handeha hatrany foana, miaraka amin'ny hira iray sy tsiky iray,
> Fenoy ny . . .

345 Aoka aho ho rahalahy iray. Aoka aho hiaina ny ohatra izay nolazain'i Kristy fa tokony haha-izy ny lehilahy iray. Aoka aho ho rahalahy iray ho an'ny rahalahy, anadahy iray ho an'ny anabavy iray. Aoka aho ho—ho mpitoriteny iray ho an'ireo mpitoriteny. Aoka aho ho ohatra iray amin'ireo ohatra. Aoka aho haneho amin'izao tontolo izao fa ity Teny ity dia Kristy. Ny fomba tokana hahafahako manao an'izany dia ny miditra ao Aminy. Satria, tsy vitako irery izany, tsy vitanareo izany. Fa aoka ny Teny sy ianareo ho lasa Iray, amin'izay fotoana izay dia Izy no mamoaka ny Tenany. Ianareo dia epistilin'i Jesosy Kristy mandehandeha, rehefa Izy no manana ny fifehezana manontolo, fifehezana anareo, mba hanao ny Teny tsirairay.

346 Raha tonga amin'*ity* làlana ity Izy, "Te-hanao an'Ity Aho," ka hoy ianareo hoe, "Tsia, tsia, tsy mino an'Izany aho," hitanareo, tsy mbola ao amin'ny Teny ianareo. Hitanareo?

347 Feno, ankehitriny diniho, tena feno, ankehitriny, ny fankatoavana tena feno ny Tenin'Andriamanitra manontolo no manome alàlana antsika amin'ilay Famantarana. Avy eo rehefa mandoa isika, mivavaka, dia tsy maintsy manana an'ilay Famantarana isika mba atolotra miaraka amin'ny fivavahantsika.

348 Raha hoy ianareo hoe, "Mivavaka aho, Tompo, saingy izaho dia tena tsy manana . . . " Eny, aza manao ianareo. Tsara mihitsy ny mijanona, hitanareo, mba . . . Mandehana, aloha, maka an'ilay Famantarana, hitanareo, satria io Famantarana io no ho Ekeny. Hitanareo? Eny, tompoko!

349 Rehefa mivavaka isika, dia tsy maintsy manolotra an'ilay Famantarana, "Tompo, efa nankatò Anao aho, feno. Efa nibebahako ny otako. Tsapako fa namela ahy Ianao. Efa natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho. Eto amiko ny Fanahy Masina. Ankehitriny dia mila zavatra anankiray aho ho an'ny Voninahitrao. Tompo, mangataka an'izany aho. Ahy izany ankehitriny." Amin'izay fotoana izay dia misy zavatra mamikitra *eto*, "fioo-fioo," anareo izany. Izay no izy. Amin'izay fotoana izay dia mifarana daholo ilay izy. Mifarana daholo ilay izy. Milamina ilay izy. "Mangataka an'*izao* aho. Mangataka an'izany aho. Tsy maintsy azoko izany. Hitanareo? Hitanareo? Izaho—izaho dia mila an'izany ho an'ny Voninahitrao." Hitanareo? Eny, izany ilay izy, amin'izay fotoana izay dia Omeny anareo fotsiny izany. Amin'izay fotoana izay dia fantatrareo fa anareo izany. Tahaka an'izany ilay izy, ny zanatsika, sy ny sisa, ampiharintsika ilay Rà, mino an'izany. Izay ihany. Eny àry.

350 Inona no Ataony avy eo? Rehefa manana ianareo, manolotra an'ilay Famantarana miaraka amin'ny vavakareo, dia Izany no maneho fa manatona amin'ny fankatoavana feno an'ilay Tenin'Andriamanitra manontolo ianareo. Rehefa manana an'ilay Famantarana ianareo, dia izany no maneho fa nankatò ny Teny tsirairay ianareo. Avy eo, ianareo sy ny Teny dia iray, mangataka an'ilay zavatra izay maha-izy anareo fotsiny ianareo. Hitanareo? Hitanareo? Amin'izay fotoana izay, nahoana, mahafantatra ianareo.

351 Raha miteny amin'*ity* aho hoe, "Ry tànana, mankatoava ahy ianao, takaro io mosara io!" Ataony izany. Hitanareo, nankatò ahy ny tànana. Nahoana? Ampahako izany. Hitanareo?

352 Noho izany rehefa lasa iray ianareo sy ny Teny, ny teny fikasana tsirairay, voninahitra ho an'Andriamanitra, ny teny fikasana tsirairay dia anareo. Mankatò anareo izany. Amin'izay fotoana izay ianareo dia mila mitandrina an'izay tianareo atao. Tsy hametraka ny tànanareo ao anatin'ny afo ianareo, mba hitenenana fotsiny hoe, "Jereo aho manao an'ilay izy." Oh, tsia, tsia! Hitanareo? Fa raha misy zavatra ao anatin'ilay afo, izay tsy

maintsy takariko, dia hankatò ahy izy. Hitanareo? Hitanareo? Marina izany. Hitanareo, mila mitandrina an'izay ataonareo ianareo.

353 Izany no antony nizarana ny Fanahy Masina ampitandremana, sy ny sisa, fantatrareo izay tiako ho lazaina, satria ny sasany...Ianareo dia tsy tia ny...Ny tena mpanompon'Andriamanitra marina dia tsy manao an'Izany ho fampisehoana, hitanareo. Izay ilay izy. Izany no atao hoe manao fampisehoana iray.

354 Rehefa mivavaka isika, dia manolotra an'ilay Famantarana isika. Izany no maneho fa nankatò feno isika.

355 Paoly no miteny amintsika, fa, "Miteny ny Rà." Fa, ny olona rehetra dia mahafantatra fa ny rà dia, tokoa, ny tenany, dia tsy mahay miteny. Singa simika iray izy. Marina ve izany? Firy no mahafantatra an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Fa firy kosa no mahafantatra fa miteny ny rà? ["Amena."] Raha tianareo ho raisina naoty izany, Genesisy 4:10. Hoy Andriamanitra hoe, "Ahoana ny amin'ny rahalahinao?" Hoy Izy, "Ny ràny dia miantsoantso avy any amin'ny tany, manohitra anao." Amena! Marina ve izany? Miteny ny ràny. Haleloia! Hoy Andriamanitra hoe, "Ahoana ny aminy?"

Hoy izy hoe, "Izaho angaha mpitahiry ny rahalahiko?"

356 Hoy Izy, "Ny ràny dia miantsoantso. Ny ràny dia miantsoantso." Famantarana iray izany. Famantarana iray izany, hoe efa novonoina izy. Ny ràny dia niantsoantso nanohitra azy.

357 Ankehitriny, raha hitanareo izany ao amin'ny Genesisy 4:10, avy eo ao amin'ny Hebreo 12:24, manomboha mamaky. Ao amin'ny Hebreo 10, 12:4. Manao hoe, "Ny Ràn'i Jesosy Kristy dia miteny zavatra tsara lavitra noho ny an'i Abela."

358 Hitanareo, Abela, lehilahy marina iray izy. Maty izy. Maty izy, tsy nanan-tsiny, satria teo amin'ilay Làlana izy. Teo amin'ilay Làlana izy, nanohana an'ilay tena fanambarana izay azony. Niteny izy. Niantsoantso izy! Ny rà marin'i Abela dia niantsoantso nanohitra an'i Kaina.

359 Fa ny Ràn'i Jesosy Kristy, dia tsy niantsoantso fotsiny, fa nanavotra Izany. Amena! "Miteny zavatra tsara lavitra Izany." Izany no manao anareo ho zanakalahy sy zanakavavy. Izany no manafina anareo hiala amin'ilay fahatezeran'Andriamanitra. Hitanareo? Ilay ràn'i Abela dia tsy afaka nanafina an'i Kaina, hitanareo, fa ny Ràn'i Jesosy dia afaka. Amena!

360 Noho izany, ry Kaina fahiny, mivoaha androany, raha efa mpanenjika iray nanohitra ny Teny ianareo, ka manao hoe, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Io Zavatra rehetra io dia hadalana, sy ny sisa."

361 Miantsoantso izany, hitanareo. Ny Ràn'i Jesosy Kristy dia miantsoantso, saingy misy famelàna ao anatin'Izany raha hanaiky Azy fotsiny ianareo. Maniry aho ny mba hahafahantsika mijanona vetivety kely eo amin'izany, hitanareo, "Miteny zavatra tsara lavitra ny Rà."

362 Minoa, ho an'ny fiarovana. Avy eo ampiharo, hitanareo. Minoa ho an'ny. . . Io no ilaina hinoanareo. Hitanareo, mila ny fiarovanareo manokana ianareo. Minoa ho an'ny fiarovanareo manokana, ary avy eo dia ampiharo ho an'ny fianakaviana manontolo ilay Famantarana. Hitanareo? Hoy ianareo hoe, "Ahoana no ahafahako manao an'izany?" Takio Izany! Raha nety taminareo Izany, dia lasa iray ianareo sy ny Teny. Amena! Amena! Hitanareo? Hitanareo, hiasa ho anareo roa Izany. Ianareo sy ny Teny dia iray, avy eo dia ampiharo amin'ireo zanakareo Izany, ampiharo amin'ireo olon-tianareo Izany.

363 Tahaka ny nataon-dRahaba, nampihariny tamin'ny rainy ilay famantarana, nampihariny tamin'ny reniny izany, nampihariny tamin'ny anadahiny sy ny rahavaviny izany, ary nampiditra azy rehetra.

364 Ampiharo Izany, manaova hoe, "Tompo, handeha haka ny zanako lahy aho. Handeha haka ny zanako vavy aho. Takiako izy! 'Satana, avelao izy ho afaka!' Tonga aho haka azy. Ampihariko ny Famantarako, ny Fanahy Masina. O Fanahy Masina, izay mitoetra ato anatiko, raiso ny zanako vavy any. Handeha ho any aminy aho ankehitriny, miaraka amin'ny Hosotrao eo amiko." Hataony izany. Amena.

365 Izany no nataon'izy ireo tany Egypta. Izany no nataon'izy ireo tany Jeriko.

366 Raha tianareo ny hamaky anankiray hafa, Asa 16:31. Niteny tamin'ilay mpifehy zato i Paoly hoe, "Minoa! Izaho no iraky ny ora. Minoa an'i Jesosy Kristy Tompo, dia ho vonjena ianao sy ny ankohonanao." Marina ve izany? Minoa ho an'ny ankohonanareo, ento ho eo ambany izy rehetra. "Ankehitriny efa hitanao ilay Andriamanitry ny Lanitra nanao fahagagana. Mialohan'ny fitsarana izany. Mino an'izany ve ianao?"

"Eny! Inona no azoko atao?"

367 Hoy izy hoe, "Mitsangàna ary aoka hatao batisa." Paoly no nitondra azy sy nanao batisa azy, nanao hoe, "Ankehitriny dia minoa an'i Jesosy Kristy Tompo, dia ho vonjena ianao sy ny ankohonanao."

368 Mino ny inona? Mino an'i Jesosy Kristy Tompo, ho an'ny ankohonanareo, ampiharo ilay Famantarana ho an'ny ankohonanareo.

369 Avy eo dia inona no ataonareo rehefa mampihatra an'Izany amin'ny ankohonanareo ianareo? Esory ny fako rehetra. Alaivo ireo zipo fohy rehetra, sy ireo sorta, sy ireo karatra, sy ireo

sigara, sy ireo televiziona, sy inona koa, ary ario any ivelan'ny varavarana izany, rehefa hampihatra an'ilay Famantarana ianareo; tsy tantiny izany. Eny, tompoko. Avohay izany rehetra izany. Ireo dihy rehetra, sy ireo fety, sy rock-and-roll, sy ireo gazety tranainy ratsy, ary ireo zavatra izay avy amin'izao tontolo izao, ario any ivelan'ny varavarana izany, manaova hoe, "Manadio an'ity toerana manodidina eto ity izahay."

370 Tahaka ny nataon'i Jakoba, nilaza izy, niteny amin'ny vadiny sy izy rehetra, nanao hoe, "Sasao ny akanjonareo sy ny sisa. Esory ireo andriamanitrareo." Amena. Jo-. . .

371 Fantatrareo ve izay nolazain'i Josoa talohan'ny niampitana? Hoy izy hoe, "Sasao ny akanjonareo; aza mankany amin'ny vadinareo, sy ny sisa, ary miomàna, fa afaka telo andro dia hiampita an'i Jordana isika." Amena. Niomana izy, nampihatra an'ilay famantarana. Amena. Izay ilay izy.

372 Miomàna. Ampiharo Izany. Inoy Izany. Midiova. Aoka ny zanakareo, aoka ny fianakavianareo, aoka ireo olon-tianareo, hahita an'Izany ao aminareo. Marina izany. Hisy fiantraikany Izany. Eny, tompoko!

373 Avy eo dia ampiharo ao amin'ny vavaka ilay Famantarana, miaraka—miaraka—miaraka amin'ny fandinihana tsara, miaraka amin'ny finoana. Ampiharo Izany miaraka amin'ny fitiavana betsaka, sy ny sisa, mandra-pahafantatrareo fa izany dia, izany dia hiseho. Izay ihany. Ampiharo amin'ny fahatokiana Izany, mino fa Izany no hanampy anareo. Rehefa miresaka amin'io zanaka io ianareo, rehefa miresaka amin'ny vadinareo lahy ianareo, miresaka amin'ny vadinareo vavy, miresaka amin'io olon-tiana io, dia minoa fa hanampy Izany. Mijoroa fotsiny eo, ary manaova hoe, "Tompo, efa nitaky azy ireo aho. Ahy izy ireo. Maka azy ireo ho Anao aho, Tompo."

374 Ampiharo Izany, ary forony manodidina anareo izany rivotra iainana izany, mba hidiran'izy ireo avy hatrany ao anatin'Izany. Hitanareo? Oh, ianareo dia, ianareo dia, raha manana an'ilay Famantarana ianareo, dia mamorona fanahy iray manodidina anareo ianareo, hery iray, ka rehefa mandeha ianareo, dia fantatry ny olona fa Kristiana iray ianareo. Tian'izy ireo hilaza zavatra amin'izy ireo ianareo. Mino ny teninareo izy ireo. Izay lazainareo, dia mifikitra amin'izany izy ireo. Hitanareo? Izay ilay izy.

375 Ampiharo ilay Famantarana, avy eo dia mandehana miaraka amin'Izany. Takio ny ankohonanareo. Tsy maintsy ataonareo izany ankehitriny. Izao no andro hariva. Ankehitriny, efa ela no nihainoanareo, ankehitriny dia izao no andro hariva. Izany no fotoana fampiharana ankehitriny. Hamely ilay fahatezerana, indray andro any, mety ho tara loatra amin'izany fotoana izany. Hitanareo? Ampiharo ilay Famantarana, miaraka amin'ny fahatokiana.

376 Raha tianareo ny namaky an'izany, hamaky zavatra iray eto, ny Soratro izay nosoratako eto ho an'izany, dia vakio ny Efesiana 2:12, ary raha tianareo ny handray naoty an'izany. Mariho, ao amin'ny Efesiana 2:12, rehefa mamaky an'izany ianareo, dia izao no lazain'izany. "Fa tsy manompo asa maty isika, fa manompo Andriamanitra velona iray, miaraka amin'ny asa velona." Amena! Oh, oadray! Miaraka amin'ny asa velona, famantarana velona. Mino ny famantarana velona ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Raiso naoty ihany koa, Hebreo 9:11-14, raha tianareo ny handray naoty an'izany. Famantarana velona, asa velona, ampiharo izany!

377 Fa tsy fanekem-pinoana maty, "Hitondra ny zanako lahy any am-piangonana aho ary hahita an'izay hikambanany amin'ilay fiangonana."

378 Zazalahy Kristiana mahafinaritra iray teto, sakaiza tsara iray, namana fahiny, tena namana, izy—izy dia tonga teto, natao batisa. Hoy ny reniny hoe, "Naniry aho ny mba nandehananao tany amin'ny fiangonana iray lehibe kokoa, raha nila ny hatao—ny hatao batisa ianao." Hitanareo? Hitanareo, tsy nila fanekem-pinoana tranainy maty sy ny sisa mihitsy izy. Hitanareo?

379 Tsy manompo fanekem-pinoana maty sy andriamanitra maty isika. Manompo Andriamanitra velona iray isika ka ny Ràny no nalatsaka tany, ary ilay Famantarana no nampiharina tamintsika, mba ho velona koa isika. Amena. Eny, tompoko!

380 Aza manompo fanekem-pinoana maty. Izy ireo aza dia mandà an'ireo zavatra ireo ho Famantarana. Hoy izy ireo hoe, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Tsy misy izany batisan'ny Fanahy Masina izany." Nahoana no hikambana amin'ny zavatra tahaka an'izany? Hitanareo? Aza manao an'izany.

381 Ampiharo ilay Famantarana, avy eo, "manompoa an'ilay Andriamanitra velona," ho an'ireo asa velona, famantarana velona; famantarana izay manasitrana ny marary, manangana ny maty, milaza mialoha an'ireo zavatra, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, mandika, tena marina tanteraka foana, ireo faminaniana ka milaza fa *ity* sy *izao* no zavatra hitranga, haneho famantarana eny amin'ny Lanitra ambony, sy eto an-tany, ireo famantarana sy fahagagana, amena, miteny marina tokoa an'izay nolazain'ny Baiboly fa hiseho. "Manompoa an'ilay Andriamanitra velona," ampiharo ilay Famantarana!

382 Aza mandeha any amin'ireny fiangonana ireny ka hikambana amin'ireny asa maty tranainy ireny sy ny zavatra tahaka an'izany, satria izy ireo aza dia tsy mino akory an'ireo zavatra ireo ho famantarana. Fa isika izay mino, amena, dia mahafantatra fa. . .Hoy izy ireo hoe, "Tsy misy izany famantarana izany. Izany, oh, oh, hadalana izany. Izay resahan'izy ireo any, dia fahadalana. Nahoana, tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. Nahoana, ianareo vehivavy any, oh,

ianareo—ianareo, nahoana, ianareo tsy . . . Inona no idiran'ny fitafinareo . . . ?" Misy izany. Ny Baiboly no niteny an'izany. "Inona no idiran'ny volonareo amin'ny . . . ?" Ny Baiboly no niteny an'izany.

383 Izany, izany mihitsy ilay fahasamihafana, hitanareo. "Aza mikasika, aza mandray, aza manandrana." Andriamanitra Izy. Hitanareo? Ankehitriny, tena midika zavatra iray izany.

384 Ankehitriny, mihevitra izy ireo fa fahadalana izany. Fa ho antsika izay mino kosa ka mahafantatra ny Fahamarinana, dia fantatsika fa Izany no Fanatrehany velona, satria Izany dia manao an'ireo zavatra mitovy tamin'izay efa Nataony fony teto an-tany Izy. Amena.

385 "Oh," hoy izy ireo, "nisaintsaina fotsiny izy ireo fa hoe nahita an'ilay Andry Afo izy ireo." Oh, tsia! Oh, tsia! Tsy misaintsaina na inona na inona isika.

386 Nihevitra izy ireo fa i Paoly dia nisaintsaina an'Izany, ihany koa. Egypta dia nihevitra fa Isiraely dia nisaintsaina an'Izany, saingy Izany no nitondra azy ireo nankany amin'ilay tany nampanantenaina. Eny, tompoko! Isika tsy . . .

387 Hebreo 13:8, fantatrareo, "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay," raha mandray naoty an'izany ianareo, eo, hitanareo, hoe, "Izy no tsy miova." Izany—izany dia tsy—izany dia tsy mitovy . . . tsy fisaintsainana iray.

388 Rehefa manoratra an'ireto Soratra izay soratako eto ireto aho, dia fantatro izay misy an'ireo Soratra, ary toy izany no hahitako azy. Hitanareo?

389 Fantatsika fa izany no Fanatrehany velona, satria izany ihany no Ataony ao amin'io Fanahy io. Ankehitriny, raha nandeha niditra tao anatin'ny fanekem-pinoana iray izany na anaram-piangonana, dia ho fantatsika avy hatrany fa tsy Kristy izany. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Raha nitarika anareo tao anatin'ny fanekem-pinoana iray aho na zavatra iray, hafa, dia nirahina avy tamin'ny anaram-piangonana iray aho. Fa tsy mitondra fanekem-pinoana aminareo aho, ary tsy mampianatra anaram-piangonana anareo. Mampianatra anareo ny Tenin'Andriamanitra aho, izay ny herin'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy voaseho, tsy ho ahy irery ihany, fa ho an'izay rehetra maniry. Hitanareo? Mba ianareo . . .

390 Rahalahiko ianareo. Tsy olona malaza iray aho, ary ianareo olona kely iray. Isika rehetra dia olona kely ao amin'Andriamanitra. Hitanareo? Isika no Zanany kely. Tsy mahafantatra na inona na inona isika, an'izay tena tokony ho fantatsika. Mamela antsika hahafantatra arak'izay Sitrapony Izy, ary mankasitraka Azy isika ny amin'izay tena fantatsika avy amin'ny Fitahiany. Ary tsy mizara an'izao amin'ny tenako aho; tiako ny mizara an'izany aminareo. Hitanareo? Tiako ho ao anatin'Izany ianareo, ary tiako handray an'io Famantarana io

ianareo. Ary raha tsy nanao an'izany ianareo . . . Maro aminareo, ny ankamaroanareo, dia efa nanao an'izany. Saingy ny sasany aminareo dia tsy nanao an'izany . . .

391 Hitanareo, izaho dia miresaka ho an'ny ao amin'ny horonam-peo, ihany koa, azonareo. Ary maro amin'izany . . . Ary tsy miresaka amin'ny ato am-piangonana ato aho; efa tafavoaka isika rehetra, heveriko. Fa mety hisy an'alinaliny angamba handre an'ilay horonam-peo, hitanareo. Ary, izany, asam-panompoana iray izany. Hisy olona hitsofoka ao Jeriko, fantatrareo, miaraka amin'ny horonam-peo iray, noho izany dia tiantsika ny—tiantsika ny hahazo an'io Voa voafidy mialoha io rehefa miditra any izany, hitanareo, satria ho avy ilay fahatezerana.

392 Fantatsika fa izany no Fanatrehan'ilay Andriamanitra velona, manaporofo fa Andriamanitra no nanangana Azy araka ny Teniny nampanantenaina. "Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao. Jeriko, Egypta, tsy hahita Ahy intsony izy ireo. Kanefa ianareo no hahita Ahy, satria Aho . . ." "Aho," ilay mpisolo tena, dia enti-manondro foana, hitanareo. "Homba anareo Aho. Izaho no ilay Famantarana. Ny Fitsanganako no ilay Famantarana. Ireo asa izay Ataoko no hanondro anareo, hanondro Ahy ao anatinareo."

393 "Tahaka ny tamin'ny andron'i—i Lota, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona, rehefa mivoaka ilay Hafatry ny hariva."

394 "Fa hisy Mazava rehefa amin'ny andro hariva. Rehefa amin'ny andro hariva mihitsy, no ho tonga ilay Mazava." Oh, voninahitra ho an'Andriamanitra! Manao ahy hahatsapa ho toy ny afaka hihazakazaka eo amin'ny andian-tafika iray izany ka hitsambikina eo amin'ny rindrina iray. Hitanareo? Hitanareo? "Hisy Mazava rehefa amin'ny andro hariva." Marina izany. Ny mpaminany no niteny an'izany.

395 "Homba anareo Aho. Ho ao amin'ny taonan'i Luther Aho; ho ao amin'ny taona Wesleyana Aho; ho ao amin'ny taona Pentekotista Aho; fa amin'ilay andro hariva mihitsy kosa, dia ho tonga ny Mazava." Hilofika ireo anaram-piangonana, ary avy eo dia hampiharina ilay Famantarana. Ary ireo izay marina ao am-po, nandritr'ireo, raha tsy—raha tsy misy anareo izy ireo dia tsy ho—ho natao tanteraka. Fa ao aminareo . . .

396 Izany dia toy ny hoe ny loha no tsy maintsy mandeha, mba haka ny tongotra. Ny loha no tsy maintsy mandeha, mba haka ny tànana. Ny loha no tsy maintsy mandeha, mba haka ny fo. Ny loha no tsy maintsy mandeha, mba haka ny vava. Hitanareo, ny loha no tsy maintsy mandeha.

397 Ary ankehitriny dia ao amin'ny fotoana izay nampiharana an'ilay famantarana teo amin'ny tolam-baravarana no misy antsika, hitanareo, sy eo amin'ireo andry. "Ary amin'izay

fotoana izay rehefa mahita ny rà Aho, ho famantarana iray, dia handalo anareo Aho."

398 Handeha haingana aho ankehitriny, haingana mihitsy arak'izay vitako ankehitriny. Eo amin'ny dimy minitra amboniny eo fotsiny, na folo, dia hifarana isika.

399 Izany no manaporofo fa Andriamanitra dia nanangana Azy tamin'ny maty. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Velona eto anivontsika Izy androany. Ary ilay "Aho" dia Kristy. Ary ilay "Aho" no momba antsika hatramin'ny faran'ny . . . izany hoe *fahataperana*, izay midika hoe, "ny faran'izao tontolo izao." "Ho eo Aho hatramin'ny faran'izao tontolo izao," araka ny Teniny nampanantenaina. Izy no nampanantena an'izany. "Ary ireo asa izay Ataoko no hataonareo koa." Tsy hadalana izany ho antsika. Izany ilay Famantarana. Izany ilay Famantarana.

400 Manaiky an'io fanatitry ny Rà masina io isika. Manaiky ny Ràny natao fanatitra isika, avy eo dia manome . . . Izy izay nanome antsika an'ilay Aina, ilay Famantarana, ho tombokasen'ny Fampanantenany. Efesiana 4:30, nanao hoe, "Aza mampalahelo ny rà"? Tsia. "Aza mampalahelo ny Fanahy Masina, izay nanisiana antsika . . ." [Hoy ny fiangonana hoe, "'*Tombokase*.'"—Mpand.] "Vita fanekena, natokana." Vita fanekena ianareo. Izany ianareo. Famantarana iray, ny Fanahy Masina, no ho tombokase. Rehefa misy zavatra vita tombokasen'ny tombokase iray ao anaty, dia tsara ho anareo ny tsy mamaha an'izany. Tsy afaka mamaha an'izany, ianareo, tsy ny Tombokasen'Andriamanitra. Tsia. Hitanareo? Satria ianareo dia . . . "Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny andro fanavotana anareo, rehefa hatsangana ny vatana."

401 Voa iray izany, famantarana iray fa ilay voa dia nampitsimohan'ny Fiainana Mandrakizay, "*Zoe*, 'Ny Aiko Manokana,' ary Izaho no hanangana azy indray amin'ny andro farany." Ary raha mandeha ianareo, dia manana fahatokiana ianareo fa io Ain'i Kristy io no ao aminareo, ary ianareo ao Aminy. "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray, ary vita tombokase ao tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina," eo anivon'ireo mpino tahaka an'izao, "mandra-pahatongan'ny andro izay ananganan'i Jesosy antsika." Oh, oadray! Ampiharo ilay Famantarana. Izany no dikan'io amintsika. Miandry an'io Fanatitra io isika hanome antsika ny Aina, ary manao Izy. Ary Izany no manome antsika ny Famantarana, ary mampihatra an'ilay Famantarana isika, izay ny Tombokase mandra-paha . . . Ho—ho mpandray anjara amin'Izany, zavatra lehibe toy ny inona izany, ho mpandray anjara, vita batisa tamin'io Fanahy iray io, ho ao amin'ilay anankiray maha- . . . Vatana hafahafa.

402 Marina ve no nilazako an'ilay teny, *hafahafa*? Mahagaga, Vatana mahagaga, Vatana mahagaga an'i Jesosy Kristy. Hitanareo, hoy ny Fanahy Masina hoe, "Diso ny nilazanao azy." Dondrona iray tahaka ahy, fa hoy Izy hoe, "Diso no nilazanao azy," izaho niantso an'ilay izy hoe, "*hafahafa*," izany dia Vatana mahagaga an'i Jesosy Kristy, hitanareo, ilay Vatana mahagaga an'i Jesosy Kristy. Izaho tsy . . . Isika tsy mila fianarana iray; isika mila ny Fanahy Masina. Izy no Tokana. Hitanareo? Izy no Tokana. Hia, hitanareo, mety nahatafintohina olona iray any ho any izany, mpampianatra iray, ankehitriny dia antenaiko fa azony tsara ilay izy. Ilay Vatana mahagaga! Ho an'ny zavatra iray izany, satria tsy ho niteny an'izany Izy. Hitanareo? Eto mihitsy Izy ankehitriny. Eto amin'ny polipitra eto mihitsy Izy. Ery mihitsy Izy. Izy Izany. Hitanareo? Fioo!

403 Ary ao Aminy tsy misy fahafatesana. Ao Aminy tsy misy alahelo. Ao Aminy tsy misy hasasarana. Ao Aminy tsy misy ota. Ao Aminy tsy misy aretina. Ao Aminy tsy misy fahafatesana. Ao Aminy isika! Raha manandrana ny manolotra zavatra iray aminareo i Satana, toy ny aretina, dia raiso fotsiny ny Famantaranareo ary ampiharo Izany. Oh, oadray! Raiso ny Famantaranareo ary ampiharo Izany, hoe ianareo dia vokatra voavidin'i Jesosy Kristy. Ilay Famantarana dia mitsangana fa voaloa ny saran-dàlanareo.

Hoy izy hoe, "Rehefa maty ianao, dia very ianao."

404 Lazao hoe, "Diso ianao. Izaho manana an'ilay vokatra voavidy. Vokatra voavidy iray aho. Manana ny Famantarana aho."

"Inona ilay Famantarana?"

405 Fantany hoe inona Izany. Aza, aza miadaladala aminy. Fantany hoe inona Izany. Ankehitriny, afaka miresaka amin'ny sasany amin'ireo mpitory teny ireo ianareo, ary hiady hevitra aminareo izy ireo. Fa tsy i Satana; mahafantatra tsara izy. Hitanareo? Oh, hia. Tonga nanohitra an'izany izy, indroa na intelo, fantatrareo, ary nanao fahadisoana iray, tamin'ny fakampanahy. Fantatr'i Satana izay resahanareo. Asehoy fotsiny io Famantarana io, dia handositra izy. Eny.

406 Satria, inona izany? Izany dia vokatra iray voaisy tombokase. Tsy afaka mamaha an'izany hisokatra izy, ka hampiditra zavatra izay tsy marina ao. Lazao hoe, "Esory ny tànanao! Voaisy tombokase aho." Oh, oadray! Vokatra iray voaisy tombokase! Eny, tompoko! Voavidy ianareo. Hazòny eo ambonin'ny finoanareo tsy mihozongozona ao amin'ny Fampanantenany ilay Famantarana, diniho fa lasa izy. "Ny fiasan'ny fivavaky ny marina no mahery indrindra!" Hitanareo? Hitanareo? Raiso io Famantarana io. Izany no nanaovana Azy. Eo i Satana mba haka fanahy anareo.

Tany Egypta izy, mba haka fanahy.

407 Nahoana, fantatrareo, tamin'ny andro izay nametrahan-dRahaba an'ilay mpijangajanga . . . Ilay mpijangajanga dia nametraka an'ilay tady teo, ilay tady, ataoko fa ny sasany tamin'ireo miaramila ireo dia nihomehy ary naneso, nanao hoe, "Io vehivavy adala ratsy ery ambony ery io! Tsy ao intsony ny lohany. Jereo, miditra ao izy. Ha, ha, ha! Nahoana, efa mba nandre tahaka an'izao ve ianareo? Nahoana, Dokotera Jones no nilaza, teto hoe, 'Tsy misy dikany ny amin'io.'" Fa nisy, satria iraka iray avy tamin'Andriamanitra no nitondra an'ilay hafatra ary nilaza tamin'izy ireo.

408 Azonareo saintsainina ve ireo Egyptiana nilaza hoe, "Toy ny hoe . . . Hono ho'aho, jereo ilay andiana holy rollers adala, mametaka rà! Ha, ha! Tsy hanana loto iray ve izy ireo, hanasa an'io ankehitriny! Oh, oadray! Ireo tranony lehibe tsara tarehy rehetra dia voarakotry ny rà! Oh, hamaimboana toy ny inona! Hifanamby aminareo aho fa hahatsiravina io afaka andro vitsivitsy. Tsy misy dikany izany. Fantatrareo ve hoe nahoana? Ny ray masina *Ranona-sy-ranona* no niteny an'izany." Fa nisy. Nisy izany. Nidika zavatra iray izany.

409 Midika zavatra iray izany ho antsika izay mino an'Izany. Hitanareo? Tsarovy fotsiny ny finoanareo tsy mihozongozona izay ananareo ao amin'ny Teny! Ankehitriny, tsy Eva intsony ianareo. Hitanareo? Tsy iray amin'ireo mpisalasala ianareo, ary, eny, manao marimaritra iraisana amin'i Satana. Mihazona ny Tenin'Andriamanitra tsirairay ianareo. Hitanareo?

Hoy i Eva hoe, "Eny, ny Tompo no niteny an'izany!"

410 Hoy Satana hoe, "Saingy, fantatrao, ny Tompo dia azo antoka fa tsy hiteny zavatra toy izany amin'ny olona tsara tarehy tahaka anao. Oh, tena maha-te-ho tia loatra ianao. Tsy hiteny Izy." Oh, eny, Izy dia hanao, ihany koa. Izy no nilaza fa Hataony izany.

411 "Eny, ny raiko dia mpitoriteny iray. Izaho efa mpitoriteny iray." Izaho—izaho tsy afaka manampy amin'izany. Raha tsy misy an'ilay Famantarana, dia very ianareo. Eo amboninareo ilay fahatezerana, hitanareo, izay ihany, raha tsy misy an'ilay Famantarana. Hitanareo? Hia. Izy no nilaza fa Hataony izany, ary Hataony izany. Izany, milamina hatreo fotsiny izany. Izy no milaza fa Hataony izany.

"Oh, mino aho fa ireo andron'ny fahagagana . . . "

412 Hia, fa Izy no nilaza fa tsy efa lasa izany. "Izaho no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay," hitanareo, izany mihitsy no Porofoiny ho maha-izy azy.

413 Ankehitriny, ho antsika, dia fantatsika izany. Ho azy ireo, dia tsy mino an'Izany izy ireo. Fa isika dia mino an'Izany. Fantatsika fa izany no Fahamarinana. Hitanareo?

414 Ankehitriny, satria ao anatin'izany, dia lasa ampahan'ny Teny isika. Ary amin'izay fotoana izay dia raiso ilay Famantarana, ilay Fanahy, ho eo ambonin'ny teny fikasana, "Izaho no Tompo izay manasitrana anao."

415 Ankehitriny miomàna ho amin'ny asam-panasitranana rahariva. Hitanareo? Raiso ilay Famantarana, ahantòny eo ambonin'ny Teny Izany, eo amin'ny finoanareo tsy mihozongozona amin'ity Teny ity, hivoaka izy. Ankehitriny, Izany no—Izany no zavatra izay handroaka azy, satria ao Aminy tsy misy zavatra tahaka an'izany.

416 Maniry aho ny hahafahako mijoro vavolombelona kely ankehitriny, amin'ireo zavatra sasany izay hitako nitranga mihitsy tao anatin'ny herinandro vitsy lasa. Hitanareo? Hitanareo? Oh, toy ny inona no hahafahako hijoro vavolombelona!

417 Fantatrareo, ary hoy i Lioka hoe, "Raha izay rehetra nataon'i Jesosy no hatao ao anaty boky, ny . . . tsy ho ampy hanoratana azy ireny ny boky eto amin'izao tontolo izao."

418 Izay hitako fotsiny tao amin'ny asam-panompoako manokana, hitako Nataony, dia tsy ho vitanareo ny hanangona ny habetsahana eto amin'ity lampihazo ity. Raha nosoratako amin'ny antsipiriany izay hitako Nataony tao amin'ny asam-panompoako manokana fotsiny, hitako Nataony. Hitanareo? Nahazo fahombiazana be lavitra Izy tao amin'ny asam-panompoako noho izay Nataony tamin'ny Azy Manokana. Ankehitriny, tsarovy, Izy no nahazo fahombiazana betsaka ankehitriny, fa tsy izaho; Izy no nanana. Voninahitra! Haleloia!

419 Nahazo fahombiazana be lavitra Izy teto Jeffersonville noho ny Nataony tany Nazareta. Nataony izany tao amin'io tanàna ratsy fanahy io ary ity tanàna ratsy fanahy ity. Amena! Voninahitra! Satria, "Tsy afaka nanao fahagagana Izy tany," fa nanao Izy teto. Tafavoaka Izy tamin'ny farany, teto. Vitany teto izany. Mety tsy maintsy naka olona tany ho any Izy, saingy Izy—Izy dia nahavita an'izany, na ahoana na ahoana. Noho izany, dia nahazo fahombiazana be lavitra mihitsy Izy teto noho izay Nataony tany—tany Kapernaomy na—na Nazareta, tamin'izany. Nanao fahagagana be lavitra mihitsy Izy teto amin'ity tabernakla ity noho izay Nataony tao amin'ilay asam-panompoana manontolo teto an-tany. Marina izany, Nataony izany. Ankehitriny dia ahoana ny amin'ny sisa amin'izao tontolo izao? Oh, oadray! Ankehitriny dia izany no Nataony.

420 Ankehitriny tsarovy, "Izy" no nanao. Ankehitriny, izany dia tsy nilaza mihitsy hoe izaho no nanao an'ilay izy, hitanareo, tsia, satria tsy izaho no nanao an'ilay izy. Tsy nanao mihitsy aho. Tia Azy fotsiny aho ary nanolotra ny tenako Taminy fotsiny, ka nilaza izay Nolazainy, ary ny Fanahy Masina no nandeha tany

amin'ireo olona hafa ka nino an'izay Nolazainy izy ireo, ary avy eo dia Izy no nanao an'ilay asa. Izay ihany.

421 Raha mba afaka mahazo antsika rehetra hino an'izany Izy! Inona no Azony hatao izao ankehitriny izao raha afaka mahazo antsika rehetra hino an'izany Izy izao ankehitriny izao, izao mihitsy? Tsy hisy olona iray halemy eran'ny tanàna. Marina izany. Raha afaka mahazo ny olona rehetra hino an'izany Izy, dia ho tapitra izany rehetra izany. Hitanareo?

422 Hazòny ny Famantaranareo eo amin'ny finoanareo tsy mihetsiketsika ao amin'ny Teniny nampanantenaina, dia handeha i Satana.

Ankehitriny dia hamarana aho ankehitriny.

423 Nanome famantarana iray hafa an'izao tontolo izao Andriamanitra indray mandeha; avana iray izany. Tsaroanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izy hatrizay, hatrizay dia nijanona mahatoky foana teo amin'izany famantarana izany, satria Nomeny ho famantarana iray izany. Nandritr'ireo an'arivony taona ireo, dia tsy diso tamin'ny fampisehoana an'izany famantarana izany mihitsy Izy. Marina ve izany? ["Amena."] Nahoana? Manaja an'izany Izy. Izy no nanome an'izany. Nomeny famantarana iray izao tontolo izao fa tsy handrava ny tany amin'ny safo-drano intsony Izy. Ary Izy hatrizay, hatrizay, hatramin'io andro io, dia nampiseho.

424 Misy singa sasantsasany eny amin'ny habakabaka, izay mamorona an'ilay avana. Rehefa avy ny orana, ka mivoaka ny masoandro, dia izany no maneho an'ilay izy. Manamaina ny orana ilay masoandro, noho izany dia Napetrany teo ilay avana mba hanaporofo fa tsy hisy rano betsaka intsony hilatsaka amin'ny tany handrava azy indray. Izany no Fanekeny. Izany no famantarana iray. Hoy Izy hoe, "Homeko anareo izany ho famantarana iray."

425 Nanaja ny Famantarany Izy. Nanaja ny Famantarany Izy tamin'ny andron'i Noa. Mbola maneho an'izany foana Izy. Nanaja ny Famantarany Izy tany Egypta. Nanaja an'izany Izy tany Jeriko. Manaja an'Izany Izy amin'izao andro izao. Manaja hatrany ny Famantarany Izy rehefa voaseho izany.

426 Nandritr'ireo an'arivony taona ireo, dia Tiany ny nampiseho an'izany famantarana izany. Tsy Adinony mihitsy izany. Tsy manadino ny Famantarany Izy. Ankehitriny, tsy mampaninona na impiry miova izao tontolo izao, mbola eo foana ilay avana. Hitanareo, manaja ny famantarana Izy.

427 Toy izany koa no Ataony ankehitriny, manaja ny Famantarany Izy. Tsy mampaninona na impiry miova ireo fiangonana, impiry no anaovany an'*ity*; mbola manaja foana ny Famantarany Andriamanitra, izany ihany. Izany dia maneho amintsika fa Izy dia tsy diso amin'ny fanajana an'izay Ataony

sy izay Lazainy. Isika dia manaiky, isika—isika dia mankatò an'Izany. Mankatò aho.

428 Miandry antsika rehetra koa Izy hampiseho ny Famantarany eo amin'ny finoantsika, amin'i Satana sy ireo fombam-pivavahany sy anaram-piangonany tsy mino rehetra, hoe isika dia mino fa marina ny Fampanantenany, ary Izy dia hanao an'izay Nampanantenainy fa hatao. Izany no Fiangonana.

429 Tsy mahagaga raha tsy tonga eo amin'ilay fototra voalohany izy ireo eo, araka ny iantsoantsika azy; miala tsiny amin'ilay fitenenana. Tsy mahagaga raha tsy tonga n'aiza n'aiza afa-tsy ny miverina ho anaram-piangonana iray izy ireo ary manao andian'olona iray tsara akanjo, mamiratra, mahay, nianatra. Tsy tonga n'aiza n'aiza mihitsy, satria izany no asehon'izy ireo, "Metodista aho. Presbyterana aho." Izany fotsiny ihany izy rehetra.

430 Fa ireo mpino dia maka an'ilay Famantarana! Ary izay natombok'i Jesosy natao tany Galilia, no Tohizany atao ankehitriny amin'ny alàlan'ny Fampisehoany an'ilay Famantarana, an'ny Fanahy Masina miverina indray eo amin'ilay Fiangonana. Satria, tsy asan'ireo apostoly izany, fa asan'ny Fanahy Masina tao amin'ireo apostoly izany, ary izany no Famantarana iray.

431 Nilaza izy ireo fa nandinika tsara an'i Petera sy Jakoba, raha izy ireo . . . Petera sy Jaona, raha nandalo teo amin'ilay vavahady antsoina hoe Itsaraendrika izy ireo, nahita fa tsy mahay izy ireo. Mety niteny izy ireo hoe, "Hit, hain't, tote, tear, fetch, carry. Ho lazaiko anareo ny momba an'*izany.*" Hitanareo? Mety efa nanana ny karazan'ny gramera rehetra izy ireo izay tsy nety azon'izy ireo. Mety tsy nahafantatra ny fahasamihafana izy ireo, ny rehetra amin'ny—ny . . . ny matematikan'ny Soratra rehetra. Fa voamarik'izy ireo kosa fa efa niaraka tamin'i Jesosy izy ireo. Afaka nampiseho an'ilay Famantarana izy ireo, satria ilay Fanahy iray ihany izay teo Aminy, talohan'ny fanohomboana Azy, no teo amin'izy ireo taorian'ny fitsanganana. Amena!

432 Koa dia izany no manao Azy ho Hebreo 13:8, "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Izany no ahafantarantsika fa velona Izy. Satria nahoana? Ahoana no ahafantarantsika fa velona isika? Satria velona Izy. Ary satria fantatsika fa velona isika, dia satria tahaka Azy isika, ary ao Aminy isika. Ary hoy Izy hoe, "Satria velona Aho, dia velona koa ianareo. Izaho no Izy," ao amin'ny Apokalypsy, "ilay efa maty, fa velona mandrakizay mandrakizay." Ary raha—raha maty amin'ny tenantsika isika ka lasa velona ao Aminy, dia velona mandrakizay mandrakizay isika. Ary amin'izay fotoana izay ny Fiainany ao anatintsika dia mitovy fotsiny amin'ny fiainan'ny zavatra hafa rehetra, Izany dia mampiseho fotsiny ny maha-izy

Azy. Ary izany no manao Azy ho tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

433 Ankehitriny ahoana no ahafahanareo, rehefa mandà an'Izany izy ireo? Tsy hitanareo ve, "ireo asa maty"? Manompoa an'ilay Andriamanitra velona, amin'ny alàlan'ilay Mandrakizay. . . Ny tiako lazaina, dia ilay fanekena maharitra an'ilay Aina izay tao amin'ny Ràn'i Jesosy Kristy. Ankehitriny manohy isika, ho any amin'ny farany, izaho. . . Eny, mino aho, fa hijanona fotsiny isika. Hitanareo, mampiseho an'ilay Famantaran'ny Fahasoavany, ny Fitiavany! Ankehitriny, raha tsy ampiharina io Famantarana io. . .

434 Ankehitriny, izany no Famantarana. Inona no atao hoe Famantarana? Ny Famantarana dia mariky ny trosa iray efa voaloa. Efa voaloa ny vidiny iray notakiana. Ny vidin'ny famonjentsika dia fahafatesana, hitanareo, ary tsy nisy olona afaka nandoa an'izany afa-tsy Kristy. Fa tsy ny—ny fanahin'anaram-piangonana iray, tsy ny fanahin'ny papa iray, tsy ny fanahin'olona iray na masina iray; fa ny Fanahin'i Jesosy Kristy, eo amin'ilay Fiangonana, no Famantarana fa efa voaloa ilay trosa ary Izy no nahatanteraka ny fitakiana tsirairay izay notakian'Andriamanitra, ary Izy sy isika dia iray. "Amin'izany andro izany, dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Ray, ny Ray ato Amiko; Izaho ao aminareo, ary ianareo ato Amiko."

435 Ampiharo ilay Famantarana! Ampiharo ilay Famantaran'ny Fitsanganany. Fa, satria nitsangana ho an'ny fanamarinana antsika Izy, dia nanangana antsika niaraka Taminy koa Izy. Ary ankehitriny dia mipetraka ao amin'ny toeran-Danitra isika, ao amin'i Kristy Jesosy, eo ambanin'ny fiombonan'ilay Famantarana.

436 Raha nipetraka teo Isiraely, ka nivoaka ireo hiakiaka, teny an-dàlambe, dia tsy nisy na inona na inona nampiahiahy azy ireo. Zavatra tokana ihany, dia ny mahazo antoka fotsiny fa ilay rà, ilay famantarana, dia naseho.

437 Izany no zavatra tokana izay tokony hampanahy antsika izao ankehitriny izao. Misy loza eo amin'ny—eo amin'ny làlana, efa manomboka, ry sakaiza. Tsy ho ela intsony izany, mamely ny loza. Fantatrareo izany. Mahazoa antoka fa voaseho ilay Famantarana. Ary ny Famantarana dia ny Fanahy Masina. "Fa tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray, ka natao ho mpandray anjara amin'ny Voninahiny," mankany amin'ny Tanintsika, Tranontsika, mandeha mankany amin'ilay Tany nampanantenainy ankehitriny.

438 Tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Mino an'ilay Famantarana ve ianareo? ["Amena."] Firy no te-hilaza hoe, "Oh, Rahalahy Branham,

mivavaha ho ahy, mba hahatongavako eo ambanin'io Famantarana io"? ["Amena."]

Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

439 Tompo Jesosy, Tokana Mpiahy Indrindra! Raha tao anatin'ny ota izao tontolo izao, ka tsy nisy olona afaka nanampy, Andriamanitra, tao amin'ny famindram-po, no naneho mialoha, tamin'ny alàlan'ny tandindona iray, fa ho avy ny Famantarana iray izay afaka hanaisotra ny ota; tsy hoe manarona azy fotsiny, fa afaka nanaisotra azy. Ary tonga ara-potoana mihitsy Jesosy, ary Izy no nandatsaka an'ilay Rà, ny Ainy Manokana, naka . . . nanao fanaovam-panavotana iray ho anay ho an'ny otanay, ary avy eo dia namerina Azy indray tao amin'ny endrika Fanahy Masina, izay Famantarana iray ankehitriny izay tokony ho tehirizin'ilay Fiangonana mandra-Pihaviny. Satria ny Apostoly Petera no nanao hoe, "Ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an'ny zanakareo, ary ho an'ireo izay lavitra, na iza na iza hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika."

440 Tompo, noho ny Fahasoavanao, ny Fanampianao, dia mitaky ny tsirairay izay mandre an'ity Hafatra ity aho. Mitaky azy ireo ho an'Andriamanitra aho, mivavaka Aminao aho, Tompo, ny eto izao maraina izao sy ireo izay handre ao amin'ny horonampeo. Ary raha misy Voa iray any ho any, izay voafidy mialoha, Tompo, mba handre ny Tenin'izao andro farany izao, dia enga anie izy ireo hanatona ankehitriny, amim-pahalemem-panahy sy amim-panetre-tena, ka hametraka ny amboaran'izy ireo eo amin'ny hazo fijaliana, na ny tenan'izy ireo, ho amboara iray an'ny fahasoavan'Andriamanitra izay niantso azy ireo. Ary enga anie izy ireo ho feno ny Fanahy Masina ka hampiseho an'ilay Famantaran'ny Ain'i Jesosy Kristy ao amin'ny Fitsanganany, raha mbola mitoetra eto an-tany eto foana izy ireo. Ekeo izany, Tompo.

441 Ireo Teny ireo, Tompo, dia mety tsy voalazako tsara izy ireo. Ary raha tsy voalazako, dia mivavaka aho mba ny Fanahy Masina no handray an'izany Teny izany ka hanolotra azy ireo amin'ny fomba izay tokony hanolorana azy, mba hahatonga ny olona hahazo sy hahafantatra, tsy misy lolom-po. Ary aoka izy ireo hahafantatra fa ny fitiavana dia manitsy. Ary mba hahafantaran'izy ireo fa izany dia nohon'ny ora izay iainanay, sy ny fihavian'ny Tompo efa akaiky, ary hitanay ireo jiro mena lehibe mipipiaka, manerana an'izao tontolo rehetra izao, hoe antomotra ny andro.

442 Enga anie ny olona handray ny Fanahy Masina amin'ity andro ity! Mivavaka aho, ary manolotra azy ireo ho Anao, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Ary aoka ho Famantarana iray ho anay Izany raha mbola velona koa izahay, fa Ianao no nampanantena fa ho tanteraka Izany. Ho mora ny hangataka an'izany, satria Ianao no nampanantena fa ho tanteraka Izany,

ary fantatro fa ho tanteraka Izany. Amin'ny Anaran'i Jesosy no ivavahanay. Amena.

Ankehitriny, miaraka amin'ny lohantsika miondrika, iray minitra fotsiny.

443 Miaraka amin'ny finoana, mino, efa nivavaka ho anareo aho, arak'izay fantatro rehetra. Izaho—izaho dia nivavaka tamin'ny fahatsoram-po, miaraka amin'izay fantatro rehetra hoe ahoana no hivavahana ho an'izany.

444 Jereo, fantatro izany. Mba fantatrareo moa? Ny ampahafolon-karenanareo sy ny fanatitrareo no ivelomako. Ny fanohananareo, eto amin'ny fiangonana, no ananako olona hitoriana teny. Izany dia ny fitiavanareo, sy ny "amenanareo," ary ny fiombonananareo. Ary ireo teny tsaranareo any anivon'izao tontolo izao izay andehanako any, any amin'ireo fanjakana samihafa manerana ny firenena, ny teninareo no manampy hitondra ny Hafatra. Ianareo izany. Mpiara-miasa ao amin'ity isika, miaraka amin'i Kristy. Mpirahalahy sy mpirahavavy isika, ary Izy no Mpanjakantsika. Ary tiako ianareo. Izaho—izaho—izaho—izaho, izay misy ahy, no tiako hisy anareo. Mandeha fiara manerana ny firenena aho, mba hiresaka aminareo matetika. Maniry ny hihaona aminareo eto aho ny Alahady maraina. Tiako ianareo. Tia anareo foana aho. Indraindray dia tsy maintsy miteny tena henjana aho, saingy fanitsiana fotsiny ihany izany. Hitanareo, ilay izy dia satria tiako fotsiny ianareo, hitanareo, ary tsy tiako ho diso an'Izany ianareo. Ianareo, tsy tokony hanao an'izany ianareo.

445 Ankehitriny, amim-pahalemem-panahy sy amim-panetre-tena fotsiny, miaraka amin'izay rehetra ao am-ponareo, ao anaty lalina ao, dia ekeo fotsiny Izany. Manaova hoe, "Tompo Jesosy, raiso izay rehetra ato amiko izao ankehitriny izao, izay tsy mitovy Aminao, ary avelao aho hanala ny fireharehako rehetra, izay rehetra ato amiko, hivoaka. Ny fako rehetra, ny tsi-finoana rehetra izay ato amiko, izaho—izaho manary an'izany ankehitriny, Tompo. Roahiko mihitsy izany. Ary aoka ilay Fanahy Masin'Andriamanitra malemy fanahy, tahaka ny voromailala, hidina ato anatiko. Izaho—izaho te-ho velona Mandrakizay, Tompo, ary izaho—izaho mila Anao hanampy ahy amin'izao fotoana izao. Ekeo izany ankehitriny."

446 Raha mbola mivavaka ianareo, dia hisamonomonona an'ity hira ity isika, na hihira azy moramora, miaraka, *Tiako Izy.* Ary, tsarovy, tonga amin'ny alàlan'ny fitiavana izany, satria Izy dia fitiavana. Raha hametraka ny tànako eto ambonin'ireo mosara ireto aho, satria mety haka azy ireo alohan'ny rahariva ny olona.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

Tiako Izy, tiako Izy.
Satria nitia ahy mialoha Izy,

Ankehitriny atolory ho Azy fotsiny ny fiainanareo.

Ka nividy ny famonjeko
Teo Kalv-. . .

447 Tiavo, tiavo, tiavo Izy. Jereo izay Nataony ho anareo. [Manomboka misamonomonona ny *Tiako Izy* Rahalahy Branham—Mpand.] Amin'ny alàlan'ny fitiavana izany. Ny fitiavana no mitondra fankatoavana. Ny fitiavana no mitondra fifamofoana. Ny fitiavana no mitondra fanambadiana. Ary eo amin'izany no hirosoantsika, Sakafom-Panambadian'ny Zanak'ondry. Reko ny antson'ny Mpamonjiko, hoe Izy dia tia ahy, ihany koa. Izaho, ihany koa! Izaho . . .

448 Ny fonareo rehetra fotsiny, mahatsapà Zavatra tena malemy fanahy fotsiny miditra ao anatinareo. Izany no Fanahy Masina.

Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

449 Raha . . . Hanangana ny tànako aho, miaraka amin'ny mpanatrika, miaraka amin'ny zava-maneno. Raha nanota aho, raha nanao zavatra ratsy aho . . .

Mivavaka ho anareo aho ankehitriny, ary ho an'ny tenako.

450 Raha nanao zavatra ratsy aho, ny tànako mankany Aminao, Tompo, dia midika fa manenina aho. Ny tànako mankany Aminao, Tompo, dia midika fa izaho tsy—izaho tsy te-hanao an'izany. Ary fantatro fa ho faty aho, Tompo. Tsy maintsy handao an'ity izao tontolo izao ity aho, ao amin'ny endrika ara-batana. Te-hihaona Aminao aho. Ny tànako no midika, raiso izany, Tompo. Fenoy ny Fanahy aho. Omeo ahy ilay Famantaran'ny Fitiavanao ho eo amiko, ny Fanahy Masina, mba hanao ahy hiaina amim-pahalemem-panahy, amim-pahamoram-panahy, hanao ahy hiaina an'ilay Aina izay tao amin'i Kristy; ka hirehitra ho an'ny hafa ny foko, ka zara aho raha mba afaka hitsahatra, andro aman'alina, mandra-pahatonga ahy hahazo ny olona rehetra izay tratrako. Ho tahaka an'ireo iraka tany Jeriko aho; handeha any amin'ny olona tsirairay izay tratrako aho, ary hahita raha afaka hitondra azy ireny hanatona eo ambanin'ilay faneken'ny Rà aho, eo ambanin'ny Ràn'ny Zanak'ondry, mba hahafahan'izy ireo mandray an'ilay Famantarana.

451 Hitanareo, ny Rà no manadio. Ny Fanahy no Famantarana iray fa efa nampiharina ilay Rà. Hitanareo? Ny Fanahy no Famantarana fa efa nampiharina ilay Rà. Raha tsy nampiharina ilay Rà, ny—ny Fanahy dia tsy afaka ny ho tonga. Fa rehefa nampiharina ilay Rà, amin'izay fotoana izay dia ny Fanahy no Famantarana, mamerina azy indray aminareo, hoe ny finoanareo tao amin'ilay Rà dia efa nekena, voaloa ny saran-dalanareo.

Voaloa ny saran-dalanareo. Tapitra ny rehetra. Mikatona ilay raharaha. Kristiana iray ianareo. Mpino iray ianareo. Kristy no ao aminareo, ary ianareo ao amin'i Kristy.

> . . . nitia ahy taloha
> Ka nividy ny famonjeko
> Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

452 Miaraka amin'ny fonareo rehetra miondrika eo anatrehan'Andriamanitra ankehitriny; ny pasiteranareo, Rahalahy Neville, miaraka amin'ny teny famaranany sy izay ho lazainy.

453 Tsarovy ireo fotoana rahariva, asam-panasitranana. Tongava aloha. Ndao isika hanomboka amin'ny fito, avelao aho ho eto amin'ny lampihazo amin'ny fito sy sasany. Mety tsara ve izany, Rahalahy Neville? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Tsara izany."—Mpand.] Ankehitriny dia hanana fandraisana isika, hitanareo, rahariva. Tongava!

454 Amin'ity tolak'andro ity, dia mitoera tsara miaraka amin'Izany. Aza avela ho lasa ity Hafatra ity. Tsarovy, aza avela ho lasa mihitsy ity Hafatra ity!

455 Ilay Rà no ho Famantarana iray fa efa nomena ilay Aina. Hitanareo? "Ary rehefa mahita ny Rà Aho, dia handalo anareo Aho." Ny Fanahy Masina no Famantarana fa efa nampiharina ao amin'ny fonareo ilay Rà, ary Izany no Famantarana iray fa efa nampiharina ilay Rà. Raha tsy nampiharina mihitsy ilay izy, amin'izay fotoana izay dia tsy ho tonga ilay Famantarana. Azonareo? Manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy maintsy ampiharina ilay Rà, ary amin'izay fotoana izay vao tonga ilay Famantarana. Izany no Famantarana iray fa efa nampiharina ilay Ràn'ny fanavotana ary voaloa ny saran-dalanareo. Andriamanitra hitahy anareo. Rahalahy Neville.

*FAMANTARANA* MAG63-0901M
(Token)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 1 Septambra, 1963, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2015 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:



Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org